NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2020

# Liahona



## Zavatra telo izay azontsika ankasitrahana foana

pejy 12

Mamantatra ny fisian'ny fampiharana herisetra ary mandray andraikitra eo anatrehan'izany, pejy 5, 18


Mahita valim-panontaniana ao anatin'ny fotoana feno famitahana, pejy 24

Ahoana no hanampian'ireo trano fiangonantsika amin'ny fitsaohana ataontsika, pejy 38

TAFAORINA
ETO NY
FIANGONANA

# Busan
# Korea Ats





SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

# imo

Busan no misy ny iray amin'ireo tsatòka miisa 12 ao Korea Atsimo. Misy foiben'ny misiôna ao Busan. Ireto dia zava-misy sasantsasany momba ny Fiangonana ao Korea Atsimo:

mpikambana — 88.418

12 — tsatòka, distrika miisa 5, misiôna miisa 6

vondrom-piangonana — 103

18 — ivontoeran'ny tantaram-pianakaviana

tempoly (Seoul) — 1

| | |
|---|---|
| 1956 | Misiônera ôfisialy voalohany |
| 1967 | Bokin'i Môrmôna voalohany navoaka printy tamin'ny fiteny Koreana |
| 1973 | Naorina ny tsatòka voalohany |
| 1985 | Nanokanana ny Tempolin'i Seoul |
| 1991 | Ny tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna faha-iray tapitrisany amin'ny fiteny Koreana |
| 2020 | Nanamba-peo ho an'ny hira famaranana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily teo tao anaty horonan-tsary ireo amboaram-peo avy ao Korea Atsimo |








Manompo amin'ny alalan'ny fandaharan'asa ankizy sy zatovo
8



Mizara hafatra mitondra fanantenana ireo Apôstôly
12



Fahagagam-pahasitranana amin'ny alalan'ireo ôrdônansin'ny tempoly
*Reyna I. Aburto*
18



Ray ô, misaotra anao izahay
*Loholona Neil L. Andersen*
24

# Misoroka ny fanararaotana

Ao anatin'ny fiarahana madio dia miala tsiny ny olona noho ireo teny na zavatra natao tsy mety ary miantehitra amin'ny herim-panavotan'ny Mpamonjy mba hanampy azy ireo hivoatra sy hibebaka. Fa tsy mahasoa kosa ilay toe-javatra rehefa manohy manao zavatra tsy mety amin'ny hafa ny olona, ary ireo fiarahana ireo dia mety ho lasa anjakan'ny fanararaotana.

"Tsy misy toerana ho an'ny [fanararaotana sy ny] fanafintohinana toy izany ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra," hoy ny nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson ("Ireo harena ara-panahy," Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2019). Lahatsoratra maro ao amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana amin'ity volana ity no hanampy antsika hamantatra sy hiady amin'ny fanararaotana:

- Ao amin'ny lahatsoratro ao amin'ny pejy 18 dia miresaka momba ny toetoetry ny fanararaotana aho ary mampahafantatra loharano vitsivitsy hanampiana anao na olona fantatrao hamantatra sy hanasitrana fiarahana anjakan'ny fanararaotana.
- Ao amin'ny pejy 58 dia misy zatovovavy iray mizara ny zavatra niainany tamin'ny fanararaotana ara-nofo azy tamin'ny fahazazany sy ny fomba nahafahany nahazo risi-po sy hery hiresahana sy hitadiavana fanampiana tamin'ireo olon-dehibe azo antoka sy ny Mpamonjy.
- Ao amin'ny pejy N12 amin'ny *Namana* amin'ity volana ity ianao dia afaka mahita asa atao an-tsoratra izay hanampy raha hifanakalo hevitra miaraka amin'ireo zanakao momba ny "filazana hoe tsia." Ampiasao io asa atao io ho fototry ny lesona atao amin'ny takarivam-pianakavy momba ny fisorohana ny fanararaotana.
- Mety handratra toy ireo karazana fanararaotana hafa ihany koa ny fanararaotana ara-pihetsehampo. Vakio ny "Famantarana ny herisetra ara-pihetseham-po" ao amin'ny endrika nomerika an'ity laharana ity mba hianarana momba-na fambara dimy mampitandrina ny amin'izany ary ny fomba hahazoana fanampiana.

Raha efa voa ianao dia afaka mangataka fitarihana sy fahasitranana amin' Andriamanitra ary mitady fanampiana ihany koa amin'ireo olona azo antoka. Fantatry ny Tompo ny fahatsapana ananantsika, ary hitarika antsika hahazo fiarovana sy fifaliana Izy rehefa mitodika any Aminy isika.

Enga anie isika hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra ary hanatona Azy isan'andro,

Jason Whiting, PhD
Sekoly fianarana momba ny fiainampianakaviana ao amin'ny Oniversite Brigham Young

# Votoatiny


**5 Fahafantarana fanararaotana**

**6 Fanehoana ny finoana**
Sakiusa sy Salote Maiwiriwiri
Miaina ny fiainany am-pifaliana sy miaraka amin'ny tanjona isan'andro ry Maiwiriwiri na dia nindaosin'ny fahafatesana ny zanak'izy ireo anankiroa.

**8 Ireo Fitsipika momba ny fanompoana**
Manompo amin'ny alalan'ny fandaharan'asa ankizy sy zatovo
Tsy voatery latsaky ny 18 taona ianao vao afaka mampiasa ny Fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo mba hanampy amin'ny ezaka ataonao amin'ny fanompoana.

**12 Mizara hafatra mitondra fanantenana ireo Apôstôly**
Ahoana no ijanonana akaiky an' Andriamanitra, anompoana amim-pitiavana, ary androsoana amim-paharetana mandritra ny valan'aretina.

**18 Fo voaratra mafy: mahatakatra ny fanararaotana ao amin'ny fianakaviana**
*Nataon'i Jason B. Whiting*
Mamantatra karazana fanararaotana dimy ary mikatsaka fanantenana sy fahasitranana.

**24 Mijoroa eo amin'ny vatolampin'ny fanambarana**
*Nataon'ny Loholona Lawrence E. Corbridge*
Ny fikatsahana fahamarinana dia manomboka amin'ny fikatsahana ny valin'ireo fanontaniana fototra.


**30 Ny feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**
Mahita fiadanana sy fifaliana ao amin'ny tempoly ny fianakaviana iray; mitondra fanasitranana ny piozila iray, nanana fahafahana hamaky ny Bokin'i Môrmôna indray ny lehilahy iray; lasa mahatakatra ny tanjon'ny batisany ny zatovolahy iray.

**34 Avia, hanaraka Ahy: Bokin'i Môrmôna**
Ireto lahatsoratra fampiasa isan-kerinandro ireto dia afaka manohana ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna amin'ity volana ity.

**38 Efitrano fivoriana: toerana fanajana sy fitsaohana**
*Nataon'ny Eveka Dean M. Davies*
Ny efitrano fivorianareo dia toerana masina izay afaka manome fahafahana maro hahatsapana bebe kokoa ny Fanahy eo amin'ny fiainanao.


Lahatsoratra fohy


Fanampiana amin'ny *Avia, hanaraka Ahy*



**Eo amin'ny fonony**
Sary nalain'i Getty Images.

# Fizarana


Tanora
**44**
Ny fiankinan-doha dia mety ho lasa fehy mitazona antsika tsy handroso. Afaka **mahita fahafahana isika rehefa manatona ny Mpamonjy antsika,** izay tia antsika na dia ao anatin'ireo fahalementsika sy ireo tolona ataontsika.


Zatovo
**52**
Na mitolona amin'ny asa sahanina isan'andro ianao, na amin'ny fanasitranana amin'ny fanararaotana, na amin'ny fahasalamana ara-tsaina, na hiteny fotsiny ny anarana fenon'ny Fiangonana dia **tsy irery ianao.**






Zanaka
***Namana***
*Mianara momba ny* **fahafolonkarena** *sy ny fomba hanampiana ny fianakavianao* **hiaina ampahasambarana kokoa.**




## LAHATSORATRA HO AN'NY NOMERIKA IHANY, VOLANA ÔKTÔBRA



### Fomba 37 samihafa handalinana ny soratra masina

*Nosoratan'i Marissa Widdison*

Raha tsy dia tia mamaky loatra ianao dia andramo ny fandalinana ny filazantsara amin'ny alalan'ny iray amin'ireto fomba ireto.



### Famantarana ny herisetra ara-pihetsehampo

*Nosoratan'i Nanon Talley*

Mizara ny fomba famantarana ny herisetra ara-pihetsehampo ao amin'ny fifandraisanao sy ny fomba hiatrehana izany ny manampahaizana iray ao amin'ny sampana misahana ny fianakaviana.

## MITADIAVA MISIMISY KOKOA

Ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile na ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org, ianao dia afaka:

- Mitady ny laharan'ny gazetiboky Liahona amin'ity volana ity.
- Mahita ireo votoatiny ho an'ny nomerika ihany.
- Mitady ireo laharan'ireo gazetiboky Liahona teo aloha.
- Mandefa ny tantaranao sy ireo fanamarihana anananao.
- Misoratra anarana ho an'ny famandrihana na manao famandrihana izay atolotra ho an'olona iray.
- Manatsara ny fandalinana amin'ny alalan'ireo fitaovana nomerika.
- Mizara lahatsoratra sy horonan-tsary tiana indrindra.
- Misintona na manao printy ireo lahatsoratra.
- Mihaino ireo lahatsoratra tianao indrindra.

## RAHA HIFANDRAY AMINAY

Alefaso email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org ireo fanontanianao sy fanamarihana tianao atao.

Alefaso ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ireo tantaranao na alefaso an-taratasy amin'ny alalan'ny paositra amin'ny adiresy:
*Liahona,* flr. 23
50 E. North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0023, USA

**ÔKTÔBRA 2020 BOKY. 20 LAH. 3**
**LIAHONA 16725 654**

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund, Gerrit W. Gong, Ulisses Soares

**Mpanomana ny Fanontana:** Randy D. Funk

**Mpanorohevitra:** Becky Craven, Sharon Eubank, Cristina B. Franco, Walter F. González, Larry S. Kacher, Jan E. Newman, Adrián Ochoa, Michael T. Ringwood, Vern P. Stanfill

**Tale Mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon
**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson

**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Enish C. Dávila

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Garrett H. Garff, Jon Ryan Jensen, Aaron Johnston, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Lori Fuller Sosa, Chakell Wardleigh, Marissa Widdison

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Joshua Dennis, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Aleni Regehr, Mark W. Robison, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Ammon Harris

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, José Chavez, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Marrissa M. Smith

**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis

**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:** Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha Fokontany Manarintsoa Est, Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny ivon-toerana mpaninjara any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

Ny taratasy sy ny fanontaniana dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ChurchofJesusChrist.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity Liahona, flr. 23, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0023, USA.

Ny Liahona (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniôla, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2020 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny Liahona mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ChurchofJesusChrist.org.

**For Readers in the United States and Canada:** October 2020 Vol. 20 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



# FAHAFANTARANA HERISETRA

Na dia antenainay aza fa raisina amim-panajana avokoa ny rehetra, dia misy kosa olona izay mikatsaka ny handratra, na hifehy, na hanodikodina ny sain'ny hafa. Herisetra no iantsoana ny fitondran-tena manimba toy izany. Izany dia mifanohitra amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay mampianatra antsika hifankatia sy hanao amin'ny hafa izay tiantsika hatao amintsika (jereo ny Matio 7:12; Jaona 13:34; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36–37).

**MANANA FAMBARA IRAISANA NY HERISETRA. INDRETO MISY FAMBARA DIMY MILA TANDREMANA HISOROHANA NA HANAKANANA NY HERISETRA:**



**Olona fantatr'izy ireo matetika no manao herisetra amin' ireo olona lasibatra.**

Mety havana na olona efa nifanerasera tamin'izy ireo taloha ilay mpanao ratsy. Tsy midika izany fa tokony ho mailo amin'ny olondrehetra fantatsika isika, kanefa afaka mitandrina isika, ary mampianatra ireo zanatsika hitandrina, amin'ireto fambara efatra ireto.

**Olona marefo matetika no kendren'ireo mpanao ratsy.**

Ireo olona mety tsy afaka manome lalana na miaro ny tenany no tadiavin'ireo mpanao ratsy.

**Matetika ireo mpanao ratsy no miezaka ny mampitoka-monina ireo olona lasibatra.**

Amin'ny alalan'ny fampiasana fampitokana-monina na fandrahonana matetika no anaovan'ireo mpanao ratsy izay tsy hahafahan'ireo olona lasibatra hitady fanampiana.

**Matetika ireo mpanao ratsy no manomboka amin'ny fihoarana ny fefy.**

Mitranga ny herisetra rehefa misy fihoarampefy lehibe eo amin'ny fitondran-tena sy ny fiteny amin'ny hafa. Ireo mpanao ratsy dia mety tsy hiraharaha tanteraka ireo fefy na hanomboka amina fihoaram-pefy madinidinika mba hahafahana mampizatra ka tsy hahafahan'ilay olona lasibatra tsy hahatsikaritra izany intsony.

**Ireo mpanao ratsy dia mety hikatsaka tsikelikely ny hanorina fifampitokisana mialohan'ny hanararaotana.**

"Fanangolena" no iantsoana izany ary matetika izany no mitranga amin'ireo zatovo sy ankizy. Ireo fihetsika manangoly dia mety ahitana fangatahana fihaonana mitokana, famporisihana ny kinafinafina, firesahana lohahevitra vetaveta na fampisehoana pôrnôgrafia na fanaovana fifampikasohana ara-batana amina ankizy.

SARINA VEHIVAVY NATAON'I NEIL WEBB; SARY HAFA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES







## Sakiusa sy Salote Maiwiriwiri

*Suva, Fijia*



*Sarotra tamiko ny nino ilay fiadanana sy fahasambarana hitako tao an-tranon-dry Maiwiriwiri. Na dia lasana aza ny zanak'izy ireo roa dia niaina ny fiainany tamim-pifaliana sy niaraka tamin'ny tanjona isan'andro izy ireo.*

**LES NILSSON, MPAKA SARY**

**Salote:**

Roa taona taorian'ny nahafatesan'i Esa zanakay lahy noho ny homamiadan'ny havokavoka dia matin'ny méningite i Esalynn zanakay vavy. Tao amin'ny tempoly dia nahatsapa bitsika mahery vaika aho mba hiresaka amin'ny misiônera zokiolona iray tao izay very zanaka anankiroa koa taona maro lasa izay. Hoy izy tamiko: "Rehefa manao ny tokantranonao ho toerana masina ianao dia afaka mahatsapa fa eo ireo zanakao."

Izany no lasa tanjonay. Ny zavatra rehetra nataonay dia ny hahatonga ny tranonay ho toerana masina. Te hahatsapa azy ireo akaiky anay izahay.

**Sakiusa:**

Lasa nampifanakaiky bebe kokoa ny fianakavianay ny zavatra niainanay tamin'ny nahalasana an'i Esa sy i Esalynn. Mifampila hevitra miaraka amin'ireo zanakay hafa izahay. Miaraka mandeha any amin'ny tempoly izahay mianakavy. Miaina ny fiainanay amin'ny fomba tsotra araka izay azo atao izahay ary misafidy ny haneho fankasitrahana isan'andro. Rehefa miresaka momba ny dikan'izany hoe fianakaviana voafehy any amin'ny tempoly izahay dia lasa velona ao anatinay izany famehezana izany. Ary ao anatin'izany rehetra izany izahay dia *tena* mahatsapa fa eo ireo zanakay.

**HIJERY MISIMISY KOKOA**

Raha te hahita misimisy kokoa momba ny dian'ny finoana nataon'i Sakiusa sy i Salote ianao, tafiditra ao anatin'izany ireo sary fanampiny, dia jereo ity lahatsoratra ity ao amin'ny internet na ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile ao amin'ny **ChurchofJesusChrist.org/go/10206.**

Ny Loholona Ronald A. Rasband dia mizara ny fomba ahafahantsika manamafy orina ny tokantranontsika mba ho lasa toerana hanjakan'ny fitiavana sy fiarovana ara-panahy ao amin'ny **ChurchofJesusChrist.org/go/10207.**

# Ireo fitsipika momba ny fanompoana

# MANOMPO AMIN'NY ALALAN'NY **FANDAHARAN'ASA ANKIZY SY ZATOVO**

*Ny manasa ny hafa mba hivoatra sy ny manampy azy ireo ao anatin'izany lalana izany no tena fototry ny fanompoana.*

Betsaka ny fahafahana manompo amin'ny alalan'ilay fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo. Mety hoe misy ankizy na zatovo ny zanakao ao an-tranonao. Mety hoe mpitarika ianao ao amin'ilay fandaharan'asa na manompo fianakaviana misy ankizy sy zatovo ianao. Na koa hoe *mety mahafantatra* ankizy sy zatovo ianao (izany hoe tokony hahakasika antsika rehetra izany). Na inona na inona toe-javatra mety misy anao dia misy fomba maro azo ampiasana ilay fandaharan'asa na ireo fitsipika ao anatiny mba hitahiana ny fiainan'ny hafa.


### Miara-mivoatra

Ny ivon'ilay fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo dia ny fifantohana amin'ny fiezahana isan'andro ho lasa tahaka ny Mpamonjy kokoa, izay nanompo tamin'ny fomba tonga lafatra. Maro amin'ireo izay nandray anjara tamin'ilay fandaharan'asa no nianatra fa arakaraka ny handrosoanao ao amin'ireo sehatra samihafa amin'ny fiainanao no ahafahanao manana fitaovana bebe kokoa entina manampy na manompo ny hafa.

Saingy ao amin'ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo dia tsy mila miandry mianatra zavatra vao afaka mitahy ny hafa. Ilay hoe mianatra fotsiny dia efa manome fahafahana mba hanompo.

Ho an'ny zatovolahy iray antsoina hoe Prophet izay mipetraka ao Ghana, ny fametrahana ilay drafitra ao amin'ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo mba hianatra ny fomba fitendrena pianô dia fiantombohany fotsiny. "Tanjoko ny hanampy ny olona hafa ihany koa mba hahafantatra ny zavatra ianarako" hoy i Prophet.

Na dia tsy mbola mpampianatra aza izy dia efa nitombo ho amin'ny zavatra mbola lehibe lavitra noho izay efa neritreretiny sahady ny tanjony. Misy mpianatra 50 izao miaraka kilasy



SARY NALAIN'I TOM GARNER

fianarana pianô amin'i Prophet ao amin'ny efitrano fivoriana. Ary iza ary no mampianatra an'i Prophet sy ireo mpianatra 50 hafa ireo? I Alexander M. sy i Kelvin M., izay samy 13 taona. "Te haneho hatsaram-panahy amin'ny olona hafa izahay" hoy i Kevin.

Telo andro isan-kerinandro ireo zatovo anankiroa ireo no mampianatra maimaimpoana ireo lesona fototra momba ny piano amin'ireo rehetra izay tonga mianatra. Misy tombontsoa fanampiny ireo lesona fianarana piano. Maro amin'ireo mpianatra nampahafantarina ny Fiangonana tamin'ny alalan'ny fianarana pianô taty aoriana no nianatra ny filazantsara ary nanapa-kevitra ny hatao batisa.

Rehefa miezaka ny hampivoatra ny tenantsika isika dia afaka manompo ny hafa amin'ny fanasana azy ireo hiaraka amintsika.





SARY NALAIN'I ISAAC DARKO-ACHEAMPONG



SARY NALAIN'I ALEXANDER K. BOATENG



## Drafitra mahomby enti-manompo

Tamin'ny naha-filohan'ny Kilonga eo anivon'ny tsatòka an'i Sabrina Simões Deus Augusto avy ao Curitiba, Brésil no nahitany ny fomba nitahian'ilay fandaharan'asa eo amin'ny lafiny fivoaran'ny tena manokana an'ireo ankizy sy zatovo ao amin'ny tsatòka misy azy. Saingy nahita fomba maro hampiasana ny zavatra nianarany momba ny fivoaran'ny tena manokana amin'ny fanendrena azy ho rahavavy mpanompo ihany koa izy.

"Rehefa mampivoatra talenta aho," hoy Rahavavy Augusto, "dia afaka mampiasa izany talenta izany mba hitahiana ny olona izay tompoiko."


Nampianatra ny fomba fanaovana truffe au chocolat ny iray amin'ireo rahavavy izay nanendrena azy Rahavavy Augusto. Amin'izao izany rahavavy izany dia manamboatra sy mivarotra truffe mba hanampiana ny fidiram-bolan'ny fianakaviany. "Volana maro taty aoriana dia voatahy aho raha nisy rahavavy iray hafa nampianatra ahy ny fomba fanaovana mofo tantely izay azoko amidy," hoy rahavavy Augusto. "Ny fampivoarana sy ny fizana ny talentantsika dia afaka mitahy ny fiainan'ny tsirairay ary mampatanjaka ny fifandraisantsika rahavavy mpanompo." ■

SARY NALAIN'I JONAS REBICKI



# AHOANA NY HANAMPIAN'NY FANDAHARAN'ASA ANKIZY SY ZATOVO ANAO EO AMIN'NY FANOMPOANA?

1. **Asao ny hafa handray anjara amin'ilay fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo.**
   Afaka manasa ny fianakavian'ireo zatovo sy ankizy tompoinao ianao mba handray anjara amin'ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo. Mety ho liana ny handray anjara amin'ireo asa atao izy ireo, na ny fivoaran'ny tena manokana, na ny lafiny fandalinana ny filazantsara ao amin'ilay fandaharan'asa. (Raha hijery fampahalalana misimisy kokoa momba ny fanompoana amin'ny alalan'ny *Avia, hanaraka Ahy,* dia jereo ny "Manompo amin'ny alalan'ny *Avia, hanaraka Ahy,*" ao amin'ny *Liahona* septambra 2020.)
2. **Tohany ny tanjon'izy ireo.**
   Amin'ny maha-rahalahy na rahavavy mpanompo fianakaviana misy zatovo anao dia mazava ho azy fa manana andraikitra ny hanohana ireo tanjona izay mety ezahiny tratrarina ao amin'ilay fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo ianao. Na dia mahakasika ny tena manokana aza ny tanjon'izy ireo, raha fantatrao ny zavatra mahaliana azy ireo, dia afaka manolotra fanampiana amin'ny fomba maro isan-karazany ianao. Mety ho amin'ny alalan'ny fitadiavana ireo fitaovana ho an'ny fanaovana zava-kanto izay tadiavin'izy ireo izany, na fitsarana ny fanaovan'izy ireo mofomamy, na manao mpanoro hevitra azy ireo amin'ny sehatra izay anananao fahalalana. Hainao ve ny manolo menaka amin'ny fiara? Manjaitra akanjo rovitra? Manana traikefa amin'ny fanaovana tafa sy dinika ho amin'ny asa ve ianao? Afaka manolotra ny hizara fahalalana na fahaiza-manao izay anananao ianao raha toa ka mahaliana azy ireo izany.
3. **Asao ny hafa mba handray anjara amin'ny fivoaran'ny tenanao manokana.**
   Tsy natokana ho an'ny ankizy sy ny zatovo ny fivoaran'ny tena manokana. Afaka mandray anjara amin'ilay fandaharan'asa ianao na firy taona na firy taona. Rehefa mandany fotoana amin'ny fampivoarana ny sehatra ara-panahy, sy ara-piarahamonina, sy ara-batana, ary ara-tsaina eo amin'ny fiainanao ianao dia ho vonona tsara kokoa hanompo olona, na iza na iza mihaona aminao. Ary tahaka an'i Prophet ao Ghana dia afaka mitahy ny hafa ianao amin'ny fanasana azy ireo handray anjara miaraka aminao, na izany fananganana kilasy fianarana pianô, na kilasy fampiasam-batana, na fiarahana mianatra fiteny.
4. **Ataovy tanjona ny fanompoana.**
   Eritrereto ny handany fotoana isan'andro mba hanompoana. Mety ho fandefasana hafatra izany na fitsidihana mba hijery hoe manahoana na fandaminana fotoana mba hiarahana mivory. Mety ho fakana fotoana mba hanoratana ny daty fitsingerenan'ny taona nahaterahan'ireo izay tompoinao eo amin'ny kalandrie izany na fanarahana azy ireo eny amin'ny tambazotra ifaneraserana mba hahitana ny zavatra mahaliana azy ireo na ny zavatra nataon'izy ireo tato ho ato. Na dia ny fakana dimy minitra mba hieritreretana momba ny zavatra mety hilain'ny hafa dia mety hitarika amin'ny hevitra nentanim-panahy izay mety hitondra fiovana.



## TSIRAIRAY

"Ny toetra iray mampiavaka hatrany ny Fiangonan'ny Tompo izay marina sy velona dia ny asa iray izay voarindra sy misy mitarika hatrany hanompo ny zanak' Andriamanitra tsirairay sy ny fianakavian'izy ireo avy. Koa satria Fiangonany ity, dia isika, amin'ny mahampanompony antsika, no hanompo ny tsirairay tsy misy hafa amin'ny nataony."

**Filoha Russell M. Nelson, "Manompo amin'ny hery sy fahefan' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2018, 69.**

## ZARAO NY ZAVATRA NIAINANAO

Alefaso aty aminay ny zavatra niainanao tamin'ny nanompo na notompoin'ny hafa. Midira ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ary tsindrio ny "Submit an Article or Feedback."

MIZARA

# hafatra mitondra fanantenanana


IREO APÔSTÔLY

Ho fiatrehana ny fiparitahan'ilay tsimokaretina manerana izao tontolo izao dia mandrara ny famoriam-bahoaka sy mampihatra ny fihibohana ireo mpitarika eo anivon'ireo fitondram-panjakana. Mikatona ireo sekoly, nofoanan'ireo mpitondra ara-pivavahana ireo fivoriam-piangonana ary ireo izay mivoaka ivelan'ny trano dia takiana hanao arotava ho fiarovana.

1919 no taona tamin'izay, ary ny valan'aretina gripa nahery vaika izay nanomboka ny taon-dasa dia naka ny ain'olona niisa am-polo tapitrisany maro.[1] Ny Filoha Heber J. Grant (1856–1945), mpaminany vaovao tao amin'ny Fiangonana, dia voatokana tamin'ny nôvambra 1918 saingy tsy notohanana raha tsy tamin'ny jona 1919 satria nahemotra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany volana aprily.

Nandritra ny fanompoany taorian'ireo fotoana ireo sy ny fotoana feno fanamby hafa dia nanome torohevitra izay azo ampiharina amin'izao vanin'androntsika izao ny Filoha Grant rehefa nilaza izy hoe, "Tonga teto an-tany isika mba hahazo fahalalana, fahendrena sy traikefa, mba hianatra lesona, hisedra fanaintainana, hiaritra fakampanahy, ary handray ny fandresena amin'ny fiainana ety an-tany." Avy tamin'ny fahalalana azony tao anatin'ireo fitsapana nahery vaika izay nosedrainy dia nampiany hoe, "Fantatro . . . fa amin'ny fotoana feno zava-tsarotra ny Olomasin'ny Andro Farany dia mahazo fampiononana sy voatahy ary mahazo fankaherezana mihoatra ny olona hafa!"[2]

Amin'izao "fotoana feno zava-tsarotra" atrehantsika miaraka amin'ny coronavirus izao dia mandray fampiononana sy fankaherezana avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tafaverina amin'ny laoniny isika. Ny fahafantarantsika fa ny Raintsika any An-danitra dia tia ireo zanany ary niantso mpaminany sy apôstôly amin'izao androntsika izao mba hitarika antsika hamakivaky ireo tafiotry ny fiainana ety an-tany dia fitahiana lehibe.



*Manolotra hevibaovao momba ny fiarahana akaiky amin' Andriamanitra sy ny fanompoana amim-pitiavana ary ny fandrosoana amim-paharetana mandritra ny valan'aretina ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana.*



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

*Ny fikatonan'ny tempoly dia "manolotra fahafahana mahatalanjona mba hianarana misimisy kokoa momba ny fikarohana ny tantarampianakaviana, ny firaketana faobe, sy ny fomba hanomanana anarana be dia be ho an'ny andro izay hisokafan'ireo varavaran'ny tempoly indray."*

*—Loholona David A. Bednar*

Avy tamin'ireo torohevitra nozaraina nandritra ny tafatafa natao vao tsy ela dia mpikambana maromaro ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no nampahatsiahy antsika fa afaka mahatsapa fifaliana isika ary mibanjina ny hoavy amin'ny fanantenana na inona na inona toe-javatra mitranga manodidina antsika.[3]

**Mandroso hatrany ny asa**

Nisy fotoana ny Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) no nampitaha ny Fiangonana tamina "valalamanjohy lehibe iray" izay nandroso hatrany na dia teo aza ny fanoherana.[4] Ny Loholona David A. Bednar dia nilaza fa ny antony ahafahan'ilay valalamanjohy mandroso tsy an-kiato dia noho ny fiomanana nentanim-panahin'ny Fiangonana sy ny tantarany izay feno zava-tsarotra.

Nilaza izy fa "-Tsy misy tanan'olon-dratsy afaka ny hanakana an'ity asa ity tsy handroso,-[5] ary tsy misy ihany koa valan'aretina afaka hanakana an'ity asa ity tsy handroso." "Na dia eo aza ireo fanamby izay iainantsika amin'izao fotoana izao noho io tsimokaretina io dia mandroso hatrany ny asa. . . . Tsy fantatsika hoe haharitra hafiriana izany, saingy handresy isika. Ary mety tsy hiverina tanteraka hitovy amin'ny taloha toy izay nahafantarantsika azy ny fomba fiainantsika saingy ny maro amin'ireo fampifanarahana sy fanovana ireo dia ho zavatra tena tsara tokoa."

Nilaza ny Loholona Quentin L. Cook fa ny fiomanana nentanim-panahy nataon'ny Fiangonana dia ahitana ohatra izay tonga amin'ny fotoana tena ilana azy toy ny fanamafisana ny fitsaohana amin'ny andro Sabata, ny fanamafisana orina ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana, ny fiovana ho amin'ny fanompoana, sy ny nanombohana ny *Avia, hanaraka Ahy,* ireo horonan-tsary momba ny Bokin'i Môrmôna, ary ny fandaharan'asa Ankizy sy Zatovo.

Nilaza izy fa "Hanao jery todika momba izany isika ho toy ny fotoana fototra hanaovana fiomanana fa tsy zavatra izay tsy maintsy niaretana fotsiny ihany."

Manohana izany ny Filoha M. Russell Ballard, Filoha mpisolo toerana an'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Na dia eo aza ny fikatonana vonjimaika ny tempoly sy ny trano fivoriana, ireo mpikamban'ny Fiangonana dia manana ireo fitaovana ara-panahy izay ilain'izy ireo mba hanohizana ny fandrosoana hatrany.

Tsaroan'ny Filoha Ballard ny fahatsapana nananany rehefa nody avy tany am-piangonana tamin'ny 7 desambra 1941 izy ka nahafantatra fa nisy nanafika ny Pearl Harbor ary i Etazonia dia mby hiditra amin'ny Ady Lehibe Faharoa. Toy ny ankamaroan'ny olona amin'izao fotoana izao dia niasa saina izy ny amin'ny hoaviny ary nanontany tena raha toa ka hanana hoavy izy.

"Saingy tsy izany anefa no nitranga" hoy izy. Toy ny nandresen'ireo vahoaka afaka tao amin'izany ady izany dia handresy ny ady amin'ny coronavirus ihany koa izao tontolo izao. Hoy izy hoe, "Hilamina avokoa ny zava-drehetra rehefa mampitodika ny fontsika amin'ny Raintsika any An-danitra sy mibanjina Aminy sy amin'ny Mpamonjy izay Mpanavotra ny olombelona rehetra isika."

Fomba iray androsoan'ny Fiangonana hatrany ny ezaka ataony amin'ny fitoriana ny filazantsara, izay mifanaraka amin'ireo fiovana misy eo amin'izao tontolo izao. Nilaza ny Loholona Dieter F. Uchtdorf fa ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana dia efa nandalina fomba vaovao hizarana ny filazantsara na dia talohan'ny nanombohan'ny fanakorontanan'ny COVID-19 ny asa fitoriana aza. Tao anatin'izany fanakorontanana izany ny namerenana misiônera an'arivony any amin'ny firenena niavian'izy ireo, ny nisaorana ny sasany amin'izy ireo mialoha, ary ny fanendrena ny hafa ho amin'ny toeran-kafa.



SARY NALAIN'I WELDEN C. ANDERSEN

Nilaza izy fa ny "COVID-19 dia nanafaingana ny zavatra neritreretinay momba ity ary nanokatra ny masonay." Vokatr'izany, ny teknôlôjia sy ny tambajotran-tserasera ankehitriny dia mamela antsika handroso ao amin'ireo ankohonana sy tokantrano izay tsy nahafahantsika niditra teo aloha noho ny fikatonan'ny fiarahamonina.

Nanamafy ny Loholona Uchtdorf fa "hitohy hatrany ny fandrosoan'ny asa fitoriana na dia eo aza ilay valan'aretina." "Isika dia manohy mianatra ny fomba hanatsarana ny asa fitoriana amin'izao fotoana izao ary amin'ny hoavy. Ny Tompo dia efa nampanantena ny hanafaingana ny Asany ho fitahiana ny zanak' Andriamanitra rehetra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:73). Tsapako fa tena ao anatin'izany dingana izany isika raha eo am-piatrehana izao fotoana feno fanamby izao. Ireo misiônera sarobidintsika ireo no mpisava lalana amin'izao androntsika izao, manokatra lalam-baovao hizarana ny hafatry ny filazantsara amin'ny fomba vaovao mifanaraka amin'ny toe-javatra misy eo amintsika mba hahafahan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy hitohy handroso mba -hikodiadia ambara-pamenoany ny tany manontolo-" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 65:2).

Tsy ny fahafahana vaovao mba hitoriana ny filazantsara ihany no zavatra izay hany misokatra. Ny fo ihany koa dia misokatra satria matetika ny fotoan-tsarotra no mampanetry ny olona ary mampitodika azy ireo amin' Andriamanitra, hoy ny Loholona D. Todd Christofferson.

"Izy ireo dia lasa misokatra kokoa amin'ny fieritreretana ny hoe: -Ary toa tsy ny kaontiko any amin'ny banky ihany no ilaiko eo amin'ny fiainana. Mety misy zavatra lehibe kokoa mihoatra ny zavatra izay niainako angamba amin'ny fiainana-" hoy ny olona.

Mamporisika ireo mpikamban'ny Fiangonana ny Loholona Christofferson hikatsaka fahafahana azo araraotina hitoriana ny filazantsara, toy ny fizarana hafatra sy sary maneho hafatra mifandray amin'ny filazantsara amin'ny alalan'ireo tambajotran-tserasera, fifaneraserana amin'ireo misiônera amin'ny fotoana feno momba ny fanampiana amin'ny fakana ho namana ireo olona izay ampianarin'izy ireo en ligne, ary ny fifandraisana amin'ireo olona izay tsy hitan'izy ireo matetika.

**Fifanalavirana aman'olona ary fanatonana an' Andriamanitra**

Ny fomba iray hafa androsoan'ny Fiangonana hatrany dia hita taratra amin'ny fiatrehan'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny lafiny ara-panahy ireo fanamby ara-nofo toy ny COVID-19. Mba ho fiarovana ny tenantsika dia mampitombo ny fifanalavirana amin'ny hafa isika, saingy ho fiarovana antsika ara-panahy dia manakaiky bebe kokoa ny Raintsika any An-danitra sy ny Zanany Lahy isika. Nanome fahafahana misimisy kokoa ny mpikamban'ny Fiangonana maro mba hampitombo ny fiarovana ara-panahy ao amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanarahana ny torohevitry ny Filoha Russel M. Nelson mba hihaino ny Tompo ny COVID-19.

Nilaza ny Filoha Nelson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aprily 2020 fa "Fantatry ny Raintsika fa rehefa manemitra antsika manodidina ny tebiteby sy ny tahotra, dia ny mihaino ny Zanany no hanampy antsika indrindra." Nampiany hoe, "Eo am-pikatsahantsika ny ho mpianatr'i Jesoa Kristy dia vao mainka tokony ho avy amin'ny nahim-po kokoa ny ezaka ataontsika *hihainoana Azy*. Mila ezaka an-tsitrapo sy tsy tapaka ny famenoana ny fiainantsika isan'andro amin'ny teniny sy ny fampianarany, ary ireo fahamarinany."[6]

Na dia tsy tiantsika aza ny fampiatoana ny fivoriam-piangonana, ny fanakatonana ny tempoly, na ny fahaverezan'asa, ny fandaniam-potoana bebe kokoa ao antokantrano dia manome antsika "fahafahana mba hisaintsaina momba ny fifohazana ho amin' Andriamanitra" (jereo ny Almà 5:7), hoy ny Loholona Cook. "Mety ho fanairana ara-panahy mampifantoka antsika amin'ireo zavatra izay tena manan-danja indrindra angamba ireo tranga niseho vao haingana. Raha izany no izy, dia ho fitahiana lehibe amin'izao vanin'andro izao mba hifantohana amin'ny zavatra izay azontsika hatao lavorary eo amin'ny fiainantsika sy ny fomba hahafahantsika hitahy ny fiainan'ny hafa izany rehefa mifoha ho amin' Andriamanitra isika ary mandroso hatrany manaraka ny lalan'ny fanekempihavanana."



Nanampy ny Loholona Jeffrey R. Holland, nanao hoe, "Ny fotoana toy izany dia manasa antsika mba hijery ny ao anaty fanahintsika ao mba hahitana raha toa ka tiantsika ny zavatra izay hitantsika ao. Izany no miseho rehefa mieritreritra [isika] momba ny hoe iza marina [isika] ary inona marina no tena manan-danja."

Ny fotoana toy izany dia manasa antsika mba hampitombo ny finoantsika, ny fanompoantsika, sy ny fankasitrahantsika, manosika antsika "hahatsiaro ny fiankinantsika amin' Andriamanitra sy ireo fitahiana avy Aminy izay matetika no tsinontsinoavintsika," hoy ny Loholona Holland. "Tokony ho feno fankasitrahana bebe kokoa amin'ny Raintsika any An-danitra isika, ho feno fisaorana bebe kokoa, sy hahatsiaro bebe kokoa ireo olana maro izay voavaha noho Andriamanitra, ireo anjely, ireo fampanantenana araka ny fanekempihavanana ary ny vavaka."

Ny tena tokony ankasitrahantsika dia ny fitahiana avy amin'ny fahatsiarovana "ny naha-feno famindram-po ny Tompo tamin'ny zanak'olombelona, hatry ny nahariana an'i Adama ka hatramin'[izao] fotoana izao" (Môrônia 10:3). Ny mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilaza fa rehefa takiana mba "hihiboka ao an-trano" isika, dia afaka manaraka ny ohatr'i Nefia sy Almà, mahatsiaro fa Izy "izay nitokia[ntsika] ," ny Mpamonjy Jesoa Kristy, "dia mbola hanafaka [antsika]" (2 Nefia 4:19; Almà 36:27). Ary isika dia afaka mahatsiaro, araka ny nampianarin'ny Apôstôly Paoly, fa tsy misy zavatra "hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy" (jereo ny Romana 8:35).

Ny Tompo Jesoa Kristy "no arontsika indrindra" (jereo ny Salamo 61:1–4), hoy ny Loholona Holland. "Na inona na inona zavatra hafa hitranga, isika dia tsy ho tafasaraka na oviana na oviana amin'ny fitiavan'ny Mpamonjy sy ny fanatrehany, na dia tsy tsikarintsika aza izany mandritra ilay fotoana. Ny Fanahy dia tsy voasakan'ny tsimokaretina, na ny sisin-tany iraisampirenena, na ny vinavina ara-pahasalamana."

**"Manaova zavatra feno hatsaram-panahy"**


Vao haingana izay, raha teo am-pamakiana tatitra novokarin'ny komity iray eo anivon'ny Fiangonana ny Loholona Christofferson dia lasa niasa saina momba ny vokatry ny "fanerena ho manirery" izay mety hiseho amin'ireo mpikambana tokan-tena eo anivon'ny Fiangonana—na antitra na tanora izy.

"Ny fanerena ho manirery dia afaka ny hitarika amin'ny fahatsapana ho irery, ary ny fahatsapana ho irery dia afaka ny hanana fiantraikany ratsy eo amin'ny toe-pahasalamana ara-batana sy ara-tsaina," hoy izy. "Mba hanoherana izany dia mandrisika ireo izay mahatsapa ho manirery ny hitady fomba mba -hanaovana zavatra feno hatsaram-panahy- ho an'ny olonkafa ny manampahaizana sasany misahana ny fahasalamam-bahoaka."

Afaka mitady fomba mba hanompoana sy hanampiana ary hanomezana ho an'ny hafa, indrindra indrindra ireo izay manirery ny Olomasin'ny Andro Farany, hoy ny Loholona Christofferson, ary ny mpikambana manirery izay manao asa fanompoana ho an'ny hafa dia afaka mampihena ny fahatsapana ho mitoka-monina ao amin'izy ireo.

"Mifantoha amin'ny fanompoana," hoy izy. "Maro ireo zavatra izay azontsika atao ho antsika samy isika mba hananana fahatsapana fiombonana sy firahalahiana ary firahavaviana. Izao dia fotoana hahafahan'ny kôlejin'ny loholona sy ny Fikambanana Ifanampiana tena hanatona ireo olona ao aminy ary hanolotra ny zavatra izay izy ireo no tena natao hitondra azy."

Tsy handefa hafatra amin'ny alalan'ny sms foana hoy izy, fa "araka ny hevitro dia tena mahasoa ny miantso ny olona iray amin'ny fampiasana ilay teknôlôjia efa antitra antsoina hoe telefaonina. Miantsoa mba hiresaka sy hifandray. Avelao izy ireo haheno feo."



*Afaka hanova zavatra be sy hanazava ny tontolo andron'ny olona iray amin'ny fomba izay tsy takatry ny saintsika ny ezaka bitika mba hanolo-tanana ny hafa. "Tena ilain'ny olona noho izy ireo tena mitoka-monina ny fanompoana ataontsika." —Loholona Quentin L. Cook*

Afaka hanova zavatra be sy hanazava ny tontolo andron'ny olona iray amin'ny fomba izay tsy takatry ny saintsika ny ezaka bitika mba hanolo-tanana ny hafa. "Tena ilain'ny olona izay tena mitoka-monina ny fanompoana ataontsika," hoy ny Loholona Cook.

Nandroso ny Loholona Holland fa "tokony hanokana ny sasany amin'ny ampahan'ny androntsika isika mba hiresahana amin'ny olona izay mila tosika. Mazava ho azy, mahazo tosika isika amin'ny fanaovana izany, noho izany ny tsirairay dia, -nasandratra- (3 Nefia 27:14, 15), araka izay nolazain'ny Mpamonjy fa nanirahana Azy tety an-tany."

Fomba iray hahafahantsika manandratra ny tenantsika sy ny hafa ny fiomanana ho amin'ny andro izay hisokafan'ny tempoly indray. Ny fikatonan'ny tempoly—na izany noho ny valan'aretina, na fanavaozana, na fanadiovana—dia "manolotra fahafahana mahatalanjona mba hianarana misimisy kokoa momba ny fikarohana ny tantaram-pianakaviana, ny firaketana faobe, sy ny fomba hanomanana anarana be dia be ho an'ny andro izay hisokafan'ireo varavaran'ny tempoly indray, " hoy ny Loholona Bednar.

Na misokatra na mikatona ny tempoly, ny Loholona Bednar dia nanampy fa ireo mpikamban'ny Fiangonana dia mbola afaka miezaka ihany ny ho mendrika ny hanana fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly manan-kery.

**Lesona tian'ny Tompo hianarantsika**

Nanamarika ny Loholona Bednar fa na dia tsy misy olona te hisafidy ny ho tratran'ny valan'aretina COVID-19 aza dia misy ny aretimandringan'ny andro farany izay mamely antsika.

"Miaraka amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay izay atolotry ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny sy ny fahasoavana izay tonga avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, isika dia afaka mianatra lesona avy amin'ny zava-tsarotry ny fiainana an-tany izay manomana antsika ho amin'ny fitahian'ny mandrakizay" hoy izy. "Tsy maintsy mivavaka isika. Tsy maintsy mikatsaka isika. Tsy maintsy mangataka isika. Tsy maintsy manana maso mba hahita sy sofina mba hihaino isika. Fa isika dia afaka ny ho voatahy amin'ny fomba mahatalanjona mba hianatra lesona izay hitahy antsika ankehitriny sy ho an'ny mandrakizay."

Miaraka amin'ny fiantraikany mampivaloarika eo amin'ireo fianakaviana manerana an'izao tontolo izao, ny COVID-19 dia nampianatra ny olona mba hampiseho firaharahiana bebe kokoa ho an'ny hafa, hoy ny Filoha Ballard.

"Lasa tonga saina isika ny amin'ny maha sarobidy ny fianakaviantsika hoy izy, ny maha sarobidy ireo mpifanolobodirindrina amintsika, sy ny maha sarobidy ny mpiara-miangona amintsika," hoy izy. "Misy ny lesona ianarantsika amin'izao fotoana izao izay hahatonga antsika ho lasa olona tsaratsara kokoa."

Ary rehefa dila izao tafiotra izao, dia inona no hiandry antsika? Zavatra toy izany ihany, hoy ny Loholona Uchtdorf. Ireo zanak' Andriamanitra ao anaty sy ivelan'ny Fiangonana dia mbola hiatrika fanamby.

"Miaina amina fotoana tokony ianarantsika zavatra isika," hoy izy. Ary ny lesona tena manan-danja indrindra azontsika ianarana dia ny hoe ny vahaolana amin'ny fanamby izay mbola ho avy dia tsy inona fa ny vahaolana amin'ny fanamby atrehantsika amin'izao fotoana izao: dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany.

Koa satria manana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny ny Olomasin'ny Andro Farany, hoy ny Loholona Holland, dia afaka mianatra ny hijery ny lafitsaran-javatra sy hiandrandra zavatra tsara izy ireo, manao ny farany izay tsara vitan'izy ireo ary mitazona ny Tompo amin'ny teniny raha nilaza Izy hoe, "Aoka isika hazoto hanao ny zava-drehetra izay tratry ny herintsika; ary rehefa izany dia enga anie ka hahajoro isika omban'ny fahatokian-tena lehibe indrindra fa hahita ny famonjen' Andriamanitra ary ny fampisehoana ny sandriny"(Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 123:17).

"Maro ireo zavatra izay tokony hiravoravoana rehefa manadio ny finoantsika sy matoky bebe kokoa ny Tompo ary mahita ireo fahagagana amin'ny fanafahany isika," hoy ny Loholona Holland. ■

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny William G. Hartley, "The Church Grows in Strength," *Ensign,* Sept. 1999, 35.
2. *Enseignements des Présidents de l'Église: Heber J. Grant* (2002), 49, 48.
3. Jereo ny Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Liahona,* nôv. 2016, 82.
4. Bruce R. McConkie, "The Caravan Moves On," *Ensign,* Nov. 1984, 85.
5. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 4:540.
6. Russell M. Nelson, "Henoy Izy," *Liahona,* mey 2020, 89.


SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



# Fo trobaky ny ratra lalina: Fahatakarana ny herisetra ao amin'ny fianakaviana

*Ny fitrangan-javatra tsy mahasoa ao amin'izay mety ho fifandraisana rehetra dia mety hitombo. Ny famantarana azy ireny dia afaka mamboraka ny herisetra na manakana izany mialoha ny hitrangany.*

**Nataon'i Jason B. Whiting, PhD**
Sekoly miompana amin'ny fiainam-pianakaviana ao amin'ny Oniversite Brigham Young

Niantso ahy vao tsy ela ny ray torotoro fo iray. I Hoby zanany (novaina ireo anarana) dia any amin'ny oniversite ary vao niaraka aman'olona, ary nivoatra haingana izany. I Hery sakaizany dia maneritery ny hanatontosana ny fanambadiana ary mametra ny hifandraisan'i Hoby amin'ny fianakaviany. Niala tsiny tamin'izy ireo i Hoby, nanazava izany ho ny fitiavana sy faniriana mafy ananan'i Hery ny handany fotoana miaraka aminy amin'ny maha-mpifankatia azy ireo.

Lasa sahiran-tsaina ny fianakavian'i Hoby rehefa nahare izy ireo fa efa nanambady i Hery taloha ary manan-janaka, izay zavatra tsy nolazainy tamin'i Hoby. Nantsoin'izy ireo ny vadin'i Hery taloha, izay nilaza fa saro-piaro sy manana toetra mora tezitra i Hery. Rehefa nahare izany i Hery dia nisafoaka izy. Nilaza izy fa "mifehy loatra" ny ray aman-drenin'i Hoby ary nanonona ny fotoana iray izay tsy nankatoavan'izy ireo ny sangisangy ratsy nataony momba ny fahaizan'i Hoby izy. Nanizingizina tamim-panesoana i Hery ny handraisan'i Hoby ny fanapahan-keviny manokana amin'ny tsy hifandraisany intsony amin'ny ray aman-dreniny. Kivy ny ray aman-drenin'i Hoby rehefa tsy novaliana intsony ny antso sy SMS nalefan'izy ireo.


Samy te hanana fianakaviana sambatra avokoa ny rehetra, saingy na dia rehefa miezaka ny hiaina ny filazantsara aza ny olona dia mety hiteraka ratra ny fifandraisana. Ny olana sasany dia vokatry ny tsy fifankahazoana sy ny disadisa fahita matetika eo amin'ny fianakaviana rehetra. Ao amin'ny tokantrano salama anefa dia miala tsiny noho ny amin'ny fitondrantena tsy mety ny olona ary manarina ny fifandraisana simba, fa ao amin'ireo toe-javatra tsy mahasoa kosa dia misy fitrangana fampiasana tanjaka na fampijaliana miverimberina izay lasa mivadika ho herisetra.

## Ny herisetra ao an-tokantrano sy ny Filazantsara

*"Efa novakianareo ny fon'ny vadinareo malemy paika ary narianareo ny fitokian'ny zanakareo" (Jakôba 2:35).*

Ny herisetra dia ireo fihetsika natao handratra na hifehezana. Izany dia ahitana karazana fitondrantena ahitana ny tsy firaharahiana, ny fanodinkodinan-tsaina, ny tsikera am-bava, ary ny herisetra ara-batana na aranofo.[1] Mampalahelo anefa fa zava-misy ny fitondrantena mifono herisetra, ka ny manampahaizana sasany dia manombantombana fa ny iray ampahefatry ny ankizy maneran-tany dia mijaly noho ny herisetra ara-batana, na ara-nofo na ara-pihetsehampo.[2] Ny tahan'ny olondehibe voa ihany koa dia avo, ka vehivavy 1 ao amin'ny

IREO SARY DIA NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA IHANY, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY



"Ilay feo izay mijoro ho vavolombelona lalina, sy manolotra vavaka amin-kafanam-po ary mihira ny hiran'i Ziona dia mety izay manakiana, mitsikera, manala baraka sy manompa ary mandratra sy manimba ny fanahin'ny tena sy ny an'ny hafa rehefa manao izany. -Ny vava iray ihany no ivoahan'ny fisaorana sy ny fanozonana,- hoy i Jakoba mitomany. -Ry rahalahiko [sy anabaviko], tsy mety raha misy izany- [Jakoba 3:10]."

**Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny fitenin'ny anjely,"** ***Liahona,*** **mey 2007, 16.**

4 eo ho eo sy lehilahy 1 amin'ny 10 eo ho eo no miaina herisetra ara-batana avy amin'ny vadiny.

Mety hitranga amin'ny fifandraisana rehetra ny herisetra, ary na ny lahy na ny vavy dia afaka ny ho mpanao izany daholo. Saingy ny lehilahy no toa mirona kokoa amin'ny fifehezana sy ny fahavitana herisetra ara-batana sy ara-nofo mamohetra, ary ny vehivavy no ampitahorina sy tsindriana na ampijalian'ny vadiny kokoa.[3]

Ny herisetra dia sady mandratra ny fanahin'ilay mpanao heloka no mandratra ny an'ilay iharan'ny heloka ary mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy. Ireo mpaminany maoderina dia nilaza fa "ireo izay manao herisetra amin'ny vadiny sy ny zanany. . . dia hijoro eo anoloan' Andriamanitra indray andro any hamaly izany."[4] Matetika ireo mpanararaotra dia tsy miraharaha na manova ireo fitsipiky ny filazantsara. Ohatra, nanoro hevitra mpivady iray aho ka nivadipitokisana tamin'ny vadiny ralehilahy teo amin'ny lafiny ara-pihetsehampo ary niloaka tamin'ny fampiasana ny tahirim-bolan'izy ireo, saingy tsy niala tsiny anefa izy fa nanery ny vadiny mba hamela azy kosa ary niziriziry fa azy ny "fahotana lehibe kokoa" raha tsy mamela azy izy. Nataony tsinontsinona ny fijaliana nahazo ny vadiny ary nihambo izy fa marina eo anatrehan' Andriamanitra raha tsy izany ve izy ho mpiasan'ny tempoly. Rehefa niresaka tamin'ireo mpitarika ny Fiangonana ny vadiny dia nohamaivaniny ilay fivadiham-pitokisana ary nataony hoe tafahoatra loatra ny an'ny vadiny, hoe namoy fo izy. Ralehilahy dia nandà ny "fitsipiky ny . . . fanajana, ny fitiavana, [ary ny] fiantrana"[5] ary nampijaly ny vadiny. Ny ezaka nataon-dravehivavy hiaina ireo fitsipiky ny filazantsara dia tsy afaka namaha olana izay ralehilahy no nahatonga azy. Isika tsirairay avy dia afaka ny ho solafaka amin'ny fanaovana fitondrantena tsy mahasoa. Misy ireo toetoetra sasany fahita ao amin'ireo karazana herisetra rehetra, ary arakaraka ny maha-goavana sy matetika azy ireny no maha tsy hahasoa an'ilay fifandraisana. Ireto manaraka ireto dia dimy amin'ireo fitrangana herisetra fahita matetika izay afaka hanampy anao hamantatra ny fitondrantena tsy mahasoa eo amin'ny tenanao sy eo amin'ny hafa.

### *1. Faharatsian-toetra*

*"Ny lelany no anaovany fitaka; Ny poizin'ny menarana no ao ambanin'ny molony: . . . Feno hozona sy fangidiana ny vavany" (Romana 3:13–14).*

Nisy lehilahy iray tonga nanatona ahy mba hanaraka fitsaboana izay tsy nankasitrahan'ny vadiny, izay nandrabiraby azy satria "nila fanampiana." Namana tsara sy mazoto izy any ampiangonana, saingy ao an-tokantrano kosa dia tena mandratra ny fanambaniana feno haratsiam-panahy ataony. Nitsikera ny fidiram-bolany ravehivavy ary miantso ny asany amin'ny maha-mpampianatra azy ho "asambehivavy." Hoy izy tamin'ny zanany lahy hoe, "Enga anie ialahy tsy ho lasa olona malemy tahaka ny dadan'ialahy," ary isan'andro izy dia mandany fotoana amin'ny telefaonina miaraka



**HIJERY MISIMISY KOKOA**

**Ireo mpitarika dia afaka mahita fanampiana amin'ny fomba fiatrehana ny herisetra ao amin'ny Documentation pour les dirigeants et les greffiers ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org. Ireo mpitarika sy mpampianatra ankizy sy zatovo rehetra dia tokony hamita ny fampiofanana "Protecting Children and Youth (Miaro ny ankizy sy ny zatovo)" ao anatin'ny iray volana niantsoana azy. Izany fampiofanana izany dia hita ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org/callings/church-safety-and-health.**

amin-dreniny, manambanimbany ny vadin'izy ireo. Ny olona mpitsikera dia mahatsapa ho voamarina amin'ny fampijaliana sy ny "fitiavana hampijaly ny hafa;" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:13). Ireo olona ao anaty fianakaviana ireo dia tsy mitandrina ny didin'i Jesoa hoe "aza mitsara" sy "aza manameloka" (Lioka 6:37) rehefa manambany, mampiseho hoe rikoriko, na manome anaram-bositra.

***2. Famitahana***

*"Efa azon'ny fanahy mandainga ianao, ary efa nandà ny fanahin' Andriamanitra ianao" (Almà 30:42).*

Hita matetika miaraka amin'ny herisetra ny famitahana rehefa manamaivana ny zavatra ataony, manao ny hafa ho tompon'andraikitra, na milalao teny ireo mpanao ratsy. Izany dia mampikorontan-tsaina ny olona iharan'ny herisetra, araka ny nosoritsoritan'ny olona iray nandray anjara tamin'ny fikarohana nataoko hoe: "Taitra ka mikoropaka [ny vadiko], manao sarintsarina fialan-tsiny izy ary avy eo miteny hoe, -Ka ilay izy anie hadisoanao ihany e- . . . izay averimberiny foana mandra-pinoako izany."[6] Izany fandavana ny zavamisy miseho amin'ny hafa izany dia fampikorontanan-tsaina, ka izany dia mahatonga ny olona iharan'izany hisafotofoto sy hanontany tena momba ny fitadidiany sy ny heviny. Tahaka ny endrika famitahana hafa, ny fampikorontanan-tsaina dia ampiasaina mba hanodinkodinana ny sain'ny hafa rehefa miresaka sy mba hamitahana.

Ireo izay manararaotra ny hafa dia manohitra mafy ny fanekena fa mandratra ny hafa izy ary matetika izy dia milaza fa izy no hanaovandratsy. Rehefa tsy faly tamin'ny tsikera nataon'i Hery tamin'ny ray amandreniny i Hoby dia tezitra i Hery ary niziriziry fa "naniratsira" azy izy. I Hery dia anisan'ireo "izay mihiaka fandikan-dalàna . . . ary zanaky ny tsy



fankatoavana ny tenany" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:17). Tsy vitan'ny hoe nandroso ny laingany fotsiny izy fa sosotra tamin'ny fahamarinana ihany koa.[7]

***3. Fanamarinan-tena***

*"Hiekenao ny fahadisoanao sy ity ratsy izay efa nataonao." (Almà 39:13).*

Ny olona manetry tena dia manenina ny fandratrana ny hafa ary mibebaka sy mihatsara. Ny olona mpandratra kosa dia manohitra ny antson'ny feon'ny fieritreretana amin'ny alalan'ny fanamarinantena. Nilaza ny mpandray anjara tamin'ny fikarohako hoe: "Tsy hahazoako aina mihitsy ilay nampiharako herisetra ara-batana, dia avy eo aho anefa mieritreritra fa tsy ho nataoko ilay izy raha tsy niloaha-bava fotsiny izy." "Tsy nankamin'ny fibebahana ny alahelony" (Môrmôna 2:13) fa navela tamin'izao fotsiny noho ny hatezerana sy fanomezan-tsiny mangidy.

Tao anatin'ny sehatry ny fitsaboana, dia nolazaiko ny vehivavy iray izay fa mbola tsy nahita azy nampiseho alahelo araka an' Andriamanitra mihitsy aho nandritra ny taona maro nanakianany ny vadiny. Tsy nenina no valinteny nomeny fa esoeso kosa: "Dia zavatra hafa tsy ataoko indray izao izany!" Ny olona mpanararaotra dia tsy manaiky ho tompon'andraikitra, mora tohina, ary miaro tena foana. Mora tafintohina avy amin'ny zavatra bitika izy ireo.

***4. Eboebo***

*"Amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany" (Filipiana 2:3).*

Ao anatin'ny eboebo ny hoe mieritreritra foana fa manan-jo ary tsy mifantoka afa-tsy amin'ny tena. Nisy lehilahy iray nivazavaza foana tamin'ny vady amanjanany isaky ny mihevitra izy fa "tsy manome haja" azy izy ireo. Raha tsy mifanaraka amin'ny heviny hono ny hevitr'izy ireo dia "manambany" azy na "tsy mankatò" izy ireo. Ny fieboeboana dia mifantoka amin'ny fifaninanana sy ny fahefana ary ny fandresena. Mifanohitra amin'izany kosa, ny fianakaviana salama dia ahitana fiaraha-miasa izay hifandanjan'ny rariny, ary ireo olona ao amin'izany dia "nifampitondra araka ny hitsiny" (4 Nefia 1:2). Tokony ho mpiara-miasa mitovy lenta ny mpivady,[8] ka ny tsirairay dia afaka miteny ary manandanja avokoa ny hevitry ny roa tonta.

***5. Fifehezana***

*"Rehefa . . . [m]ampiasa fifehezana na fanjakazakana na fanerena amin'ny fanahin'ny zanak'olombelona [isika], . . . dia indro, misintona ny lanitra" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:37).*

Na dia manome lanja ny fahafahana misafidy aza isika dia mahavariana fa tena mifampiteny matetika ny tokony hoeritreretina sy ho tsapa ary hoatao ireo olona ao amin'ny fianakaviana. Ny sasany aza dia manao fifehezana mihitsy amin'ny alalan'ny fampitahorana, na fanambaniana, na tsy fitiavana, na fandrahonana. Ny lehilahy iray izay dia tena hentitra amin'ny fiandrandrana fa ny vadiny dia hanomana sakafo maraina isan'andro amin'ny fotoana voatokana iray, mahavita zavatra voafaritra tsara eo amin'ny lafiny firaisana ara-nofo, ary mihaino azy manoloana ireo "olany", izay mazàna manodidina ny zavatra tokony hatsarain-dravehivavy. Arahiny maso akaiky ny fandaniam-bolany ary tezitra izy raha tsy mamaly ireo SMS alefany haingana izy.

Ny renim-pianakaviana hafa indray dia naneho ny hakiviany tsy tapaka amin'ny zanany vavy izay amin'ny taonan'ny maha-zatovovavy isaky ny mampiseho alahelo na tsy mahavita ny zavatra andrandrain'ilay reny an'ilay zanany vavy. Raha tsy azo ireo zavatra andrasana, na raha maneho olana ilay vadiny, dia miavonavona be izy ka tsy miresaka na amin'iza na amin'iza.

## Fanantenana sy fanasitranana

*"Efa nohenoiko ny fitarainanao; indro hahasitrana anao Aho" (2 Mpanjaka 20:5).*

Na dia mahavaky ny fo aza ny herisetra dia afaka mitranga foana ny fiovana. Ireo izay iharan'izany dia afaka manatona ireo loharanom-panampiana arapanahy sy ireo matihanina ary mikatsaka ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy mba hahasitrana ny ferin'izy ireo. Mba hahazoana fanampiana dia mankanesa ao amin'ny **abuse.ChurchofJesusChrist.org.**



Ireo izay nampihatra herisetra dia tsy maintsy mibebaka ary mikatsaka fanampiana. Takiana amin'izany ny hoe "[m]idina any amin'ny fanetrentena lalina" (3 Nefia 12:2) ary manaiky ny maha tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fitondrantena nataony. Mitaky mihoatra noho ny fampanantenana ho an'ny fotoana fohy sy ny ezaka ivelany fotsiny ny fiovana. Ny fanaintainan'ny fibebahana lalina dia tena maningotra ny fanahy ary ny olona sasany dia tsy ho vonona ny hanao izany, ka izany dia hahatonga ireo izay iharan'ny herisetra tsy maintsy handray fanapahan-kevitra sarotra mikasika ny fomba hiarovana azy ireo.[9]

Ny Raintsika any An-danitra dia sahiran-tsaina ny amintsika toy ilay ray izay niantso ahy satria nitaintaina be momba ny zanany vavy. Ny fitiavan' Andriamanitra dia "tsy [m]isy farany toy ny mandrakizay" (Mosesy 7:41), ary mijaly izaitsizy Izy rehefa mifandratra ireo zanany. Nitomany Izy tao anatin'ny resaka feno fitiavana nifanaovany tamin'i Enoka. "Jereo ireto rahalahinao ireto; asan'ny tanako ireo, . . . nomeko ny didy fa tokony hifankatia izy ireo, . . . nefa indro tsy manam-pitiavana izy ireo ary mankahala ny iray ra aminy ihany" (Mosesy 7:32–33). Misy ny fitomaniana ao amin'ny lanitra sy ety an-tany rehefa misy vatana sy fanahy maratra. Miaraka amin'ny fanetrentena sy ny herin' Andriamanitra ary ny fanampian'ny matihanina rehefa ilaina izany, dia azo atao tsara ny manatsahatra ny fitondrantena mamotika ary manorina tokantrano mihaja sy voaro ary feno fitiavana. ■



**FANAMARIHANA**

1. Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa mikasika ny herisetra ara-batana dia jereo ny abuse.ChurchofJesusChrist.org. Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa mikasika ny herisetra sy ny fanararaotana ara-nofo dia jereo ny Benjamin M. Ogles, "Agency, Accountability, and the Atonement of Jesus Christ: Application to Sexual Assault" (fampaherezam-panahy an'ny Oniversite Brigham Young University, 30 jan. 2018), speeches.byu.edu; ary Chieko N. Okazaki, "Healing from Sexual Abuse" (Fivoriambe tao amin'ny Oniversite Brigham Young, 23 ôkt. 2002).
2. Jereo ny Maryam Ajilian Abbasi, Masumeh Saeidi, Gholamreza Khademi, Bibi Leila Hoseini, Zahra Emami Moghadam, "Child Maltreatment in the World: A Review Article," *International Journal of Pediatrics,* vol. 3, no. 1 (2014), 353–65.
3. Jereo ny Hamby, S., "Current controversies: Are women really as violent as men? The 'gender symmetry' controversy," ao amin'ny Claire M. Renzetti, Jeffrey L. Edleson, and Raquel Kennedy Bergen, *Sourcebook on Violence Against Women,* ed. faha-3 (2018), 78–82.
4. "Ny fianakaviana, Fanambarana ho an'izao tontolo izoa," *Liahona,* mey 2017, 145; jereo ihany koa ny abuse.ChurchofJesusChrist.org.
5. "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."
6. Jason B. Whiting, Megan Oka, and Stephen T. Fife, "Appraisal distortions and intimate partner violence: Gender, power, and interaction," *Journal of Marital and Family Therapy* (2012), suppl: 1:113–49.
7. Mba hahitana ohatra hafa ao amin'ny soratra masina mikasika ny fanoherana ny fahamarinana dia jereo ny Jaona 3:19–21; Asan'ny Apostoly 7:54; 2 Nefia 1:25–26; ary ny 2 Nefia 4:13.
8. Jereo "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao"; jereo ihany koa ny H. Burke Peterson, "Unrighteous Dominion," *Ensign,* Joay 1989, 6–11, mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa mikasika ny fotopampianaran'ny hoe mitovy lenta ny lahy sy ny vavy ary fanontaniana mila heverina rehefa miresaka mikasika ireo fifandraisana ao amin'ny fanekempihavanana.
9. Ireo izay ao anaty fifandraisana feno herisetra dia matetika voatery handray fanapahankevitra mahakasika ny hiarovany ny tenany, na ny hafa, ary koa sao mila mametraka fetra ny amin'ny fifaneraserany amin'ireo izay mandratra azy ireo. Niresaka momba izany toe-javatra sarotra izany ny Filoha James E. Faust (1920–2007) rehefa voafandrika ao anaty "fifandraisana maharitra nefa toa tsy azo avotana intsony ka manimba ny hasiny manokana ny olona iray" ("Enriching Your Marriage," *Liahona,* Apr. 2007, 3); jereo ihany koa ny fizarana "Help for Victims" ao amin'ny tranonkalan'ny Fiangonana izay miompana amin'ny fisorohana ny herisetra mba hahazoana fampahalalana sy safidy misimisy kokoa.

## HIJERY MISIMISY KOKOA

**Mba hahazoana fampahalalana bebe kokoa na hifandraisana amina matihanina sy loharanom-panampiana hafa dia tsidiho ny tranonkalan'ny Fiangonana miompana amin'ny herisetra ao amin'ny abuse.ChurchofJesusChrist.org.**

**Mba hianarana bebe kokoa momba ny fomba hanampiana ireo izay iharan'ny herisetra dia vakio ny faritra amin'ny sisiny manao hoe "Ahoana no ahafahako manampy? Ho an'ny namana sy mpitarika" ao amin'ny endrika elekitrônikan'ity lahatsoratra ity ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org na ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile.**

## IREO LOHARANOM-PITAOVANA HO AN'IREO MPITARIKA

**Ireo mpitarika izay mahafantatra ny fisian'ny herisetra izay misy hidirany amin'ny olona tsy ampy taona, na iharan'ny herisetra izany na vavolombelona, dia tokony hifandray amin'ny sampam-panampian'ny Fiangonana ita ao amin'ny counselingresources.ChurchofJesusChrist.org.**





SARY NATAON'I MICHAL DZIEKAN



**Nataon'ny Loholona Lawrence E. Corbridge**
Mpikambana tao amin'ny Fitopolahy nisaorana tamim-boninahitra

# MITOERA EO AMIN'NY vatolampin'ny fanambarana

*Rehefa mifototra amin'ny vatolampin'ny fanambarana isika dia afaka mahita ny valin'ireo fanontaniana manan-danja indrindra.*

Tao anatin'ny andraikitro tamin'ny maha-Manampahefana Ambony ahy taona vitsy lasa izay dia namaky fitaovana novokarina betsaka manohitra Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, sy ny mpaminany Joseph Smith, ny Bokin'i Môrmôna, ary ireo tranga tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny aho. Hatramin'ny niovan'io fanendrena io dia tsy niverina niditra kizo tamin'izany intsony aho.

Ny famakiana izany loharanom-pitaovana izany dia namela ahy hahatsapa ho maloka, ary indray andro izany fahatsapana haizina izany dia nanome aingam-panahy ahy hanoratra ampaham-balinteny ho an'ny filazana ny zavatra rehetra izay manohitra toy izany. Te hizara ny sasany amin'ireo hevitra izay nosoratako tamin'izay andro izay aho, ary na dia ho tombontsoako manokana aza ny zavatra nosoratako tamin'izay dia antenaiko fa hanampy anareo ihany koa izany.

### Hitoetra mandrakizay ve isika?

Nilaza i Daniela mpaminany fa amin'ny andro farany ny "Andriamanitry ny lanitra dia hanorina fanjakana izay tsy ho rava mandrakizay; ary izany fanjakana izany tsy havela ho an'olon-kafa, fa ireo fanjakana rehetra ireo dia hotorotoroiny sy holevoniny, fa izy kosa hitoetra mandrakizay" (Daniela 2:44).

Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra. "Hitoetra mandrakizay" izany. Ny fanontaniana dia hoe: Moa ve izaho sy ianao hitoetra sa "te-hiala?" (Jaona 6:67). Ary raha miala isika, dia ho aiza?



**Famantarana ny fotoantsika ny famitahana**

Rehefa nanoritsoritra ny famantarana ny fiaviany sy ny fiafaran'izao tontolo izao ny Tompo dia nilaza zavatra maro Izy, tafiditra amin'izany ny ady sy ny tabataban'ady, firenena hitsangana hamely firenena, mosary, areti-mandringana, horohorontany, ary famantarana maro hafa, anisan'izany ity anankiray ity: "Fa amin'ireo andro ireo dia hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ary haneho famantarana sy zava-mahagaga lehibe, ka raha azo atao, dia hofitahiny na dia ny olom-boafidy aza, izay olom-boafidy araka ny fanekempihavanana" (Joseph Smith—Matio 1:22; jereo ihany koa ny Matio 24:24).

Tsy azoko antoka tsara hoe inona daholo no tiana holazaina amin'ny hoe "raha azo atao, dia hofitahiny na dia ny olom-boafidy aza," fa mieritreritra aho fa farafaharatsiny izany dia midika fa hotsapaina avokoa ny tsirairay amin'izao androntsika izao.

Betsaka ny hamitaka, ary maro ny karazana fitaka. Eo an-daniny dia eo ireo izay manafika ny Famerenana amin'ny laoniny, sy ny mpaminany Joseph Smith, ary ny Bokin'i Môrmôna. Manaraka izany dia eo ireo izay mino ny Famerenana amin'ny laoniny saingy milaza fa misy tsy fahampiany ny Fiangonana ary efa nivily lalana. Ny hafa indray dia milaza fa mino ny Famerenana amin'ny laoniny saingy diso fanantenana amin'ny fotopampianarana izay mifanohitra amin'ireo fihetsika miovaova amin'izao androntsika izao. Ny sasany izay tsy manana fahefana dia mihambo ho nanana fahitana sy nofy ary fitsidihana entina hanitsiana ny Fiangonana, na hitarihana antsika ho amin'ny lalana avo kokoa, na hanomanana ny Fiangonana ho amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Ny sasany dia voafitaky ny fanahy sandoka.

Etsy ankilany indray dia ahitantsika tontolo iray manontolo feno rebireby. Tsy mbola nisy fampahalalana sy fampahalalana diso ary fampahalalana nodisoavina betsaka, fananana sy fitaovana ary kilalao betsaka, safidy sy toerana haleha ary zavatra hojerena sy hatao betsaka ka mampiasa ny fotoana sy ny fifantohana tsy ho amin'ny zavatra tena manan-danja. Izany rehetra izany sy ny maro hafa dia miparitaka vetivety manerana an'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fampitam-baovao elekitrônika. Andron'ny fitaka izao.

**Zava-dehibe ny fahalalana**

Ny fahamarinana dia manampy antsika hahita mazava tsara satria izany dia "fahalalana ny zavatra araka ny maha-izy azy, sy araka ny naha-izy azy ary araka ny haha-izy azy" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:24). Zava-dehibe ny fahalalana mba hisorohana ny fitaka, sy hanavahana ny marina sy ny tsy marina, ary mba hahitana mazava tsara ka hahita fomba hialana ireo loza mitranga amin'ny androntsika.

Nilaza ny mpaminany Joseph Smith hoe: "Tena ilaina ny fahalalana ho an'ny fiainana sy ny toetra araka an' Andriamanitra. . . . Ny fahalalana dia fanambarana. Henoy ity fanalahidy lehibe . . . ity: Ny fahalalana no herin' Andriamanitra mitondra famonjena."[1]

Milaza ny olona fa "Tokony ho marina amin'ny zavatra inoanao ianao." Na marina aza izany dia tsy afaka ny ho tsaratsara kokoa mihoatra ny zavatra fantatrao ianao. Ny ankamaroantsika dia manao zavatra araka ny zavatra inoantsika, indrindra fa ny zavatra inoantsika ho tombontsoan'ny tenantsika manokana. Ny olana dia diso isika indraindray.

Mety hino an' Andriamanitra ny olona sasany sy hino fa ratsy ny pôrnôgrafia kanefa mbola manokatra tranonkala misy pôrnôgrafia ihany, satria mino amin'ny fomba diso fa hoe ho falifaly kokoa izy rehefa manao izany, na hoe tsy mety raha tsy manokatra izany, na hoe tsy mandratra an'iza n'iza izy ireo. Diso tsotra izao izy ireo.

Ny sasany dia mety hino fa tsy mety ny mandainga nefa mandainga ihany indraindray, satria mino amin'ny fomba diso fa hoe tsatsara kokoa raha tsy fantatra ny marina. Diso tsotra izao izy ireo.

Mety misy olona mino ary mety mahafantatra mihitsy fa i Jesoa no Kristy kanefa mandà azy tsy indray mandeha fotsiny fa in-telo noho ilay finoana diso fa aleo ampitoniana ny vahoaka. Tsy ratsy akory i Petera. Tsy azoko antsoka mihitsy aza hoe nalemy izy. Fa diso izy. (Jereo ny Matio 26:34, 73–75.)

Rehefa manao zavatra ratsy isika dia mety hieritreritra hoe ratsy isika, kanefa raha ny marina dia diso isika. Ny fanamby dia tsy ny fanalana ny fahasamihafana eo amin'ny zavatra ataontsika sy ny zavatra inoantsika fa ny fanamby dia ny fanalana ny fahasamihafana eo amin'ny zavatra inoantsika sy ny fahamarinana.

Ahoana no hanalantsika izany? Ahoana no hisorohantsika ny fitaka?



**Fanontaniana laharana voalohany sy fanontaniana laharana faharoa**

Misy ireo fanontaniana laharana voalohany ary misy ireo fanontaniana laharana faharoa. Antombohy amin'ny famaliana ireo fanontaniana laharana voalohany aloha. Ny fanontaniana laharana voalohany no tena manan-danja indrindra. Fanontaniana vitsivitsy ihany no ao. Hilaza efatra amin'izany aho:

1. Misy ve Andriamanitra izay Raintsika?
2. Zanak' Andriamanitra sy Mpamonjy izao tontolo izao ve i Jesoa Kristy?
3. Mpaminany ve i Joseph Smith?
4. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ve no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany?

Mifanohitra amin'izany ireo fanontaniana laharana faharoa dia tsy misy farany. Tafiditra ao anatin'izany ireo fanontaniana momba ny tantaran'ny Fiangonana, ny fanambadiana maro, ny olona taranaka afrikanina sy ny fisoronana, ny vehivavy sy ny fisoronana, ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna, ny Voahangy Lafo Vidy, ny ADN sy ny Bokin'i Môrmôna, ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy, ireo tantara samihafa momba ny fahitana voalohany sy ny sisa sy ny sisa.

Rehefa mamaly ireo fanontaniana laharana voalohany ianao dia ho voavaly ihany koa ireo fanontaniana laharana faharoa, na tsy hanan-danja intsony. Valio ireo fanontaniana laharana voalohany dia ho afaka miatrika ireo zavatra takatrao sy tsy takatrao ary ireo zavatra ekenao sy tsy ekenao sady tsy miala amin'ny Fiangonana ianao.

**Ny fomba fianarana araka an' Andriamanitra**

Misy karazany maro samihafa ny fomba fianarana, anisan'izany ireo fomba ara-tsiansa, ara-pandinihana, ara-pianarana ary araka an' Andriamanitra. Ireo fomba efatra ireo dia ilaina avokoa hamantarana ny marina. Samy manomboka amin'ny fomba mitovy izy ireo: amin'ny fametrahana fanontaniana. Zava-dehibe ny fanontaniana, indrindra ireo fanontaniana laharana voalohany.

Ny fomba fianarana araka an' Andriamanitra dia ahitana ireo singa ao amin'ireo fomba hafa saingy amin'ny farany dia mahafaoka azy rehetra amin'ny alalan'ny herin'ny lanitra. Amin'ny farany ireo zavatr' Andriamanitra dia ampahafantarin'ny Fanahin' Andriamanitra, izay matetika feo tony sy malefaka. Hoy ny Tompo: "Homen' Andriamanitra anareo amin'ny alalan'ny Fanahy Masiny, eny, amin'ny alalan'ny fanomezana tsy hay lazaina ny Fanahy Masina" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:26).

Nampianatra i Paoly Apôstôly fa tsy afaka mahafantatra ny zavatr' Andriamanitra isika raha tsy amin'ny alalan'ny Fanahin' Andriamanitra (jereo ny 1 Korintiana 2:9–11; jereo koa ny Dikantenin'i Joseph Smith, 1 Korintiana 2:11). Hoy izy: "Ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin' Andriamanitra: fa fahadalana aminy izany." Hitantsika izany isan'andro. Dia notohizan'i Paoly hoe: "Sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany" (1 Korintiana 2:14).





Amin'ireo olana rehetra mandalo amin'ny fiainanao dia misy anankiray ambonin'izy rehetra ary io no tena tsy azo indrindra. Tsy ny fahantrana, na ny aretina, na ny fanirery, na ny fanararaotana no zavatra ratsy indrindra iainan'ny olombelona, na dia tena ratsy aza ireo. Ny tena ratsy indrindra amin'ny zavatra iainan'ny olombelona dia ilay tena fahita: ny fahafatesana ara-panahy. Izany dia ny fisarahana tsy ho eo anatrehan' Andriamanitra, ary amin'ity fiainana ity ny fisiany dia ny Fanahiny na ny heriny.

Mifanohitra amin'izany, tsy ny harena, na ny laza, na ny haja, na ny fahasalamana, na ny voninahitra, na ny fandriampahalemana no tsara indrindra amin'ny zavatra iainan'ny olombelona. Ny tena tsara indrindra amin'ny zavatra iainan'ny olombelona dia ny fehezina amin'ny herin' Andriamanitra. Izany dia ny fahaterahana indray, ny fanana ny fanomezana sy ny fiarahan'ny Fanahy Masina, izay loharanon'ny fahalalana, fanambarana, hery, fahazavana, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fanantenana, fatokian-tena, ary saika ny zavatra tsara rehetra.

Hoy i Jesoa: "Ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, . . . no hampianatra anareo ny zavatra rehetra" (Jaona 14:26). Amin'ny alalan'ny heriny dia azontsika "fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra" (Môrônia 10:5). "Izy no hampiseho [amintsika] ny zavatra rehetra izay tokony [hataontsika]" (2 Nefia 32:5). Izy no loharanon'ny "rano velona" izay miboiboika mankany amin'ny fiainana mandrakizay (Jaona 7:38; jereo koa ny andininy 37).

Efao ny sarany tsy maintsy efainao, ento izay enta-mavesatra tokony hoentinao, ary ataovy izay fanolorantena tokony hataonao mba hahazoana sy hihazonana ny fanahy sy ny herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao. Ny zavatra tsara rehetra dia miankina amin'ny fahazoana sy ny fihazonana ny herin'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainanao.

### "Izay tsy mankahery"

Koa inona ary ilay aloka izay tsapako taona maro lasa rehefa namaky ireo fitaovana manohitra? Mety hilaza ny sasany fa ny haizina dia avy amin'ny fironana ara-pinoana, dia ny miraika amin'ny fakana sy fisafidianana ireo zavatra izay mifanaraka amin'ny eritreritsika sy ny zavatra inoantsika ihany. Ny fiheverana fa ny zavatra ninoan'ny olona sy ny nampianarina azy dia mety ho diso, indrindra fa tsy misy zavatra tsara kokoa hasolo azy, dia eritreritra maloka sy mampanahy tokoa.

Saingy ny haizina izay niainako rehefa nihaino ny vavan'ny olona izay manohitra ny mpaminany Joseph Smith sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia hafa. Tsy fironana ara-pinoana izany haizina izany, ary tsy tahotra ny ho diso ihany koa. Izany dia ny tsy fisian'ny Fanahin' Andriamanitra. Izany no toetran'ny olona rehefa "tavela ho irery" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:38). Izany dia ny haizim-pito sy ny "fahadontoan'ny saina" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 9:9; jereo ihany koa ny andininy faha- 8).

Hoy ny Tompo:

"Ary izay tsy mankahery dia tsy avy amin' Andriamanitra, sady haizina.

Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana; ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandra-pitataovovonan'ny andro" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:23–24).

Ny fanambarana avy amin'ny Fanahin' Andriamanitra dia mahasolo ny fironana ara-pinoana satria tsy miantehitra amin'ny porofo fotsiny izany. Nandany ny androm-piainako nikatsaka ny hihaino ny tenin'ny Tompo sy nianatra ny hahafantatra sy hanaraka ny Fanahin' Andriamanitra aho. Ilay fanahy izay miaraka amin'ireo feo ratsy manenjika ny mpaminany Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna ary ny Famerenana amin'ny laoniny dia tsy ny fanahin'ny hazavana sy ny faharanitan-tsaina ary ny fahamarinana. Tsy dia mahafantatra firy aho, saingy fantatro ny feon'ny Tompo, ary tsy ao amin'izany feo maizina izany ny feony.

Mifanohitra tanteraka amin'izany haizina sy fahadontoan'ny saina mahatsiravina izay mameno ny fisalasalana izany ny fanahin'ny hazavana, faharanitan-tsaina, fiadanana, ary fahamarinana izay ao amin'ireo tranga sy ny fotopampianarana be voninahitry ny

Famerenana amin'ny laoniny, indrindra fa ireo soratra masina nambara amin'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Vakio fotsiny izy ireny ary manontania tena sy an' Andriamanitra raha toa ka teny feno lainga sy fitaka ary rediredy izany na raha toa ka izany no marina.

### Tsy afaka mianatra ny fahamarinana amin'ny fanilihana ianao

Ny sasany izay matahotra sao tsy marina ny Fiangonana dia mandany ny fotoany sy ny fifantohany mikaroka ireo fanontaniana laharana faharoa. Diso izy ireo amin'ny fiezahana mianatra ny fahamarinana amin'ny fanilihana, amin'ny fanalana ny fisalasalana rehetra. Hevitra tsy mety foana izany. Tsy ho mety mihitsy izany.

Misy filazana sy hevitra tsy mety tapitra manohitra ny fahamarinana. Isaky ny mikaroka valin'ny filazana manohitra iray ianao ka mitraka dia efa misy iray hafa manoloana anao. Tsy milaza aho hoe mila manampintsofina ianao, fa milaza kosa aho fa ho lany amin'ny fikarohana ny valin'izay filazana manohitra ny Fiangonana ny andrompiainanao ary tsy hahalala mandrakizay ireo fahamarinana tena manan-danja.

Ny valin'ireo fanontaniana laharana voalohany dia tsy ho azo avy amin'ny famaliana ireo fanontaniana laharana faharoa. Misy valiny ireo fanontaniana laharana faharoa saingy tsy azonao porofoina amin'ny fanadisoana izay tsy marina ny marina. Tsy azonao porofoina hoe marina ny Fiangonana amin'ny fanadisoana izay filazana hanoherana izany. Tetika tsy mety izany. Amin'ny farany dia tokony hisy porofo manamarina, ary miaraka amin'ireo zavatra momba an' Andriamanitra, dia azo antoka fa avy amin'ny fanambarana amin'ny alalan'ny fanahy sy ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny farany ny porofo manamarina.

Hoy i Jesoa tamin'ireo mpianany:

"Fa hianareo kosa manao Ahy ho iza?

"Ary namaly Simona Petera ka nanao hoe: Hianao no Kristy, Zanak' Andriamanitra velona.

"Dia namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: Sambatra hianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-dra no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra.

". . . Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy" (Matio 16:15–18; jereo koa ny andininy 13–14).



Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia mifototra eo ambony vatolampin'ny fanambarana, ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita dia tsy haharesy azy. Izaho sy ianao no Fiangonana. Mila mifototra amin'ny vatolampin'ny fanambarana isika ary na dia tsy fantatsika aza ny valin'ny fanontaniana rehetra dia tokony ho fantatsika ny valin'ireo fanontaniana ambaratonga voalohany. Raha manao izany isika dia tsy haharesy antsika ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita ary hitoetra mandrakizay isika.

### Mitoera eo amin'ny vatolampin'ny fanambarana

Misy Andriamanitra any an-danitra izay Raintsika mandrakizay. I Jesoa Kristy no Zanak' Andriamanitra, ilay Mpanavotra izao tontolo izao. Mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith, izay nametraka ny fototry ny Famerenana amin'ny laoniny ny fanjakan' Andriamanitra. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no fanjakan' Andriamanitra eto an-tany. Fantatro izany rehetra izany noho ny zavatra niainako. Fantatro izany amin'ny alalan'ny porofo, ary betsaka ny porofo. Fantatro izany amin'ny alalan'ny fandalinana. Ary ny tena azo antoka dia fantatro izany amin'ny alalan'ny fanahy sy ny herin'ny Fanahy Masina.

Ary amin'izany no ahaizako ny zavatra rehetra izay ilaiko fantarina mba hitoerana mandrakizay. Enga anie isika hitoetra eo amin'ny vatolampin'ny fanambarana, indrindra ny amin'ireo fanontaniana laharana voalohany. Raha manao izany isika dia hitoetra mandrakizay ary tsy hiala na oviana na oviana. ■

*Nalaina avy tamin'ny lahateny nandritra ny fivoriana fankaherezam-panahy iray izay mitondra ny lohateny hoe, "Mitoera mandrakizay," izay nozaraina tao amin'ny Onivesiten'i Brigham Young tamin'ny 22 janoary 2019.*

**FANAMARIHANA**

1. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 265.

# Mbola hihaona aminy isika

Vinaisi Maca Naquere, Lautoka, Fidji

*Izaho sy ny vadiko dia teo am-pikasana hofehezina, saingy izany ôrdônansy masina izany dia ho lehibe lavitra noho ny neritreretanay azy.*

Rehefa nanantena sy naniry zanaka nandritra ny fito taona izahay dia notahiana ihany izaho sy ny vadiko nony farany ka nahazo zazavavy kely iray. I Alicie no fahazavan'ny fiainanay, saingy dimy volana monja izy no velona dia matin'ny pnemônia.

Izany no zavatra mafy indrindra niainako teo amin'ny fiainako. Isan'andro aho rehefa mody avy miasa dia mipetraka ary mitomany. Miara-mipetraka amiko matetika ireo rafozako mba hanome fankaherezana ahy. Nivavaka hatrany aho mba hahazo zanaka hafa, saingy tsy nahazo izany. Very tao anaty alahelo aho.

Nanomboka namporisika ahy sy ny vadiko handeha any amin'ny Tempolin'i Suva Fidji mba hofehezina ireo rafozako. Mbola tsy tany amin'ny tempoly izahay, ka dia nanapa-kevitra izahay fa izany no fomba tsara indrindra hahitana fanantenana sy fanasitranana ho anay.



Tsy nisy na inona na inona afaka nanomana ahy tamin'ny zavatra tsapako tamin'io andro io! Fantatro fa izaho sy ny vadiko dia ho voafehy mandritra ny mandrakizay. Izany fahalalana izany dia nahatonga ahy ho feno fankasitrahana sy fitiavana. Tsy takatro anefa fa izany ôrdônansy masina izany dia hisy fiantraikany aminay mihoatra noho ny neritreretanay azy.

Tao amin'ny tempoly dia nianatra aho fa azo fehezina miaraka aminay i Alicie. Nandrotsaka ranomasom-pifaliana aho rehefa lasa nahafantatra an'io fotopampianarana masina io. Hiaraka aminay amin'ny mandrakizay manontolo ilay zanakay vavy! Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamanitra dia nanome izay rehetra ilaina ho an'ny fahasambarana ao amin'ny tranony masina.

Taona maro taty aoriana dia notahiana izaho sy ny vadiko amin'ny fananana zanakalahy anankiray ary zaza natsangana anakintelo. Tsy hadinonay mihitsy anefa i Alicie. Noho ireo ôrdônansin'ny tempoly dia mpikambana ao amin'ny fianakavianay mandrakizay ilay zanakay vavy.

Rehefa mihaona amin'olona very zanaka aho dia mahatsapa ny fanaintainany miaraka aminy. Saingy fantatro ihany koa anefa fa tsy izany fanaintainana izany no fiafarana. Tamin'ny alalan'ny namerezako an'i Alicie, ary koa tamin'ny alalan'ireo fitsapana hafa, dia fantatro fa eo Andriamanitra ho ahy. Rehefa mihakivy na mitaraina noho ny zavamiseho aho dia fantatro fa eo foana Andriamanitra.

Fantatro fa hahita an'i Alicie indray aho, ary izany fahamarinana izany dia mitohy mitondra fifaliana lalina ho ahy sy ny vadiko hatrany. ■

SARY NATAON'I JOSHUA DENNIS



# Nareniny tamin’ny laoniny aho

**Alaina Dunn,** Utah, Etazonia

*Nahare ny namako fa narary aho ka dia nandefasany piozila natokana manokana ho ahy izay namboarin’ny tenany ihany aho.*

Noheveriko foana hatramin’izay fa olona tsy mba marary izany ny tenako. Taitra aho noho izany raha nifoha indray maraina ka nahatsapa zavatra nanindrona be ny tratrako hany ka nila hipoaka izany. Noentina haingana tany amin’ny hôpitaly aho, nefa rehefa nandalo fitiliana nandritra ny ora maro aho dia tsy hitan’ireo dokotera ilay olana. Nalefan’izy ireo nody aho na dia mbola nijaly noho ny fanaintainana nila tsy ho zaka aza. Dia toy izany no niantombohan’ireo fotoana nifanaovana tamin’ny dokotera izay tena fahoriana tokoa nandritra ny fito volana, ny fijanonana tany amin’ny hôpitaly, ary ny fanaintainana mafy indrindra nahazo ahy teo amin’ny fiainako.

Nanomboka kivikivy aho. Tsy maintsy najanoko ny fianarako tany amin’ny oniversite ary niverina nipetraka niaraka tamin’ny ray aman-dreniko aho. Tsy afaka nivoaka niaraka tamin’ireo namako aho. Narary izaitsizy aho ka tsy afaka nanao ireo fialam-boly fanaoko. Nahatsapa aho fa ireo zavatra izay noraharahiako—ireo zavatra nandrandraiko, ny fifandraisako amin’ny hafa, ny talentako—dia voatorotoro avokoa, ary ilay izaho taloha dia toa tsy azo arenina intsony. Ary nanomboka nanontany tena aho hoe: Fa dia nahoana loatra no navelan’ny Ray any An-danitra hitranga amiko izao? Angaha moa Izy tsy tia ahy?

Taorian’ny fotoana iray hafa indray niarahana tamin’ny dokotera izay sady nahakivy no nahaketraka, ny hany niriako natao dia ny mamoy fo irery mitomany. Saingy rehefa tafaverina tany an-trano aho anefa dia nahita zavatra hafahafa teo amin’ny lavarangana kely fidirana ny trano: boaty fasiana kiraro efa tonta rovidrovitra mifono scotch natokana ho ahy.

Ny taratasy teo amin’ilay boaty dia nanambara fa avy amin’ny iray amin’ireo namako ilay izy. Nahare izy fa narary aho ka dia naniry ny hampifalifaly ahy izy. Rehefa nosokafako ilay boaty fasiana kiraro dia nahita aho fa feno polystyrène kely be dia be ilay izy. Piozila namboarina tanana natokana manokana ho ahy ilay izy.

Rehefa nanambatra ilay piozila aho dia nanomboka nitomany. Mampiseho ny anarako voahodidin’ny hafatra mifono fitiavana sy fankaherezana ilay piozila. Tsapako fa izaho izay voatorotoro dia lasa narenina tamin’ny laoniny indray izao rehefa nanambatra ilay fanomezana avy tamin’ny namako.

Fotoana fohy taty aoriana dia nanomboka nandray fanafody mampihena ireo soritr’aretina aho ka izany no nanampy ireo mpitsabo hamantatra ilay aretiko. Aretina tsy fahita firy nefa azo tsaboina tsara no nahazo ahy, ary raha mahazo fanafody araka ny tokony ho izy aho dia afaka hiverina amin’ny fiainana mahazatra.

Na dia nositranina aza ny vatako dia fantatro fa tsy ho hadinoiko mihitsy ny zavatra nianarako. Noho ny fanomezana feno fitiavana avy amin’ilay namako dia nahafantatra aho fa notiavina aho ary ny Ray any An-danitra dia tsy nanadino ahy. Taorian’ny volana maro naha voatorotoro ahy dia sitrana aho noho ny hatsarampanahin’ny namana iray sy ny fitiavan’ny Raiko any An-danitra. ■



SARY NATAON’I JOSHUA DENNIS

# “Manana boky mangamanga misy soratra miloko volamena ve ianao?”

**Michael Jacobson,** Oregon, Etazonia

*Taorian’ny nanariako an’ilay boky dia nahaliana ahy ny hahafantatra ny tao anatiny.*

Taona maro lasa izay dia nahazo boky mangamanga misy soratra miloko volamena teo amin’ny fonony aho avy tamin’ireo misiônera nanompo teo amin’ny toby miaramila izay nandraisako fanofanana ho amin’ny asako tao amin’ny tafika amerikana.

Rehefa nanomboka namaky ilay boky aho dia nisy olona nilaza tamiko fa hosoka ilay izy satria nadika avy tao amin’ny Baiboly. Nahatonga ahy hisalasala ny amin’ny fahamarinan’ilay boky izany, saingy notanako ihany izany. Novakiako kely izany dia nataoko anaty kitapoko.

Herintaona mahery taty aoriana dia nanadio ilay kitapoko aho. Hitako ilay boky saingy tsy liana taminy intsony aho ka nariako ilay izy. Saingy fotoana vitsy taty aoriana dia nihaliana bebe kokoa ny amin’izay tao anatin’ilay boky mangamanga misy soratra miloko volamena aho. Fantatro ankehitriny fa avy amin’ny Fanahy izany fahatsapana izany, “izay mitarika hanao ny tsara” (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 11:12).

Tamin’ny 2005 dia nisy namako vaovao nanasa ahy hihaino ny misiônera. Tamin’ny voalohany dia nanana fanontaniana sy fisalasalana aho momba ny zavatra nampianarin’izy ireo, saingy natoky tena ireo misiônera ary nanome valiny mitombina tamiko.

Rehefa hitako fa tahaka ireo izay nihaona tamiko taona maro lasa tany aloha ireo misiônera ireo dia nanontaniako tamimpientanentanana izy ireo hoe: “Manana boky mangamanga misy soratra miloko volamena ve ianareo ry zalahy?”

“Eny, manana izahay” hoy ny navalin’ny iray tamin’izy ireo. “Bokin’i Môrmôna no fiantsoana azy!”

Te hanana mafy ny Bokin’i Môrmôna indray aho. Eny tokoa, tena faly aho fa namaky azy io mihoatra ny indray mandeha tao anatin’ny latsaky ny roa herinandro! Raha namaky sy nivavaka aho dia nahafantatra fa tenin’ Andriamanitra izany.

Nilaza zavatra mifandray tamin’ny zavatra niainako tamin’ny Bokin’i Môrmôna ny Loholona Rubén V. Alliaud nandritra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany: “Izay mpamaky manolo-tena ny handalina izany amin-kitsimpo, miaraka amin’ny fanahin’ny vavaka, dia tsy hianatra fotsiny momba an’i Kristy, fa hianatra koa *avy* amin’i Kristy, indrindra raha toa ka manapa-kevitra izy ireo ny -hanandrana ny herin’ny teny- [Almà 32:5] ary tsy mandroaka izany hivoaka noho ny tsy finoana noho izay nolazain’ny hafa momba ireo zavatra izay tsy mbola novakian’izy ireo.”[1]

Tamin’ny famakiana ny Bokin’i Môrmôna sy ny fivavahana ary fatokiana ny Fanahy dia nahita zavatra lehibe nitranga tamin’ny fiainako aho. ■




**FANAMARIHANA**


1. Rubén V. Alliaud, “Hita tamin’ny alalan’ny herin’ny Bokin’i Môrmôna,” *Liahona,* nôv. 2019, 37.

SARY NATAON’I GREG NEWBOLD

# Ny tanjon'ny batisako

Rui Cong Hong, Nouveau Taipei, Taïwan

*Talohan'ny nanaovana batisa ahy dia nipetraka irery aho ary nivavaka ny mba hipoiran'ireo namako.*



Fony aho mbola zaza nipetraka tany ambanivohitr'i Taipei, Taïwan dia tsy mbola nahalala ny momba ireo misiônera. Koa tamin'ny voalohany nihaonako tamin'izy ireo dia naniry ny hahafantatra ny hafatra nentin'izy ireo aho. Tsy ela akory dia nazoto nanaraka ny fampianaran'izy ireo aho ary nampihatra ny filazantsara teo amin'ny fiainako. Tsapako hoe fomba iray izany ahafahako mahita hoe tena misy marina Andriamanitra.

Tao anatin'ny iray volana dia nampianarina ny filazantsara sy ireo didy izay ampianarina mialoha ny batisa aho. Nahatsapa fiadanana aho rehefa nivavaka, naharay fanambarana ho an'ny tena manokana aho avy tamin'ny fandalinana ny soratra masina, ary tsy nanadino mihitsy ny fivoriam-piangonana aho. Nanapa-kevitra aho fa tokony hatao batisa.

Ny fanamby lehibe indrindra natrehiko tamin'izany fotoana izany dia ny olana izay nisy teo amin'ny fifandraisako tamin'ny namako sasany izay nanohitra ny firotsahako tato amin'ny Fiangonana. Nivavaka mafy momba ireo olana ireo aho kanefa toa niharatsy ny fifandraisanay.

Nasaiko hanatrika ny batisako ireo namako saingy nandà tanteraka ny fanasako izy ireo. Tena tsy fantatro izay tokony natao. Talohan'ny batisako dia nipetraka irery teo ambony seza ao amin'ny efitrano fidirana an'ilay trano fiangonana aho, nivavaka ny mba hipoiran'ireo namako amin'ny fomba mahagaga mba hilazako amin'izy ireo ireo fiovana tsara nataoko teo amin'ny fiainako sy hanaporofoana azy ireo fa tsara ny fanapahan-kevitra noraisiko amin'ny fanaovana batisa ahy.

Tsy nipoitra mihitsy ireo namako, saingy rehefa namboraka ny foko tamin' Andriamanitra aho dia nanana fahatsapana iray. Tamin'izay fotoana izay dia nahatsapa fitiavana lehibe avy tamin'ny Ray any An-danitra aho. Fantatro fa teo Izy ary tena nihaino ny vavaka nataoko.

Tamin'ny voalohany aho naniry ny hatao batisa noho ireo zavatra mahavariana nitranga teo amin'ny fiainako fotsiny, saingy tamin'izay fotoana izay aho dia nahatakatra ny tanjon'ny batisako.

Ny fahatsapana azoko dia toy ny feon'ny Tompo milaza tamimpitiavana sy mivantana tamiko nilaza hoe: "Tsy mila manaporofo na inona na inona na amin'iza na iza ianao. Mila manaporofo amiko fotsiny ianao hoe tena vonona ny hanatona ahy ary hijanona ho marina amin'ny filazantsarako mandritra androm-piainanao sisa." ■

SARY NATAON'I JULIA YELLOW

3 Nefia 17–19

(28 SEPTAMBRA–11 ÔKTÔBRA)

# Ahoana no ahafahantsika miaina ny hery manasitran'i Kristy?

Tao amin'ny asa fanompoana nataon'i Jesoa Kristy tamin'ireo Nefita dia naneho fitiavana lehibe sy ny heriny manasitrana tamin'ireo rehetra izay nanatona Azy Izy. Inona no azontsika ianarana avy amin'ny zavatra niainan'ireo Nefita niaraka tamin'ny Mpamonjy?



**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**

- Raha anisan'ireo Nefita ianao, inona no ho nangatahinao ny Mpamonjy mba ho sitraniny? Inona no holazainao Aminy?
- Ahoana no hanatonanao an'i Kristy, tahaka ireo Nefita, ary hiaina ny fitiavany sy ny heriny manasitrana eo amin'ny fiainanao?
- Oviana no efa nahatsapanao ny fitiavan'ny Mpamonjy? Ahoana no nahatsapanao izany fitiavana izany?

## Fitsapana an'ireo Nefita

Sarotra ireo folo taona nialoha ny fahatongavan'i Jesoa. Ny Nefita dia niaritra:

- Fanenjehana fivavahana (jereo ny 3 Nefia 1:9).
- Faharatsiana sy fahavetavetana (jereo ny 3 Nefia 2:3, 7:7).
- Ady (jereo ny 3 Nefia 2:17).
- Fanavakavahana (jereo 3 Nefia 6:10–14).
- Korontana (jereo ny 3 Nefia 7:1–4).
- Loza voajanahary nandritra ny telo andro izay nisian'ny haizina (jereo ny 3 Nefia 8).



FANASITRANANA, NATAON'I J. KIRK RICHARDS

## Ny asa fanompoan'i Kristy teo anivon'ireo Nefita

Rehefa niseho tamin'ireo Nefita ny Mpamonjy dia nanasa ireo rehetra izay "ory na manao ahoana na manao ahoana izany" (3 Nefia 17:7) mba hanatona ka hositranina. Nihoatra lavitra ireo fitsapana niainan'ireo Nefita vao haingana ny fanasany. Mihatra amin'ireo ratra hita maso sy tsy hita izay mety nentin'ireo Nefita nandritra ny fiainany manontolo. Nositranin'ny Tompo "ny tsirairay avy taminy" (3 Nefia 17:9) ary notompoiny "tsirairay" izy ireo (3 Nefia 17:21).

## 3 Nefia 17–19

(28 SEPTAMBRA–11 ÔKTÔBRA)

Rehefa nitsidika ny Nefita i Jesoa dia nivavaka niaraka tamin'izy ireo in-11 Izy. Tamin'ny alalan'ny teny sy ny ohatra dia nampianatra azy ireo ny fomba fivavaka Izy. Ireo mpaminany, mpahita, ary mpanambaran'ny andro farany dia mbola mampianatra hatrany ny zavatra nampianarin'ny Mpamonjy momba ny vavaka. Ireto misy ohatra vitsivitsy:

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**
Inona ihany koa no nampianarin'ny Mpamonjy sy ireo mpaminany sy apôstôlin'ny andro farany mikasika ny vavaka? Afaka manampy ny vavaka ataonao mba hanan-danja kokoa aminao amin'ny fomba ahoana ireo fampianarana ireo?

# Ahoana no ahafahako mivavaka araka ny nampianarin'ny Mpamonjy?




| Ny zavatra nampianarin'ny Mpamonjy | Ny zavatra ampianarin'ireo mpaminany, mpahita, ary mpanambaran'ny andro farany andro farany |
|---|---|
| Mivavaka ho an'ny hafa (jereo ny 3 Nefia 17:14, 17, 21; jereo ihany koa ny 3 Nefia 18:23) | "Mampitombo ny fahaizantsika mandre sy mihaino ny feon'ny Tompo ny fivavahana ho an'ny hafa amin'ny fahavitrihan'ny fanahintsika iray manontolo."[1] |
| "Miambina sy mivavaka mandrakariva" (3 Nefia 18:15) | "Amin'ny alalan'ny vavaka matotra sy avy amin'ny fo no ahafahantsika mandray ny fitahiana ilaina sy ny fanohanana takina mba hamakivakiana an'ity dia antsointsika hoe fiainana an-tany ity izay sady sarotra no feno fanamby indraindray."[2] |
| "Mivavaha ao amin'ny fianakavianareo" (3 Nefia 18:21; jereo ihany koa ny 3 Nefia 17:3) | "Raha mandray anjara amin'ny vavaka fanaon'ny mpianakavy isan'andro ianao, . . . dia handray ireo fitahian'ny Tompo nampanantenaina amin'ny fitaizana taranaka miaina amim-pahamarinana."[3] |
| Tsy hamaroina fitry ny teny (jereo ny 3 Nefia 19:24; jereo ny 3 Nefia 13:7) | "Tokony ho tsotra sy mivantana ary vokatry ny fo ny vavaka ataontsika."[4] |
| "Tohizo ny vavaka" (3 Nefia 19:26) | "Mivavaha matetika. Mivavaha ao an-tsainao, ao am-ponao. Mandoaliha dia mivavaha. Ny vavaka no fanalahidinao manokana hidirana ny lanitra. Any amin'ny faritra ilan'ny voaly izay misy anao no misy ny hidim-baravarana."[5] |



**FANAMARIHANA**
1. David A. Bednar, "Pray Always," *Liahona,* Nov. 2008, 43.
2. Thomas S. Monson, "Three Goals to Guide You," *Liahona,* Nov. 2007, 120.
3. *Teachings of Presidents of the Church: Howard W. Hunter* (2015), 229.
4. Dallin H. Oaks, "The Language of Prayer," *Ensign,* May 1993, 17.
5. Boyd K. Packer, "Prayer and Promptings," *Liahona,* Nov. 2009, 46.

SARY NATAON'I J. BETH JEPSON

3 Nefia 20–26
(12–18 ÔKTÔBRA)

# Ahoana no andraisantsika anjara amin'ny "asa . . . mahatalanjon['ny Tompo]"?

Tao anatin'ireo zavatra maro nampianarin'ny Mpamonjy an'ireo Nefita dia nampianatra azy ireo momba ny fanangonana an'i Isiraely Izy ary nandidy azy ireo mba handalina ny soratra masina ary hitahiry rakitsoratra azy ireo manokana. Ahoana no fomba ahafahantsika manaraka ireo fampianarana ireo ankehitriny?



### Hadihadio ny mpaminany

Nandidy an'ireo Nefita ny Mpamonjy "[hanadihady] ny mpaminany" (3 Nefia 23:5). Manana fahafahana hihaino ny mpaminany velona sy ireo mpitarika hafa ao amin'ny Fiangonana isika mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

- Inona no azonao atao mba hitrandrahana bebe kokoa ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany?
- Ahoana no hanampian'ny hoe "hadihadio ny mpaminany" antsika amin'ny fanangonana an'i Isiraely?

### Mandraisa anjara amin'ny asa

Naminany i Jesoa Kristy fa hisy "asa . . . mahatalanjona" amin'ny andro farany (jereo ny 3 Nefia 21:9). Izany asa izany dia ny fanangonana an'i Isiraely. Ny Filoha Russell M. Nelson dia niantso an'ity asa ity ho "ny zavatra manan-danja indrindra mitranga ety an-tany amin'izao fotoana izao" ka nilaza hoe: "Raha misafidy ianao, raha tianao izany, dia afaka ny ho mpandray anjara lehibe amin'izany ianao."[1]



- Ahoana no ahafahanao sy ny fianakavianao mianatra bebe kokoa sy mandray anjara bebe kokoa amin'ny fanangonana an'i Isiraely?

### Manao firaketana an-tsoratra

Nandidy ireo mpianany Nefita i Jesoa hanao firaketana an-tsoratra an'ireo fampianarany sy ny faminanian'i Samoela ilay Lamanita (jereo ny 3 Nefia 23:4, 6–13). Torak'izany koa, isika dia afaka mitahiry an-tsoratra ireo zavatra iainantsika eo amin'ny fiainana mba hanampiana antsika sy hampianarana ny hafa.

- Moa ve misy zavatra niainana ara-panahy tamin'ny lasa tsy mbola noraketinao?
- Ahoana no fomba ahafahanao mirakitra an-tsoratra ireo zavatra izay ampianarin' Andriamanitra anao?

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Fanantenana ho an'i Isiraely" (fampaherezampanahy maneran-tany ho an'ny zatovo, 3 jona 2018), 8, HopeofIsrael .ChurchofJesusChrist.org.

SARY FAMANTARANA DIARY FANDRAISANA AN-TSORATRA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

3 Nefia 27–4 Nefia

(19–25 ÔKTÔBRA)

# Inona no dikan'ny hoe tena niova fo?


Taorian'ny nisehoan'ny Mpamonjy tamin'ireo Nefita dia niaina firaisan-kina sy fiadanana efa ho nandritra ny 200 taona izy ireo satria "niova fo ho an'ny Tompo avokoa" izy rehetra (4 Nefia 1:2).

Inona avy ireo ohatra sasany momba ny asa feno fahamarinana nasehon'ireo Nefita? Afaka mamaky ny 4 Nefia 1:2–15 ianao ary mameno ny banga amin'ny ohatra fanampiny izay hitanao.

- ______________________________
- ______________________________

**FIFANAKALOZAN-KEVITRA**


- Ampitahao ny fahasambaran'ireo Nefita sy ny alahelo rehefa tsy marina izy ireo. Saintsaino ny maha-samy hafa izany ary mitadiava fomba ahafahanao hiova fo bebe kokoa amin'ny Tompo.
- Afaka misafidy zavatra iray azonao hatsaraina ve ianao eo amin'ny fiainanao?
- Ahoana no ahafahan'ireo zavatra ireo mitondra anao ho akaiky kokoa an'ireo namanao sy ny fianakavianao ary ny Tompo?



**Fahasambarana sy firaisan-kina**

Faly ireo Nefita ary niray hina tamin'ny alalan'ireo asa marina nataony (jereo ny 4 Nefia 1:2–15).

- Tsy niangatra ary tsara fanahy izy samy izy.
- Nanaraka ny didin'i Kristy izy ireo.
- Nanetry tena tamin'ny fifadian-kanina sy ny vavaka izy ireo.



**Alahelo sy fisaraham-bazana**

Mampalahelo anefa fa ireo taona nisian'ny firaisan-kina sy fahasambarana ireo dia tsy naharitra mandrakizay. Lasa tsy nankatò ny didin' Andriamanitra intsony ireo Nefita ny farany (jereo ny 4 Nefia 1:24–31). Tamin'ny fanaovana izany dia:

- Lasa tia tena sy nieboebo izy ireo.
- Nanorina ny fiangonany manokana izy ireo ho fitadiavam-bola.
- Nandà ny Fiangonan'i Kristy izy ireo.

SARY NATAON' I JOSH BLACK





# Trano fiangonana— Toerana hanehoam-panajana sy hitsaohana



**Nataon'ny Eveka Dean M. Davies**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Episkôpà Mpiahy

*Ny Fanahin'ny Tompo dia manatrika ao amin'ireo trano fiangonantsika ary hanentana ny fanahintsika rehefa maneho fanajana eo anatrehany isika.*

Indray andro ny mpiara-miasa be fandavan-tena iray dia nizara tamiko ny zavatra niainany tamin'ny nanatontosany ny andraikitra fampirimana seza ary famerenana amin'ny laoniny ny ivontoeran'ny tsatòka taorian'ny fihaonamben'ny tsatòka. 30 minitra taorian'ny nanaovany an'ireo andraikitra ireo dia tonga saina izy fa izy irery sisa no tavela tao amin'ilay trano fiangonana. Tsy nahatsapa tena ho irery izy ka haniry ny handeha hody haingana, fa nahatsikaritra kosa fa ilay fahatsapana fiadanana tena tsara tsapany nandritra ny fihaonambe dia mbola nijanona tao aminy ary nihanitombo mihitsy aza.

Rehefa vitany ny andraikitra nankinina taminy ka niala ny trano fiangonana izy dia nifanena tamina mpikambana hafa izay toa nandinika tsara azy. Nony tonga saina ny amin'ny zavatra nataon'ilay namako io mpikambana io dia nalainy ny tanan'ilay namako dia nilaza izy hoe, "Rahalahy, mahita ireo zavatra kely ataonao ho Azy ny Tompo, mijery anao avy any ambony Izy ary mitsiky noho ny amin'izy ireo."

Taona maro taty aoriana rehefa lasa eveka io namako io dia sendra irery indray tao amin'ny trano fiangonan'ny paroasy misy azy izy. Rehefa novonoiny ny jiro tao amin'ny trano fiangonana dia nipetrapetraka kely tao izy, ka ny hazavan'ny volana tafiditra tamin'ny alalan'ireo varavarankely dia tonga hatreo amin'ny polipitra.

Ilay fahatsapana fiadanana tsy zoviana aminy dia nanenika azy indray, nipetraka teny alohaloha tao amin'ilay trano fiangonana izy nisaintsaina ireo fotoana masina tsy tambo isaina niainany tao amin'io toerana io—ireo fotoana maro nandinihany ireo mpisorona manapatapaka ny mofo eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo, ireo fahafahana nahatsapany ny Fanahy Masina niaraka taminy rehefa nitondra ny lahatenin'ny fihaonamben'ny paroasy izy, ireo fotoam-batisa notarihany, ireo hira tena kanto nataon'ny amboaram-peo, ary ireo fijoroana ho vavolombelona marobe nanohina ny fony avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny paroasy. Raha nipetraka irery tao amin'ny haizina tao amin'io trano fiangonana io izy dia nahatsapa ho heniky ny fitambaran'ireo zavatra niainana teo amin'ny fiainany ireo sy teo amin'ny fiainan'ireo mpikamban'ny paroasiny, ka dia nanondrika ny lohany mba hanehoana fankasitrahana izy.



Nampianarina tsara sy tamim-pahendrena izy fa ireo toerana masina indrindra ety antany dia ny tempoly sy ny tokantrano, saingy tamin'ny alalan'ireo traikefa anankiroa mifandray eo ambony ireo dia lasa nahatakatra ihany koa ny maha masina an'ireo trano fiangonantsika izy. Noho izy ireo notokanan'ny fahefam-pisoronana dia lasa toerana handatsahan'ny Tompo fanambarana eo amin'ny olony ireo toerana ireo, ary "miharihary ao [amin'ireo toerana ireo] ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra" amin'ny alalan'ireo ôrdônansy izay tanterahina ao (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:20).

Ny trano fiangonana dia mitambatra amin'ny tokantrano mba hitondrana ny fifaliana nampanantenaina izay afaka hiainan'ireo Olomasina mahatoky amin'ny andro Sabata. Izany dia lasa toerana hahafahan'ny fon'ny mpikambana "mifamihina ao amin'ny firaisankina sy ny fifankatiavantsika samy isika" (Môzià 18:21) sy manoloana ny Mpamonjy noho ny fitsaohana miaraka ataon'izy ireo. Mba hahafahantsika maneho fankasitrahana sy fanajana araka ny tokony ho izy noho ireo fitahiana ara-panahy mirotsaka amintsika amin'ny alalan'ireo trano fiangonantsika, dia tokony hiditra ao amin'ireo toerana fitsaohana ireo miaraka amin'ny fanehoam-panajana lalina sy vokatry ny fo isika.

## Ny dikan'ny hoe fanehoam-panajana

Ao amin'ny kolontsaintsika ao amin'ny Fiangonana amin'izao, ny teny hoe *fanehoam-panajana* dia lasa mitovy hevitra amin'ny teny hoe *fahanginana*. Na dia tena mety aza ny firesahana mora ao anatin'ireo trano fiangonantsika, dia lasa tsy mahafoaka ny hevitra fenon'ilay teny izany fomba fandraisana ny fanehoam-panajana voafetra izany. Ny *Fanehoam-panajana* dia azo avy amin'ny matoanteny amin'ny fiteny Latina manao hoe *revereri,* izay midika hoe "mitolagaga eo anatrehan'i/ny."[1] Moa ve isika afaka hahita teny mamariparitra tsara kokoa ny fahatsapan'ny fanahintsika mihoatra noho izany rehefa tena mandinika ny zavatra nataon'ny Mpamonjy ho antsika tsirairay avy?

Tsaroako ny tononkiran'ny hira iray ao amin'ny fihirana fanaontsika ao amin'ireo trano fiangonana: "Mahagaga ny fitiavan'i Jesoa Ahy."[2] Izany fahatsapana fankasitrahana, fiderana, ary fitalanjonana lalina izany no iavian'ny fanehoam-panajana, ary izany dia manosika antsika hisoroka izay mety ho fiteny na fitondrantena mety hampihena ireo fahatsapana ireo ao anatintsika sy amin'ny hafa.

## Trano fiangonana sy ny andro Sabata

Mahafantatra isika avy amin'ny fanambarana maoderina fa ampahany manan-danja iray amin'ny fitsaohantsika amin'ny Sabata ny



"[m]andeha ho any amin'ny trano fivavahana ary [m]anatitra ny fanatipisaoran[tsika] amin'ny andro masin'[ny Tompo]" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9). Ireo trano fiangonantsika masina izay iangonantsika amin'ny Sabata no "trano fivavahana."

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanampy antsika hahatakatra tsara kokoa ny fifandraisana akaiky eo amin'ny fanehoam-panajana ny Mpamonjy sy ny fahatsapana ananantsika manoloana ny andro Sabata. Raha nizara ny traikefany manokana amin'ny fanajana ny andro Sabata dia nilaza ny Filoha Nelson hoe, "Nianatra [aho] avy tamin'ny soratra masina fa ny fitondrantenako sy ny fihetsiko amin'ny Sabata dia nandrafitra *famantarana* teo amiko sy ny Raiko."[3]

Toy ny hoe famantarana ny fanolorantenantsika amin'ny Tompo ny fitondrantenantsika sy ny fihetsitsika amin'ny Sabata, ny fitondrantenantsika, ny fihetsitsika, ary na dia ny akanjo anaovantsika ao amin'ny trano fivavahana mihitsy aza dia mety hanondro tahaka izany koa ny hoe hatraiza ny fanehoam-panajana ananantsika manoloana ny Mpamonjy.

### Trano fiangonana sy ôrdônansy

Ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampitombo ny fahatakarantsika an'io foto-kevitra io rehefa nilaza izy hoe:

"Ankoatra ny fanomezana fotoana ho an'ny fampianarana ny filazantsara miainga ao an-tokantrano, ny fanompoam-pivavahantsika isak'alahady . . . [dia] manamafy ny fanasan'ny Tompo ho fotoana masina, ho zava-manan-danja ifantohana amin'ny traikefan'ny fitsaohana isan-kerinandro. Natao hotsaroantsika amin'ny fomba an'ny tena manokana araka izay vita fa i Kristy dia maty noho ny fo torotoro avy tamin'ny fiantsorohana ireo fahotana sy alahelo ary fahorian'ny fianakaviamben'ny zanak'olombelona manontolo.

"Satria nandray anjara amin'izany entamavesatra naningotra aina izany isika, dia mitaky ny fanajantsika izany fotoana izany."[4]



Zava-dehibe ny mahatsiaro fa ny toerana natokana ho an'izany fotoana masina indrindra hanoloram-panajana ny Mpamonjy izany dia ny trano fiangonana. Ankoatra ny fanehoam-panajana tsapantsika mandritra ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo fanaontsika isan-kerinandro dia mihamitombo ny fanehoam-panajana sy ny fanomezamboninahitra avy amintsika rehefa misaintsaina ireo ôrdônansy sy tsodrano hafa ao amin'ny fisoronana atao ao amin'ny trano fiangonana isika, tafiditra ao anatin'izany ny fanomezana anarana sy fitsofandrano zazakely, ny batisa sy fandraisana ho mpikambana, ny fanendrena ny fisoronana, ary ny fanokanana ho amin'ny antso. Ireo ôrdônansy sy tsodrano tsirairay ireo dia afaka mitondra ny fandrotsahana ny Fanahy Masina raha toa ka manana fitondrantena maneho fanajana ireo izay mandray anjara sy manatrika izany.

### Trano fiangonana sy fitsaohana

Ny andro Sabata dia manolotra antsika fahafahana hitsaoka ny Tompo mandritra ny

SARINA VEHIVAVY EO AMIN'NY POLPITRA NALAIN'I TIFFANY MYLOAN TONG

fandalinana ataontsika ao an-trano sy miaraka amin'ny daholobe mandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo sy ireo fivoriana hafa. Efa hatrany am-piandohan'ny Fiangonana ireo Olomasina no nankafy ny fiarahana mifanerasera sy manorina fifandraisana amin'ny mahampiray tampo ao amin'ny Tompo. Na ireo trano fiangonantsika aza dia ahitana faritra natokana hanamorana ny zavatra toy izany mandritra ny herinandro. Isika anefa dia tsy tokony hanadino velively ny tanjona voalohany hisian'ireny trano fiangonana ireny, dia ny hanomezana toerana hitsaohana izany.

Mifamatotra akaiky ny fitsaohana sy ny fanehoam-panajana. "Rehefa mitsaoka an' Andriamanitra isika dia manatona Azy amin'ny fitiavana sy fanetrentena ary fiderana feno fanehoam-panajana. "Miaiky isika ary manaiky Azy ho Mpanjakantsika mahefa, ilay Mpahary an'izao rehetra izao, Raintsika malala ary feno fitiavana tsy manam-petra."[5]

Ny tanjona fototry ny fitsaohana dia tokony hiantraika amin'ny fitondrantenantsika ao amin'ireo trano fiangonana na dia rehefa manao fiaraha-mientana ara-tsôsialy na fialam-boly aza isika. Tokony jerena akaiky ny fampihenana ny tsy filaminana, ny potipoti-javatra, na ny zavatra simba vokatr'ireo zavatra atao ao amin'ny Fiangonana ao amin'ny faritra rehetra ao amin'ireo trano fiangonana, ary tokony raisina haingana ny andraikitra amin'ny fanadiovana na fanamboarana izany raha toa ka ilaina izany.

Ireo ankizy sy zatovo dia azo ampianarina fa ny fanehoam-panajana sy fikolokoloana ny trano fiangonana dia mihoatra lavitra ny fivoriana fanao isak'alahady. Ny fandraisan'ny mpikambana anjara amin'ny fanadiovana trano fiangonana—indrindra ny fandraisana anjaran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka mitambatra—dia fomba tena tsara hampitomboana ny fanehoam-panajana ho an'ireo toerana masina. Araka ny hita taratra teo amin'ny zavatra niainan'ilay namako tamin'ny fampirimana ny ivontoeran'ny tsatòkany taorian'ny fihaonamben'ny tsatòka, ny fikarakarana ny trano fiangonana dia tena fomba fitsaohana ary manasa ny Fanahin'ny Tompo.



SARY NALAIN'I JAMES ILIFF JEFFERY

SARINA MPIKAMBANA MIORO ANY IVELANY MASSIMO CRISCIONE

SARINA VEHIVAVY MANADIO VARAVARANA NALAIN'I DAVID HENRY MEREDITH

*Ny fikolokoloana ireo trano fiangonantsika dia fomba fitsaohana ary manasa ny Fanahin'ny Tompo.*





SARINA OLONA MANDAO NY TRANO FIANGONANA NALAIN'I MASSIMO CRISCIONE

**Trano fiangonana sy ny Mpamonjy**

Teo ambany fitarihan'ny Filoha Nelson amin'ny maha mpaminany azy dia manantanteraka ezaka manan-danja betsaka isika mba hakana antoka fa tsy voailika mihitsy ny anaran'i Jesoa Kristy rehefa manonona ny Fiangonany isika. Torak'izany koa, isika koa dia tsy tokony hamela mihitsy ny fanaovana ny Mpamonjy ho tsy ivon'ny fitsaohana ataontsika—ka tafiditra ao anatin'izany ny toerana hitsaohantsika.

Efa zatra milaza ny tempoly ho tranon'ny Tompo isika, izay fiantso marina sy manandanja. Fa mety mora hanadino koa isika anefa fa ny trano fiangonantsika tsirairay dia notokanan'ny fahefam-pisoronana ho toerana hitoeran'ny Fanahin'ny Tompo sy hahafahan'ireo zanak' Andriamanitra—na ny eo andaniny na ny eo ankilan'ny voaly—ho tonga "amin'ny fahalalana ny Mpanavotra azy" (Môzià 18:30).

Ny fanapahan-kevitra noraisina vao tsy ela ny handravaka ny trano fiangonantsika amina zava-kanto maneho amim-panajana ny Mpamonjy sy ireo zava-nitranga masina teo amin'ny fiainany tety an-tany sy ny taorian'izany dia natao mba hampanakaiky kokoa ny masontsika sy ny saintsika ary ny fontsika Aminy. Rehefa miditra ireo trano fivavahana ireo ianao hivoriana na hanaovana fiaraha-mientana, dia manasa anao am-pitiavana izahay hiato kely, hijery, ary handinika ireo sary hosodoko masina ireo, hijery azy ireny miaraka amin'ny zanakao, ary hamela azy ireny hampitombo ny fahatsapanao fitsaohana sy fanehoam-panajana ho an' Andriamanitra.

Ny mpaminany Habakoka ao amin'ny Testamenta Taloha dia nanambara hoe, "Jehovah dia ao amin'ny tempoliny masina; Mangina eo anatrehany, ry tany rehetra" (Habakoka 2:20). Torak'izany koa dia aoka isika hahatsiaro fa ny Fanahin'ny Tompo dia manatrika ao amin'ireo trano fiangonantsika ary hiditra ny fon'ny tsirairay avy amintsika arakaraka ny fanehoantsika fanajana eo anatrehany. ■

**FANAMARIHANA**

1. "Revereri," Lexico avy amin'ny Oxford, lexico.com.
2. "Endrey mahagaga ahy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* faha-44.
3. Russell M. Nelson, "Fahafinaretana ny Sabata," *Liahona,* mey 2015, 130.
4. Jeffrey R. Holland, "Indro ny Zanakondrin' Andriamanitra," *Liahona,* mey 2019, 45.
5. Dean M. Davies, "Ireo fitahiana entin'ny fitsaohana," *Liahona,* nôv. 2016, 94.

# Ho an'ny tanora


### Ato amin'ity fizarana ity

44 **Mitovy amin'ny fikomiana ve ny fiankinan-doha?**
Nataon'i Destiny Yarbro

48 **Paipaika 7 handresena ny fampiasana pôrnôgrafia**
Nataon'i Richard Ostler


### Amin'ny endrika nomerika ihany

**Manohana ny mamako eo ampialany tanteraka amin'ny fisotroana zava-pisotro misy alikaola**
Nataon'i Onnastasia Cole

Jereo ireo lahatsoratra ireo sy ny hafa koa:

- Ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist .org**
- Ao amin'ny **Ho an'ny tanora isankerinandro** (ao amin'ny fizarana "Tanora na manambady na tsia" ao amin'ny Bibliothèque de l'Évangile)

### Zarao ny tantaranao

Manana tantara mahavariana hozaraina ve ianao? Na te hahita lahatsoratra momba ana lohahevitra sasantsasany ve ianao? Raha izany no izy dia te haheno anao izahay! Azonao alefa ao amin'ny **liahona.ChurchofJesusChrist .org** ny lahatsoratrao na ny fanamarihanao.

## Afaka mahita ny fanafahana ianao

Moa ve ianao na ny olona tianao tafalatsaka ao anatin'ny fiverimberenan'ny hoe solafaka, mibebaka, manolo tena indray, dia solafaka indray? Olondehibe tanora mahafinaritra maro izay niara-niasa tamiko fony aho evekan'ny paroasin'ny tanora tokan-tena no tafalatsaka ao anatin'izany fiverimberenanjavatra izany. **Saingy betsaka ihany koa no nahita fanafahana amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.** Ireo hafatra mikasika ny fiankinan-doha ao amin'ny fizarana ho an'ity volana ity dia manolotra hevibaovao manampy amin'ny fahitana fanafahana—ho anao sy ho an'ny hafa.

Ny zavatra manan-danja indrindra tokony tsaroantsika dia ny hoe **samy zanaka tian'ny Ray any An-danitra avokoa isika rehetra.** Nampianatra ny Loholona Dieter F. Uchtdorf fa, "Tsy miandry anao handresy ny fahalemenao sy ireo fahazaran-dratsinao [Andriamanitra] akory vao hoe hitia anao. Tia anao izy androany, amin'ny fahatakarana tanteraka ireo ady atrehanao. . . . Fantany ny momba ny nenina nanananao noho ireo fotoana izay nahasolafaka anao na tsy nahombiazanao. **Kanefa dia mbola tia anao Izy**" ("Miaina ny filazantsara amim-pifaliana," *Liahona,* nôv. 2014, 123; nampiana fanamafisana).

Etsy ankilany kosa, i Satana dia hiezaka handresy lahatra anao fa tsy afaka hitia anao intsony ny Ray any An-danitra ary tsy afaka hiasa aminao intsony ny hery manova sy manadion'ny Mpamonjy. Hiezaka handetika anao ao anatin'ny tafio-dranon'ny nenina sy ny rikoriko i Satana, fa aza mino ny laingany anefa.

Mitodiha kosa amin'ny Ray any An-danitra. **Aza matahotra** misokatra amin'ny evekanao na amin'ny filohan'ny sampana misy anao ary ny hafa izay tia anao. Eo am-pamakianao an'ireo tantara feno fanantenana avy amin'ireo olon-dehibe tanora hafa izay voakasiky ny fiankinan-doha, dia mandraisa andraikitra eo anatrehan'ny fahatsapana tonga ao aminao. **Manàna fahaleretana amin'ny tenanao, tsarovy ny toetra araka an' Andriamanitra misy ao aminao, ary inoy ny hery manasitran'i Jesoa Kristy.** Izy ary ireo loharanom-panampiana maro dia maro hafa dia hanampy antsika hahita fahombiazana amin'ny fahitana ny fanafahana iriantsika. Aza milavo lefona na oviana na oviana.

Amim-pitiavana,
Richard Ostler



# Mitovy ve ny fiankinan-doha sy ny fikomiana?

Ny fahatakarana tsara ny fiankinan-doha dia afaka manampy antsika hatoky fa indray andro any ny Tompo dia hanafaka antsika amin'ny fatorana.

**Nataon'i Destiny Yarbro**

Ao amin'izao tontolo lavo izao ny fiankinan-doha dia zavatra mahasorena ary zava-misy manova ny fiainana ho an'ny olona sasany. Rehefa mampiasa zavatra amin'ny fomba tafahoatra mba hialana amin'ny fiainana isika, toy ny sakafo, ny zava-mahadomelina, ny tambazotra ifaneraserana, ny fifosafosana, ny pôrnôgrafia, ny lainga, ny filokana, ary na dia ny fanatanjahan-tena ihany koa aza, dia mety ho lasa tafalatsaka ao anatin'ny fiankinan-doha isika.

Raha nijery ireo olona mahafinaritra sy be fitiavana manodidina ahy aho, izay mitolona amin'ny fiankinan-doha mihitsy fa tsy hoe lavo noho ny safidy tsy nety natao fotsiny, dia nitodika tany amin'ny soratra masina sy ireo fikarohana ankehitriny momba ny fiankinan-doha aho mba hahatakarako tsara ireo faniriana sy fanerem-batana ara-tsaina ireo.

## Ny ahi-dratsin'ny fiankinan-doha

Ny fandehanana ao anatin'ny fiankinan-doha dia toy ny mikarakara zaridaina. Tsy indray mandeha ihany isika no manala ny ahi-dratsy dia hanantena hoe vita izay. Fantatsika fa mbola hisy ahi-dratsy hitsiry, noho izany dia esorintsika tsara matetika ny ahi-dratsy mba hiarovana ireo zava-maniry.

Raha mitolona amin'ny fiankinan-doha isika dia mety ho kivy rehefa tafalatsaka indray na dia efa nibebaka sy nikatsaka fanampiana aza. Mety ho gaga sy sorena isika fa matanjaka tokoa ireo fakam-panahy ireo aorian'ny fotoana tena mahafaly na mampalahelo tokoa. (Tahaka ny ahi-dratsy izay vao mainka maniry rehefa avy nisy rotsak'orana na tafiotra mahery.)

## Fiankinan-doha sy fikomiana fanahy iniana

Nahita aho fa ampiasain'i Satana ny fiankinan-doha entina hatao "porofo" fa isika dia olona mpaniry ratsy, na isika dia efa voaozona hatrany am-boalohany, na efa nilavo lefona ny amintsika ny Tompo. Ny devoly dia mampiasa ny henatra mba hanakiviana antsika, ary hamafisiny fa na impiry na impiry isika no mibebaka dia hisy fakam-panahy foana hiseho.

Misy antony maro mahatonga ny olona lasa miankin-doha, saingy ny fiankinan-doha dia manomboka amin'ny fanandramana hanome fahafahampo ny "filana lalina sy tsy voafehy."[1] Noho izany raha toa ny fikomiana ka *afaka* mitarika amin'ny fiankinan-doha ary ny fiankinan-doha *afaka* mahatonga fahotana, dia matetika izy ireo no volena sy ampitomboina ao anatin'ny fahalemena fa tsy fikomiana fanahy iniana.[2]

Soa ihany fa mahafantatra isika fa ny fahalemena dia afaka manome fahafahana antsika hianatra momba ny fahasoavana ary hampiroborobo finoana lalina ny hery manasitran'i Jesoa Kristy.[3]



## Mandrapahafaka amin'ny fatorana

Mahita hevi-baovao isika amin'ny fandehanana sy fandosirana ny fandriky ny fiankinan-doha avy amin'ny vondron'olona roa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia ny vahoakan'i Limia sy ny vahoakan'i Almà.

Samy voafatitra ireo vondrona roa ireo nandritra ny fotoana naharitra. Samy nahita izy roa ireo fa "tsy nisy lalana nahazoany nanafaka ny tenany" tamin'ny fanandevozana (Môzià 21:5). Samy nitodika tamin'ny Tompo izy ireo mba hitady fanampiana.

Voafatotra ny vahoakan'i Limia noho ny fandikandalàna. Tsy nikatsaka ny fanampian'ny Tompo akory izy ireo dia nitolona tamin'ny "fahatezerana" intelo tamin'ny mpampahory azy ireo. Resy izy ireo tamin'ny ady tsirairay. Rehefa nanomboka nanetry ny tenany izy ireo dia, "nitaredretra tamin'ny fihainoana ny fitalahoany [ny Tompo] . . . [saingy] *nihaino* ny fitalahoany [Izy], ary nanomboka nanalefaka ny fon'ny Lamanita, hany ka dia nanomboka nohamaivaniny ny entany" (Môzià 21:15; nampiana fanamafisana). Voatahy izy ireo noho ny fanetrentena nananany izay tsy mitsaha-mitombo, "saingy tsy hitan'ny Tompo ny mahamety ny hanafahana azy hiala amin'ny fanandevozana" raha tsy efa taty aoriana be.

Voafatotra ny vahoakan'i Almà na dia teo aza ny fahamarinan'izy ireo, saingy "namboraka ny tao am-pony [tamin' Andriamanitra] izy ireo." Na dia fantatr' Andriamanitra aza ny fahamarinan'izy ireo dia navelany nisy fotoana nanelanelana ny naha-babo sy ny fanafahana azy ireo. Rehefa niantehitra Taminy foana izy ireo dia nampanantena izy fa "[hohamaivaniny] koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo na dia mbola ao anatin'ny famatorana aza ianareo." Ho setrin'izany dia "nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo rehetra" izy ireo (Môzià 24:12, 14, 15).

Samy nafahana ireo vondrona roa ireo. Ary isika koa dia ampanantenaina fa rehefa mitodika any amin'ny Tompo isika mandritra ny famatorana antsika dia afaka "mijoro ho vavolombelona ny [Aminy] rahatrizay" isika ary "mahalala marina tokoa fa [Izy], Tompo Andriamanitra, dia mamangy ny [olony] ao amin'ny fahoriany" (Môzià 24:14), sy ny fiankinan-dohany!

## Manàna fahatokiana

Raha mitolona amin'ny fiankinan-doha ianao dia tsarovy fa miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo dia afaka ny ho tany lonaka io fotoana io hikolokoloana ireo toetra tahaka ny an'i Kristy. Rehefa mitombo ny fanetrentenanao dia ho afaka ny hianatra faharetana, fangorahana, fahari-po ary fahalemem-panahy.

Miresaha amin'ireo mpitarika anao ao amin'ny fisoronana sy ireo izay afaka manolotra fanohanana ary ampiasao ireo fitaovana izay nomen'ny Ray any An-danitra mba hanampiana anao hahazo fanafahana. Miantehera amin'ny Tompo. Rehefa manaraka Azy amim-pahavitrihana ianao dia afaka manova io fanamby mahakivy sy mahaketraka io ho lasa fahafahana mahery vaika hanatsarana ara-panahy.[4]

Hoy ilay Olomasin'ny Andro Farany iray fahiny avy any Australie izay raha nampitaha ny lasany tamin'ny ankehitrininy hoe: "Ny fiainako taloha dia toy ny tany efitra feno ahi-dratsy, tsy ahitana voninkazo mitsiry firy. [Fa] ankehitriny dia efa nanjavona ireo ahi-dratsy ary voninkazo no mamelana eo amin'ny toerany."[5]


Rehefa manala ireo ahi-dratsy ao amin'ny zaridainantsika izaho sy ianao ka mitodika any amin'ny Tompo mandritra ireo fitsapana antsika dia hahazo ireo fampanantenana nomena ny vahokan'i Almà manao hoe: "Manàna fahatokiana fa rahampitso Aho dia hanafaka anareo hiala amin'ny famatorana" (Môzià 24:16).

Esory hatrany ny ahi-dratsy, fa ho tsara ny vokatra! ■

*Monina any Texas Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**



1. Spencer W. Kimball, "Jesus: The Perfect Leader," *Ensign,* Aug. 1979, 5.
2. Jereo ny 1 Korintiana 15:42–44.
3. Jereo ny 2 Korintiana 12:9; Etera 12:27.
4. Jereo ny Isaia 51:3.
5. Martha Maria Humphreys, nindramina ny teniny ao amin'ny Marjorie Newton, *Southern Cross Saints: The Mormons in Australia* (1991), 158.

# Paika 7 handresena ny fampiasana ny pôrnôgrafia

Tao anatin'ny fanampiako ireo tanora tokan-tena handresy ny fampiasana tsy hay tohaina ny pôrnôgrafia dia nahita paika vitsivitsy izay mety hanampy anao ihany koa aho.





**Nosoratan'i Richard Ostler**

Rehefa natokana ho evekan'ny paroasin'ny tanora tokan-tena iray aho dia nisy filaharana tanora tokan-tena maro tao ivelan'ny varavaran'ny biraoko miandry ny hihaona tamiko. Inona ary hoy ianao ny zavatra noresahanay tao amin'izany dinika sy tafa voalohany izany?

Pôrnôgrafia.


Ary nandritra ireo telo taona manaraka, dia ny fiezahana nanampy ireo tanora tokan-tena handresy fahazarana tsy hay tohaina no tena nosahaniko tamin'ny antsoko, koa fantatro fa nianatra betsaka araka izay azoko nataoko aho. Nifady hanina aho, nivavaka, nandeha tany amin'ny tempoly, nila hevitra tamin'ny mpitarika hafa, namaky ireo loharanom-pitaovana rehetra nisy, nanatrika kilasy fanarenana fiankinan-doha, ary nianatra tamin'ireo izay eo am-piezahana ny ho sitrana. Te hizara hevitra feno fanantenana vitsivitsy aho momba ny zavatra nianarako.

## 1. Fantaro fa zanaky ny Ray aman-dreny any An-danitra izay tia anao ianao

Raha toa eo am-piezahana ny handresy ny fampiasana tsy hay tohaina ny pôrnôgrafia ianao dia mety hahatsapa tena ho nisintaka ny Ray any An-danitra satria mieritreritra fa tsy mendrika ny hotiavina na hoampiana ianao raha tsy voavaha izany. Izany mihitsy no tian'ny Satana, ny hanala anao amin'ny olona tsirairay izay tia anao amin'ny fanomezana hevitra fa vitanao irery ny mandresy ny pôrnôgrafia ary amin'izay ianao vao ho mendrika ny hotiavina.

Amin'ny maha-taranak' Andriamanitra anao dia mendrika ny hahazo fanantenana sy fitaomampanahy ary fanambarana ho an'ny tena manokana avy amin'ny Ray any An-danitra sy avy amin'ny hery manasitran'i Jesoa Kristy foana ianao handresena ny pôrnôgrafia.[1] Aza misintaka amin'ireo na amin'ireo olona izay tia anao.

SARY NALAINA TANY SAMIN'NY GETTY IMAGES



## 2. Esory ny henatra

Nianatra aho fa ny fanalana ny henatra dia tena zava-dehibe amin'ny fandresena ny pôrnôgrafia. Ny henatra dia ny fahatsapana ho toy ny olona potika, na simba, na ratsy toetra. Ny finoana ireo hevitra manimba momba ny tenanao ireo dia mety hihazona anao tsy ho afaka amin'ny fiankinan-doha. Ny fanenenana amin'ny zavatra nataonao dia ampahany ao amin'ny dingan'ny fibebahana ary afaka manampy anao hanova ny toetranao. Fa ny henatra dia mahatonga anao hahatsapa ho toy ny ratsy avokoa ny toetranao iray manontolo ka tsy afaka ny hahazo ny fanampian'ny Mpamonjy ianao.[2]

Tian'ny Ray any An-danitra hanana fanantenana feno an'i Jesoa Kristy sy ireo fitahiana avy amin'ny Sorommpanavotany ianao. Ny henatra dia mifantoka amin'ny lasa ka mihazona anao ao anatin'ny lainga sy fankahalana tena. Aza mijanona eo amin'ny lalan'ny henatra.

## 3. Aza maika milaza hoe "miankin-doha"

Maro ny olona no milaza ny tenany ho "miankin-doha" amin'ny pôrnôgrafia. Mampitandrina anao aho mba tsy hampiasa izany filazana izany amin'ny fomba diso amin'ny tenanao. Maro amin'ireo tanora izay manana olana amin'ny pôrnôgrafia no *tsy* miankin-doha raha ny tena marina.[3] Ary ny fampiasana amin'ny fomba diso io fomba filaza io dia mety hahatonga ny fanatsaharana ny fampiasana ny pôrnôgrafia ho sarotra noho ny henatra sy ny fihenan'ny fanantenana ary ny fankahalana tena izay vokatr'izany.

## 4. Mamoròna drafitry ny tena voasoratra ho fisorohana

Ny drafitry ny tena ho fisorohana dia antontan-taratasy mizara telo izay afaka manampy anao handresy ny pôrnôgrafia.

*Fizarana 1:* Tanisao ireo zavatra maka fanahy anao. Ny fakam-panahy no dingana voalohany ao amin'ilay hodina mitarika anao hijery pôrnôgrafia.

Misy karazany maro ny fakam-panahy:

- **Toe-java-misy:** tontolo miteraka fakam-panahy noho ny eritreritra na fihetsika tamin'ny lasa (toy ny hoe miaraka efitrano iray na amin'ny fotoana manokana ao anatin'ny andro)
- **Adin-tsaina/tebiteby/fahatsapana ho irery/tranga mampivarahontsana:** fihetseham-po na toe-javatra sarotra izay maka fanahy anao hitodika any amin'ny pôrnôgrafia ho fomba hialana sy hiatrehana ireo fahatsapana ireo
- **Maso:** tojo zavatra tsy misy pôrnôgrafia saingy maka fanahy amin'ny alalan'ny tambazotra ifaneraseana, horonan-tsary, sary, sy ny sisa.

*Fizarana 2:* Manaova drafitra ny amin'ny fomba hampihenana ny fakam-panahy.



Ohatra: raha misy fakam-panahy ara-toe-java-misy tahaka ny fahatsapana ho marefo amin'ny alina be, dia mety hanampy ny famonoana ny findinao 30 minitra alohan'ny hatoriana na ny fatoriana tsy miaraka amin'ny finday ao amin'ny efitrano fatorianao  Raha ny pôrnôgrafia no fomba iray entinao miatrika fahatsapana sarotra dia mitadiava fomba hafa hamehezana izany fahatsapana izany. Afaka mampihena ny adin-tsaina na ny tebiteby ve ny fanatanjahan-tena na ny fanafody? Afaka mampihena ny fahatsapana ho irery ve ny fandehanana mivoaka miaraka amin'ny namana na fisoratana anarana amin'ny kilasin'ny institiota? Eritrereto hoe inona no manahirana anao ary inona no safidy mety hanampy anao.

Ary koa, **aza tsinontsinoavina ireo fitaovana ara-panahy.** Ny vavaka, ny fandalinana ny soratra masina, ny fanompoana, ary ny fandehanana any am-piangonana sy any amin'ny tempoly dia fitaovana mahery vaika izay tena manan-danja amin'ny fampihenana ny fakam-panahy sy hanampy anao hijanona ho matanjaka.

*Fizarana 3:* Manaova drafitra ny amin'ny zavatra hataonao rehefa alaim-panahy ianao. Ho an'ny fakam-panahy tsirairay dia manorata drafitra misy ambaratonga maro.

Ohatra, rehefa alaim-panahy ianao dia afaka mamono haingana ny findainao, na mandefa hafatra na miantso olona, na mandeha mivoaka na manao fantanjahan-tena, na mamaky ny Bokin'i Môrmôna, na manao zavatra hafa izay mety hanampy anao hanova ny eritreritrao.

Soraty ireo dingana izay mety aminao! Indraindray ny fakam-panahy dia mandalo fotsiny ary tsy mila manaraka ireo dingana ao amin'ny drafitra fisorohanao. Fa ireo dingana ataonao dia afaka manampy anao hampitodika avy hatrany ny sainao any an-kafa. Raha vantany vao lasa ilay fakam-panahy dia ampio amin'izay zavatra nahomby ny drafitrao sy ny fomba azo hanovana izany mba hahomby kokoa amin'ny manaraka. Ataovy amin'ny toerana izay ahafahanao mahita izany isan'andro izany.

## 5. Fantaro ny mampiavaka ny lavo sy ny mivarilavo

Ny hoe lavo dia rehefa manao fahadisoana ianao ka miarina haingana ary mampiasa izany ho traikefa mampianatra mba hanatsarana ny drafitra fisorohanao. Ny hoe mivarilavo dia rehefa milavo lefona ianao sy manao ny ataonao ary tsy miraharaha.

Fantaro fa ny fahalavoana dia tafiditra ao amin'ny fanatsarana ny drafitra fisorohanao. Aza mieritreritra hoe very avokoa ny fandrosoana vitanao na hoe tsy misy dikany ny ezaka rehetra efa vitanao, satria tena manan-danja izany. Banjino amin'ny toe-tsaina tsara ny hoavy ary fantaro fa efa akaiky ho sitrana ianao.

Raha toa ka lavo ianao dia manontania tena hoe:

- Inona no nitranga?
- Inona no hafa tamin'ity fakam-panahy ity?
- Nanana adin-tsaina angaha ianao tato ato? Nanao ahoana ny fihetseham-ponao?
- Nanimba anao ve ny fandehanana fotoana kely tsy nandalina ny soratra masina?
- Tsy efa nanao fanazaran-tena be ve ianao vao haingana?
- Misy zavatra tsy manampy ve ao amin'ny drafitra fisorohanao?
- Inona no azonao ovaina ka hoataonao amin'ny manaraka?

Soraty ny zavatra ianaranao ary zory hatrany ny dianao!



## 6. Minoa ny hery manasitran'ny Mpamonjy

I Jesoa Kristy dia afaka manampy anao eo amin'ny fivoaranao amin'ny dingan'ny fibebahana, ary manana ny hery ny hanakafa anao Izy eo am-piezahanao mandresy ny pôrnôgrafia. Takany ny zavatra tsapanao ary miandry ny haka izany enta-mavesatra izany aminao Izy. Aza mieritreritra hoe mihamampavesatra ny enta-mavesany ny fitodihana any Aminy. Efa nefainy ny sarany ho anao. Ataovy izay tsara vitanao, manatòna ny Mpamonjy, ary angataho Izy hanampy anao ho sitrana, sy hanova ny fanirianao, ary hanome anao hery bebe kokoa entina mandroso.

Nampianatra ny Loholona Ulisses Soares ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Rehefa miezaka tsy tapaka ny handresy ireo olantsika isika, dia hanome antsika ny fanomezam-pahasoavan'ny fananana finoana ho sitrana sy hahavita fahagagana Andriamanitra. Izy no hanao ho antsika ny zavatra tsy vitan'ny tenantsika." [4]

## 7. Aza miady irery

Afaka manome hery sy fanampiana anao mba hahomby ihany koa ny fifandraisana sy ny finamanana. Tokony hanana olona afaka manampy anao ho tompon'andraikitra sy hanampy anao mandritra ireo andro tsara sy ratsy. Tokony hanampy anao amin'ny fomba tsy mitsaratsara anao izy ireo. Ary afaka manohana azy ireo toy izany koa ianao. Mikatsaha torohevitra amin'ireo mpitarika anao ao amin'ny Fiangonana na ny olona ao amin'ny fianakavianao. Ary raha ilaina, dia afaka manampy anao hahita ireo antony nahatonga anao mety manana fahasarotana amin'ny pôrnôgrafia ny mpitsabo na mpanolotsaina ara-pahasalamana matihanina.

## Tsarovy fa ianareo no ho ray aman-dreny sy mpitarika amin'ny atsy ho atsy

Ianareo no taranaka voalohany hiatrika tsy tapaka ny fahafahana mahita pôrnôgrafia. Mino aho fa amin'ny taranaka misy anareo no tena mihombo izany satria hanana fitaovana sy fahendrena tsara kokoa ianareo hitarihana ny hafa hiala amin'io fandrika io rehefa ray aman-dreny sy mpitarika ianareo indray andro any. "Ny [Ray] any An-danitra dia tsy nametraka antsika eto an-tany mba handamoka fa mba hahomby amim-boninahitra." [5]

Na dia afaka manampy anao amin'ny ezaka ataonao handresy ny pôrnôgrafia aza ireo paika ireo dia aza matahotra mijery loharano hafa ihany koa. Tsy mitovy ny lalan'ny tsirairay mankany amin'ny fahasitranana. Katsaho izay manampy anao. Aza milavo lefona. Atao tsikelikely izany. Ho vitanao io. Tena ho vitanao tokoa (jereo ny Filipiana 4:13). Dia ho lasa ilay olona tokony hahatongavanao ianao. ■


*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**

1. Rahavavy Joy D. Jones dia nanazava ny maha-samy hafa ny lanja sy ny fahamendrehana ao amin'ny "Fananana lanja tsy hay refesina," *Liahona,* nôv. 2017, 14.
2. Jereo ny Wendy Ulrich, "Tsy fahotana ny fananana fahalemena," *Liahona,* apr. 2015, 23; "Shame versus Guilt: Help for Discerning God's Voice from Satan's Lies" (digital-only article), *Ensign*, Jan. 2020.
3. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Afaka amin'ny fandriky ny pôrnôgrafia," *Liahona,* ôkt. 2015, 52. Manazava ny mampiavaka ireo ambaratonga samihafa amin'ny fandraisana anjara amin'ny pôrnôgrafia ny Filoha Oaks: (1) ny fijerena tsy nahy, (2) ny fampiasana tsindraindray, (3) ny fampiasana betsaka ary (4) ny fahazarandratsy (fiankinan-doha). Tsara ny mahafantatra hoe tsy izay rehetra mampiasa ny pôrnôgrafia no "miankin-doha." Misy fanantenana ny amin'ny fandresena ny pôrnôgrafia, na amin'inona na amin'inona dingana misy anao?
4. Ulisses Soares, "Mitondra ny hazo fijaliantsika," *Liahona,* nôv. 2019, 114.
5. Richard G. Scott, "Learning to Recognize Answers to Prayer," *Ensign,* Nov. 1989, 30.




DOCTRINAL
MASTERY



# Rehefa natokana

ho misiônera amin'ny fotoana feno hanompo ao amin'ny misiônan'i San Bernardino Californie aho dia niaraka tamiko ny fianakaviako. Ity dia sariko mamihina ny iray amin'ireo rahalahiko taorian'ny nanokanana ahy. Lava ny dia nahatongavana teo saingy feno fankasitrahana aho noho ireo fiovana hitako teo amiko sy teo amin'ny fianakaviako.

Tamin'izaho kilasy fahiraika ambin'ny folo tao amin'ny lycée dia niharan'ny lozampifamoivoizana goavana. Talohan'izay aho dia tsy nanao tsotra izao ireo zavatra izay tokony nataoko. Taorian'ilay loza anefa dia tena niova tanteraka ny fomba fijeriko. Saika maty aho tamin'izay, ary tsy naniry aho ny hiafaran'ny zava-drehetra tahaka izany. Ny evekako dia nanampy ahy hiverina eo amin'ny lalana tokony ho izy: famakiana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro ary fiomanana hanao asa fitoriana.

Ny hazakazaka no fanatanjahan-tena fanaoko, no sady zavatra ankafiziko ihany koa. Taorian'ilay loza dia tsy afaka nandray anjara tamin'ny ambin'ny taona intsony aho ary nanontany tena aho hoe inona moa izany no mba hany sisa ananako. Saingy nitodika tamin'ny Tompo aho, ary rehefa nanao izany aho dia tena nahavariana ny taona nanaraka izay. Mbola nisy ireo zavatra nanahirana, saingy ny zavatra niova kosa dia tsy nihazakazaka ho an'ny tenako intsony aho fa nataoko ho an'ny Tompo kosa izany.

Ny fahitana fotsiny ireo fitahiana maro izay afaka ny ho tonga avy amin'ny fahafenoan'ny filazantsara no nanova ahy. Noho ny fahazoana izany fahasambarana sy fifaliana rehetra izany dia maniry ny hizara izany manerana an'izao tontolo izao aho. Maniry mafy ny hananan'ny olona ny fifaliana ananako isan'andro noho ny filazantsara aho. Ary izany no antony hanaovako asa fitoriana amin'ny fotoana feno: hanampy "[h]anatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (Mosesy 1:39).

**Garret W., 18,** Caroline du Nord Etazonia

# ZATOVO

## VOTOATINY


58


54 **Fanompoana isan'andro ataon'i Marta**
Nataon'i Sam Lofgran

58 **Ny fomba nahitako fahasitranana tamin'ny fanararaotana ara-nofo**
Tsy nambara ny anarana

62 **Fanontaniana & valiny: Ahoana no hanesorako ao anatiko ny fahatsapana ho irery? Raha toa ka manana olana amin'ny fahasalaman'ny saina aho, moa ve mbola afaka manao asa fitoriana ny filazantsara?**

64 **Ny teny farany: Fanantenantsika, fahazavantsika, herintsika**
Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband

65 **Olona avy amin'ny Bokin'i Môrmôna: Rahalahin'i Jareda**

# ASA FANOMPOANA



# ISAN'ANDRO ataon'i Marta

*Miezaka mafy ity reny sy ny zanany vavy ity mba hiarahana miaina ny filazantsara. Ary afaka miaina izany i Marta amin'ny fanompoana an-dreniny amin'ny fomba miavaka.*



**Nosoratan'i Sam Lofgran**
Gazetibokin'ny Fiangonana

I Marta dia ankizivavy 11 taona avy any Portugal, ary tahaka ny ankizivavy rehetra mitovy taona aminy dia tia mandany ny fotoany miaraka amin'ireo namany sy misakafo ary milalao ny saribakoliny izy. Tia mandany fotoana miaraka amin-dreniny ihany koa izy. Saingy ny hoe miaraka miaina amin-dreny dia midika fa manana fiainana hafa kely amin'ny an'ireo ankizy hafa i Marta.

I Sonia renin'i Marta dia manana fahasembanana hatrany am-bohoka izay nananosarotra ny fahafahany mandeha. Tsy tena malemy tanteraka izy saingy mila mampiasa tehana mba hahafahany mandehandeha. Tsy afaka mampiakanjo tena izy, na mampandro tena, na mandeha ampandriana irery. Mahatonga azy ho tsy afaka mipetra-drery izany. Afaka nanampy an'i Sonia i Marta nandritra ireo taona vitsivitsy lasa amin'ny fanampiana azy amin'ireo zavatra izay tsy vitany irery.

"Hazoniko ho madio ny toerana ilalaovako mba hanamora ny fandehanan-dreniko eo," hoy i Marta. "Manajanona matetika ny kilalaoko ihany koa aho mba hahafahako manana fotoana mijery an-dreniko raha toa ka mila fanampiana izy. Raha eo am-pilalaovana aho no miantso izy dia tonga dia mandeha haingana aho satria mety zavatra maika izany."

Saingy i Sonia dia miezaka mamela an'i Marta hiaina tsara araka ny tokony ho izy. Rehefa tsy mila fanampiana i Sonia, dia ataony izay hananan'i Marta fotoana hilalaovana miaraka amin'ireo namany.

SARY NALAIN'I LESLIE NILSSON



## MIAINA NY FINOANY

I Marta dia manana ny fahafahana miaina ny filazantsara isan'andro amin'ny alalan'ny fanompoana an-dreniny. Mandray andraikitra betsaka mihoatra ny tokony ho andraikitry ny ankizy hafa izy. Ohatra, mifoha maraina be izy manampy an-dreniny ho vonona ny handeha hiasa mialoha ny handehanana any an-tsekoly. Raha tsy misy ny fanampian'i Marta dia tsy ho afaka mandehandeha na mandeha miasa i Sonia.

Miaraka mandeha miangona ihany koa i Marta sy i Sonia. I Sonia dia vita batisa fony izy valo taona, noho izany i Marta dia lehibe tato amin'ny Fiangonana. Mampianatra isan'andro an'i Marta momba ny maha-zava-dehibe ny filazantsara i Sonia. Fomba iray hanaovany izany ny fananana sarin'i Jesoa Kristy betsaka ao an-tranon'izy ireo.

"Fantatro fa velona Andriamanitra ary tena misy i Jesoa Kristy," hoy i Sonia. "Ary tiako ny tsirairay izay mankaty an-tranoko mba hahafantatra fa tena manan-danja amiko ny finoana. Zava-dehibe amiko ihany koa ny mampianatra izany an'i Marta mba hahatonga azy hihalehibe miaraka amin'izany fahalalana an'i Jesoa Kristy izany.

Noraisin'i Marta ny zavatra nampianarin-dreniny azy ary manohy mianatra irery ny filazantsara hatrany izy. Fomba iray tiany hianarana ny famakiana ny soratra masina, izay manampy azy hanorina fifandraisana matanjaka amin'ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy. "Rehefa mamaky ny soratra masina aho dia mahatsapa fa eo anilako i Kristy," hoy izy.

## MITADY FANKAHEREZANA

Na dia sarotra aza ny manana andraikitra betsaka toy izany, dia manampy an'i Marta hahita ny fankaherezana ilainy amin'ny fanampiana an-dreniny ny fandehanana any am-piangonana isankerinandro. "Rehefa tononina ireo vavaka eo am-panombohana sy famaranana ny fivoriana fanasan'ny Tompo, dia tena mahatsapa fiadanana aho" hoy izy. "Rehefa any aho dia matetika toa mahatsapa ny Ray any An-danitra milaza amiko fa olona tsara aho ary tokony manohy ny maha-olona tsara ahy hatrany amin'ny fanampiana an-dreniko."









Isaky ny mahatsapa izany izy dia mahatsiaro feno fankasitrahana noho ny reniny. Mahatsapa izy fa nandefa anjely ny Ray any An-danitra mba hanohana azy. "Mino aho fa mankahery ahy Izy mba hifoha ary ho faly sy mirehareha ny amin'ny reny izay ananako," hoy i Marta.

Anisan'ny lesona iray izay nianaran'i Sonia sy i Marta miaraka ny hoe tsy mora na tonga lafatra ny fiainana, na ho an'iza na iza. Hoy i Sonia: "Tsy misy mahatonga ahy halahelo ireo fahasarotana iainako. Fantatro fa Andriamanitra no nanome ahy ity nofo sy ra ary taolana toy izao ity satria miavaka aho, ary nilaza tamiko Andriamanitra fa vitako io. Manao izay tsara vitako aho. Afaka manao bebe kokoa aho, saingy amin'izao aho dia mahatsapa ho afa-po amin'ny tenako. Mampirehareha ahy ny zavatra ataoko, sy izay hoataoko amin'ny hoavy."

Mahita ihany koa i Marta fa hilamina ny zava-drehetra, na dia mety sarotra aza ny fiainana indraindray rehefa mikarakara an-dreniny izy. Hitany fa manana fanamby samy hafa ny tsirairay. "Tsy misy fiainan'olona tonga lafatra," hoy izy. Saingy na dia eo aza ny fanamby atrehany manokana dia mahita zavatra tsara ao anatin'ny toe-javatra tsirairay i Marta, ny fifandraisany amin-dreniny dia ohatra iray amin'izany. "Manana fahasembanana ara-batana ny reniko, saingy tena maranin-tsaina izy ara-tsaina sy ara-pihetseham-po. Tena mpinamana tsara izahay."

## MIBANJINA NY HOAVY

Koa inona no zavatra miandry an'i Marta sy i Sonia amin'ny hoavy? Hoy i Marta: "Te hijanona akaiky an-dreniko aho, ary mazava hoazy fa te hanambady sy hanan-janaka ary hanana fianakaviana aho. Saingy amin'ny hoavy, raha azoko atao, dia te hividy trano aho ho an'ny fianakaviako sy ho an-dreniko satria tsy te ho lavitra azy aho na dia iray andro monja aza!"

Manana fanantenana ny amin'ny hoavy ihany koa i Sonia ary feno fankasitrahana foana noho ny fiarahana sy ny fitiavan'i Marta. "Tena mahafinaritra ny manana zanaka vavy tsara. Tena tsara ny manana an'i Marta eo amin'ny fiainako. Fanomezana avy amin' Andriamanitra izy. Nomaniny hipetraka miaraka amiko eto i Marta." ■



*Niaina nofy ratsy aho. Saingy taty aoriana dia nianatra aho fa nandritra ireo fotoana sarotra indrindra niainako dia afaka niantehitra tamin'ny Mpamonjy aho.*

# Ny fomba nahitako fahasitranana *tamin'ny fanararaotana ara-nofo*

**Tsy nambara ny anarana**

Nanomboka izany nofy ratsiko izany fony aho fito taona monja ka nanambady indray ny reniko. Tena tianay ilay raikelinay vaovao. Tsara fanahy izy ary nifanentana tsara tamin'ny fianakavianay. Tena nahatsapa ho voaro aho rehefa teo izy. Nilamina tsara ny zava-drehetra mandrapahatonga ny andro iray rehefa variana avokoa ny rehetra dia nanolana ahy izy.

Tsy azoko tsara ny zavatra nataony tamiko. Natahotra sy very hevitra aho ary tena menatra be. Saingy tena natahotra aho ny hiteny amin'olona. Noeritreretiko sao hanimba ilay fahasambarana vao hitan'ny fianakaviako izany ary tsy hisy olona hino ahy mihitsy. Koa nangina aho.

Izay indray mandeha izay ihany izy no nandratra ahy saingy navesatra foana tato an-tsaiko ny fahatsiarovana ilay fanararaotana. Tena nahalasa adaladala ahy mihitsy tamin'ny farany ny hahitan'ny olona tamin'ny alalan'ny fijaliako sy hahafantarany ny tsiambarateloko ka nezahiko nafenina ny marina tamin'ny alalan'ny finamanana tsara tamin'ilay raikeliko. Tsara fanahy tamiko manokana izy, ka nanomboka tia azy indray aho.

Saingy vao mainka niharatsy anefa ny fandehan-javatra. Rehefa nanomboka niasa alina i Neny dia nanomboka nanararaotra ahy foana indray ilay raikeliko. Nahatsiaro ho tena very aho. Te halazako izy saingy be mpitia ilay raikeliko ka noeritreretiko fa hiaro azy avokoa ny rehetra. Koa amin'ny alina rehefa irery aho dia nitalaho tamin' Andriamanitra mba hanampy ahy hihazona ilay tsiambarateloko.

## MIRESAKA

Indray andro dia nijanona ihany ilay fanararaotana. Tsy fantatro hoe nahoana. Na dia tsy nandratra ahy intsony aza izy dia nahatsapa rikoriko sy henatra foana aho. Nankahala ny tenako aho. Indraindray aho dia milaza mihitsy hoe mora kokoa ny maty toy izay ny zava-misy iainako. Mbola te halazako ihany izy saingy natahorako ny mety ho vokatry ny filazana ny marina.

Avy eo indray alahady tamin'ny faha-14 taonako dia nihaino lesona iray momba ny fandraisana fanapahan-kevitra goavana aho. Namporisika anay ilay mpampianatra anay mba hifady hanina sy hivavaka ary nampanantena fa hankahery anay Andriamanitra mba hanao ny mety. Rehefa avy tany am-piangonana iny dia mbola nieritreritra ny zavatra nolazainy aho. Nanontany tena aho hoe raha mangataka ve aho dia tena hanampy ahy handaza marina Andriamanitra?

Ny andro manaraka izay dia nifady hanina aho mba hahazo herim-po hilaza amin'i Neny ilay fanararaotana. Tsy afaka nifantoka mihitsy aho tany am-pianarana satria nieritreritra be ny fihetsika izay mety hasetriny. Tamin'ny fotoana nahatongavako tao an-trano dia tena narary mafy aho. Nivavaka indray aho mba hahazo hery saingy tsy nahatsapa ho vonona ny hilaza aminy.

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES, NAMPIASAINA MBA HANEHOAN-JAVATRA, ARY OLONA NINDRAMINA NO NALAINA SARY

Tamin'izay hariva izay dia nanatona an'i Neny aho teo am-pikarakarany sakafo hariva. Tsy fantatro izay nolazaina saingy rehefa nijery ny masony aho dia nahita hery ka nanomboka niteny. Vao nanomboka aho dia niboraka avokoa izay rehetra nafeniko nandritra ny taona maro.

Nipetraka teo amin'ny seza izaho sy i Neny ary niara-nitomany. Taorian'izay izahay dia niresaka tamin'ny filohan'ny sampana nisy anay ary niantso pôlisy. Voaheloka tamin'ny zavatra nataony tamiko ilay raikeliko ary nomena ny fiarovana nilaiko aho, tsy hahita azy intsony aho.



## NY LALAN'NY FAHASITRANANA

Nandritra izany fotoana izany dia sarotra ny nitantara ny zavatra niainako tamin'ireo manampahefana sy ny manana namana manontany hoe aiza ny raikeliko, saingy niaraka tamin'ny fanampian'ny fianakaviako dia tsy nahatsapa ho irery intsony aho. Niray hina izahay ary nanana teny filamatry ny fianakaviana vaovao: "Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'ilay mpampahery ahy" (Filipiana 4:13). Nanolotra ny fitiavany sy ny fanohanany ihany koa ireo havanay lavitra, ary rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka sitrana izahay.

Nanatona mpanoro hevitra matihanina izahay, izay tena nanampy be. Tena ilay mpanoro hevitra ahy mihitsy no nilaiko. Nanampy ahy hahatakatra ny fihetseham-po rehetra tsapako izy ary nanampy ahy hiatrika ireo fahatsiarovana ratsy nananako. Tsy tsapako mihitsy hoe hatraiza ny fahoriako raha tsy efa nanomboka sitrana.

Tsy nieritreritra aho hoe hiala ilay fanaintainana satria nandaza aho, fa mbola tsy fantako ihany koa ny fotoana (sy ny faharetana) lany vao sitrana. Nandritra ny fotoana ela aho dia nahatsapa ho tsy nanan-danja. Nila nianatra nitia ny tenako aho.

Rehefa nitodika tamin'ny Mpamonjy ahy sy ny Raiko any An-danitra aho vao tena nahita fiadanana. Ny fahafantarana hoe fantatr' Izy Ireo *tsara* ny zavatra tsapako no nanome hery sy fanantenana ahy. Niantehitra tamin'izy ireo aho nandritra ireo fotoana mangidy indrindra. Rehefa nandeha ny fotoana dia nihasinda ny fahatsiarovako, ary tena nahatsapa fiadanana aho tamin'ny alalan'ny fitiavan'ny Mpamonjy.

Zavatra iray tena nahafinaritra indrindra tamin'ny dingan'ny fahasitranana dia ny nahafantatra fa *tena* nanana hoavy mamiratra aho. Rehefa nohararaotina aho dia tsy afaka nieritreritra mihitsy hoe mbola hanana fiainana toy ny mahazatra. Nahatsapa ho potika lalandava aho. Saingy tamin'ny alalan'ny fanampiana sy fanasitranana dia nahita zavatra tokony hibanjinana ny hoavy aho. Nanomboka nilaza ny tantarako tamin'ireo ankizivavy hafa mijaly aho, ary nanapa-kevitra ny hanao asa fitoriana mihitsy aza aho. Nankahery ahy ny fizarana tamin'ny hafa ny fijoroana ho vavolombelona nananako.

Tsy ny zavatra nataon-draikeliko ahy no mamaritra ahy. Nanova ny fiainako rahatrizay izy, saingy misafidy ny hampiasa ny zavatra niainako entina hanampiana ny hafa aho. Mbola misy andro sarotra saingy tao anatin'ny zavatra rehetra dia nankahery ahy ny Tompo, ary fantatro fa mbola hanohy hanampy ahy Izy. Tsy olona voa intsony aho fa lasa olona tafavoaka. ■

## RAHA TOA KA IHARAN'NY FANARARAOTANA IANAO

### Inona no atao hoe fanararaotana?

Ny fanararaotana dia fanaovana tsinontsinona na fampijaliana olona (toy ny ankizy, na ny zokiolona, na olona manana fahasembanana, na olona hafa) ka miteraka ratra ara-batana na ara-pihetseham-po na ara-nofo. Mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Mpamonjy izany.

"Ny fijerin'ny Fiangonana dia hoe ny fanararaotana dia tsy azo leferina na amin'ny endriny ahoana na amin'ny endriny ahoana" *Boky Torolalana Ankapobeny: Manompo ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany* [2020], 38.6.2.). Ny fanararaotana dia mandika ny lalàn' Andriamanitra ary mety handika ny lalàn'ny fiarahamonina ihany koa.

### Karazana fanararaotana

**Fanararaotana ara-batana:** Fihetsika mahery vaika na mahery setra ataon'ny olona iray amin'ny olona iray hafa ka mandratra ny vatana.

**Fanararaotana ara-nofo:** Firaisana na fifampikasohana ara-nofo, ka mampiasa hery, na mandrahona, na maka fahafinaretana amin'ilay iharan'ilay herisetra izay tsy afaka manaiky ny mpanao heloka. Ny firaisana ara-nofo rehetra eo amin'ny olon-dehibe sy ankizy dia fanararaotana na manaiky na tsy manaiky ilay ankizy.

**Fanararaotana am-bava na ara-pihetsehampo:** Fomba fihetsika izay inian'ny olona iray mamely matetika olona tsy misy fikasihan-tanana, toy ny teny henjana, fampitahorana, fanodikodinana, na fanalam-baraka. Mahatonga fihenan'ny fatokian-tena sy ny hasina izany. Na tsy mikasika ny vatana aza izany, ity karazana fanararaotana ity dia mandratra ny sain'ny olona sy ny fahasalamany ara-pihetsehampo.

### Fomba ahazoana fanampiana

Mila antsika manao izay rehetra azontsika atao ny Tompo mba hisorohana ny fanararaotana sy hiarovana sy hanampiana ireo izay iharan'ny fanararaotana. Tsy misy olona natao hiaritra ny fihetsika misy fanararaotana. Na izao izany no mitranga na efa ela be, dia afaka mahita loharanom-pitaovana afaka manampy anao ianao ao amin'ny abuse.ChurchofJesusChrist.org.

## MAHAZOA FANAMPIANA IZAO

"Raha toa ka misy manararaotra ianao izao na efa nararaotina tamin'ny lasa, dia mahazoa hery hikatsahana fanampiana. . . . Mikatsaha fanampiana avy amin'ny olona azonao atokisana. Ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao dia afaka manome torohevitra sarobidy ho anao ary manampy anao amin'ireo manampahefana sivily. . . . Aza matahotra, satria ny tahotra dia fitaovana hoampiasain'i Satana hampijaliana anao. Hanampy anao ny Tompo, saingy tsy maintsy mitady izany fanampiana izany ianao."

**Loholona Richard G. Scott (1928–2015) ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "To Heal the Shattering Consequences of Abuse," *Liahona,* mey 2008, 42.**



# Ahoana no hanesorako ao anatiko ny fahatsapana ho irery?

*"Ny fahatsapana ho irery dia toa ampahany amin'ny zavatra iainana ety an-tany. Noho ny famindrampony anefa dia nataon'ny Tompo izay tsy hahavoatery antsika hiatrika ireo olan'ny fiainana ety an-tany irery. . . . Nampanantenaina antsika ny fiarahana tsy tapaka amin'ny mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra, ka noho izany dia manana tombontsoa handray fanambarana ho an'ny fiainantsika manokana isika. Tsy irery isika!"*


**Sheri L. Dew, mpanolotsaina taloha tao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, "We Are Not Alone," *Liahona,* Jan. 1999, 112.**



## Ampitomboy ny talentanao

Mandresy ny fahatsapana ho irery aho amin'ny alalan'ny fampitomboana ny talentako, na izany zavamaneno, fialamboly, sns. Izany dia hanampy anao tsy hifantoka amin'ny fahatsapana ho irery, ary matetika dia misinda tanteraka izy ireny amin'ny farany. Izany koa dia hitarika anao hihaona amin'olona izay mitovy zavatra tiana aminao.

*Steven H., 12 taona, Nouveau Mexique, Etazonia*



## Katsaho ny Fahazavana

Mikatsaka ny fanampiana sy ny fankaherezana ary ny fitiavan'ny Ray any An-danitra sy ny Fanahy Masina aho mba hanome ahy fiadanana sy fanantenana ary hery rehefa misaintsaina sy mivavaka ary mamaky ny soratra masina. Araka ny voalaza ao amin'ny 3 Nefia 11:11 dia i Jesoa Kristy "no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao." Tonga Izy mba hampisinda ny haizina rehetra.

*Andrea B., 18 taona, Zulia, Venezuela*

## Manatòna ireo namana sy fianakaviana

Rehefa mahatsiaro ho irery aho dia tiako ny manatona ny namako sy ny fianakaviako; tena mahafaly ahy izany. Mandinika ireo fitahiana eo amin'ny fiainako aho ary misaotra ny Ray any An-danitra noho izay rehetra efa nomeny ahy!

*Talli N., 16 taona, Oregon Etazonia*



### Tsarovy ny drafitr' Andriamanitra

Fantaro fa noho ny drafitr' Andriamanitra dia tsy tokony hahatsiaro tena ho irery izany isika. Ny Fanahy Masina dia miaraka amintsika mandrakariva ary Andriamanitra dia mahafantatra ny olana mahazo antsika. Ny Tompo dia nandalo ny karazana fitsapana sy olana rehetra atrehanao. Iray amin'ireo zavatra manan-danja indrindra tsapantsika mandritra ny fiainana an-tany dia ny fahasambarana, saingy tsy afaka manana fahasambarana isika raha tsy misy ny alahelo (jereo ny 2 Nefia 2:11). Mivavaha amin' Andriamanitra ary mangataha fanampiana; tsy handao antsika izany Izy.

*Brock S., 17 taona, Utah, Etazonia*

### Matokia ny Tompo

Ny nandaozana ny tokantranoko mba hankanesana ao Brésil ho an'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia sarotra. Zara raha afaka niteny tamin'ny fiteny tany aho! Saingy nianatra aho fa raha manana ny Fanahin'ny Tompo miaraka aminao ianao dia tsy hahatsiaro ho irery izany mihitsy ianao. Mahafantatra anao sy hanampy anao foana Izy. Matokia azy!

*Elder Joseph Tolen, 20 taona, misiônan'i Campinas Brésil*

Mety ho asiam-panamboarana ireo valin-teny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara. Ireo valin-teny izay avoaka dia natao ho fanampiana sy ho fizaran-kevitra fa tsy toy ny fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.

SARY NALAIN'I KAY LYNN HODGES

***Inona no eritreritrao?***

"Inona no tokony ataoko raha toa ka efa nibebaka aho nefa mieritreritra foana momba ilay zavatra tsy nety nataoko?"

Alefaso ny valin-teninao ary raha tianao dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 nôvambra 2020, ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback").



## Raha toa ka manana olana eo amin'ny fahasalaman'ny saina aho, moa ve mbola afaka manao asa fitoriana ny filazantsara?

Eny. Ireo rehetra izay "manam-paniriana ny hanompo an' Andriamanitra . . . dia antsoina ho amin'ny asa" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 4:3). Ny *toerana* hanompoantsika dia tsy manan-danja mihoatra ny *fomba* hanompoantsika. Ary izay rehetra mieritreritra ny hanao asa fitoriana ny filazantsara dia hojerena ny fahasalamany ara-batana sy ara-tsaina.

Raha manam-paniriana hanao asa fitoriana ny filazantsara ianao dia miresaha amin'ny evekanao. Afaka manampy anao hanomboka ny dingan'ny fanaovana fangatahana izy. Ho tafiditra amin'izany dingana izany ny fandehanana any amin'ny dokotera sy olona matihanina hafa, sy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ary ny ray aman-dreny. Ireo fizahana ireo dia tsy natao hanombatombanana hoe "tsara" amin'ny Tompo ve ianao fa mba hanampiana amin'ny famantarana ny safidy tsara ho an'ny asa fanompoanao.

Ny *antso* mba hanompo dia mety ho tonga amin'izay rehetra maniry ny hanompo. Ny *fanendrena* azonao mba hanompo amin'ny toerana iray miavaka na amin'ny fomba iray miavaka dia mety hiankina amin'ny antony maro. Ny olona izay manana olana eo amin'ny fahasalamany (tafiditra amin'izany ny fahasalamana ara-tsaina) dia matetika nanafina izany ao amin'ny famenoany fangatahana, satria mieritreritra hoe hanampy azy ireo hahazo ny fanendrena izay tiany izany. Kanefa rehefa marin-toetra tsara ianao amin'ny mombamomba ny fahasalamanao (tafiditra amin'izany ny fahasalamana ara-tsaina), dia hitahy anao ny Tompo. Manantena anao hanao izay rehetra azonao atao Izy mba hanatsara ny fahasalamanao. Ary maro amin'ireo fikarakarana ny fahasalamana azonao any an-trano no azo tohizana any amin'ny sahan'ny misiôna.

Raha te hahafantatra bebe kokoa momba ny fahasalamana ara-tsaina dia mandehana ao amin'ny mentalhealth.ChurchofJesusChrist.org.

Raha te hahafantatra bebe kokoa momba ireo misiôna, tafiditra amin'izany ireo misiôna manao asa fanompoana, dia mandehana ao amin'ny ChurchofJesusChrist.org/callings/missionary.

# Fanantenantsika, fahazavantsika, herintsika

**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Rehefa notendrena ho Apôstôly aho dia nilaza ny Filoha Thomas S. Monson (1927–2018) fa izaho dia ho vavolombelona manokan'ny anaran'i Jesoa Kristy amin'izao tontolo izao. Tsy nohamaivaniko izany andraikitra izany. Nandalina fatratra ny soratra masina aho namantatra ny Tompo tamin'ny anarany sy ireo fiantsoana Azy. Ireto rehetra ho zaraiko amina-reo ireto dia avy ao amin'ny andinin-tsoratra masina izay mampahatsiahy antsika ny fanante-nantsika izay ao Aminy.

Izy no Fanantenan'ny Isiraely (Jeremia 17:13), Kintana mamirapiratra fitarika andro (Apokalypsy 22:16), Mpiandry tsara (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:44), Mpanolo-tsaina (Isaia 9:5; 2 Nefia 19:6), Andrian' ny fiadanana (Isaia 9:5; 2 Nefia 19:6), Mpanafaka (Romana 11:26), Fahazavan'izao tontolo izao (Jaona 8:12), ary Mpisoronabe ny amin'ny zavatra tsara ho avy (Hebreo 9:11). Mahery Izy ka mahavonjy (Almà 34:18; Fotopam-pianarana sy Fanekempihavanana 133:47) ary Izy ilay manana ny hery rehetra (Fotopampiana-rana sy Fanekempihavanana 61:1).

Manenika ny rehetra ny fitaoman'i Kristy. Eo Izy rehefa sahirana sy miezaka ny handroso isika. Ary raha manao fahadisoana isika dia mazava noho ny teo aloha ilay "fahazavana izay mamirapiratra ao amin'ny haizina" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:21). Tia antsi-ka Izy ao anatin'ny fotoana tsara indrindra sy maizina indrindra eo amintsika.

Tsy mitaky antsika hamisavisa izay tokony na tsy tokony hataontsika ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy. Mora takarina izay andrasany amintsika satria efa nataony izany. Rehefa manaraka Azy isika dia manjary tia izay tiany. Rehefa manavao ny fanekempihavanantsika Aminy isika isan-kerinandro rehefa mandray ny fanasana masina, dia mitombo ny fahatakarantsika momba Azy amin'ny maha-Mpanavotra izao tontolo izao (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:9), sy Fanahin'ny Fahamarinana, (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:9), ary ilay Teny (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:8) Azy.

Ry namako malala, izany no Mpamonjy izay fantatro, izay tiako sy lalaiko amin'ny foko manontolo. Avy amin'ny fanahiko manontolo no hijoroako ho vavolombelona momba Azy sy ny hatsarany ary ny famindrampony. Nampanantena Izy hoe: "Ianareo no sakaizako ary hanana lova miaraka Amiko" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:45).


I Jesoa Kristy foana no valin'ny olana sy fanamby rehetra izay tafiditra amin'ity fiainana an-tany ity. Manome tanjaka ho antsika ny fitiavantsika Azy, sy ny finoantsika Azy ary ny fiantehe-rantsika Aminy rehefa mahatakatra ny asa nanirahany Azy sy ny filazantsarany isika. ■

*Avy amin'ny fampitana ny Takariva hiarahana amin'ny Manampahefana Ambony iray ho an'ireo mpanabe ara-pivavahana notanterahina tamin'ny 8 feb. 2019.*

# Rahalahin'i Jareda







Nanamboatra sambo **hiampitana ny ranomasimbe.**



**Nitondra ny fianakaviany sy ny namany** avy teo amin'ny Tilikambon'i Babela ho any amin'ny tany nampanantenaina.

Nangataka ny Tompo mba hikasika vato 16 **hanazava ny sambo.**





Nahita **fahitana mahagaga,** izay voarakitra ao amin'ilay ampahany nofehezina tamin'ireo takelaka (jereo ny Etera 4:4–5).



**"Lehilahy vaventy sy mahery,** ary lehilahy nankasitrahan'ny Tompo fatratra tokoa," (Etera 1:34).

Niresaka tamin'i Jesoa Kristy **nivantana** (jereo ny Etera 3:13–20).

TAOKANTO VITA AMIN'NY TAPAKA TARATASY NATAON'I GAIL ARMSTRONG; TSIPIKA NOSORITAN'I KATIE DOCKRILL

**HO AN'NY TANORA**

*Moa ve ianao na ny olona fantatrao manana olana amin'ny fiankinan-doha? Misy ny fanantenana mba hisian'ny fiovana.*

44



ANKIZY SY ZATOVO

**FISOROHANA SY FANASITRANANA AMIN'NY FAMPIHARANA HERISETRA**

58, N12

ZATOVO

**FAHASALAMANA ARA-TSAINA SY IREO OLONA METY HO AZO ANTSOINA HO MISIÔNERA**

63

RAY AMAN-DRENY

**FAMPIANARANA FAHAFOLONKARENA**

N16, N18

**Manomboka amin'ny taona ho avy**

Gazetibokin'ny Fiangonana ho an'ny zatovo sy ny ankizy! Misorata anarana ao amin'ny store.ChurchofJesusChrist.org na any amin'ny ivon-toerana mpaninjara.


NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02167 25654 0

Ôktôbra 2020

Fizarana ho an'ny ankizy ao amin'ny *Liahona*, navoakan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

# Namana



Namangy ireo ankizy i Jesoa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna


Jereo ny pejy N20–22




**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Izaho sy ny fanasan'ny Tompo

Ny fanasan'ny Tompo no ampahany manan-danja indrindra ao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia mampanantena ny hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy. Mba hampiavaka ny fanasan'ny Tompo, isika dia …



Manao akanjo mampiseho ny fanajantsika ny fanasan'ny Tompo.



Mipetraka am-pahanginana mialoha ny fiantombohan'ny fivoriana.



Mihira ny hiran'ny fanasan' ny Tompo.




Mieritreritra an'i Jesoa ary manao fampanantenana ny hahatsiaro Azy mandrakariva.

Ny fanasan'ny Tompo dia manampy antsika hahatsapa ny Fanahy Masina. Manampy antsika hijanona eo amin'ny lalana miverina any amin'ny tokantranontsika any an-danitra izany. ●

*Notsoahina avy amin'ny "Ny fivoriana fanasan'ny Tompo sy ny fanasan'ny Tompo,"* Liahona, *nôv. 2008, 17–20.*

# Fampisehoana fitiavana an'i Jesoa

Afaka mampiseho ny fitiavantsika an'i Jesoa isika amin'ny alalan'ny fanehoana fanajana mandritra ny fanasan'ny Tompo. Inona no ataonao mandritra ny fanasan'ny Tompo?



Mipetraka am-pahanginana.



Mieritreritra ny hiran'ny fanasan'ny Tompo tiako indrindra.



Mieritreritra tantara momba an'i Jesoa.



Mivavaka amin'ny Ray any An-danitra.

SARY NATAON'I JULIANN LAW

Te hanana namana fotsiny i Kali

# Misakafo irery

**Nosoratan'i Stacy Lynn Carroll**
(Niainga tamin'ny tantara marina)

*"Ny feon'ny Fanahy malefaka tokoa"* (Bokin-kiran'ny ankizy, *105)*.

Niditra tao amin'ny efitra fisakafoana i Kali ary nijery manodidina. Samy nihazakazaka nanatona ny namany avokoa ireo ankizy hafa ary nivory teo amin'ny latabatra. Naresaka ilay efitra miaraka amin'ny feo mientanentana sy faly mihomehy. Vao andro faharoa tany an-tsekoly tamin'izay, saingy toa samy nanana olona niaranipetraka taminy ny tsirairay.

Nofihininy mafy ny fihazonana ny fitoeran-tsakafony dia nandeha teny amin'ny latabatra iray izy. "Afaka mipetraka eo akaikinao ve aho?" hoy i Kali nanontany.

Dia nisy ankizivavy lava volo miloko volontany nijery. Sady nitsefotra izy no nihifi-doha. "Tsia. "Efa misy tompony io," hoy izy.

"Eny ary." Nifindra teny amin'ny seza hafa tsy misy mipetraka i Kali dia nametraka ny fitoeran-tsakafony.

"Tsy afaka mipetraka eto ianao! Miambina ity seza ity aho," hoy ny ankizilahy iray nanao ankanjo mitsipitsipika maitso. Natosiny tamin'ny tany ny fitoeran-tsakafon'i Kali. Nihomehy avokoa ny namany rehetra.

Niondrika i Kaly ary nalainy indray ny fitoeran-tsakafony. Nandeha nanerana ilay efitra fisakafoana izy ary nipetraka tamin'ny latabatra tsy misy olona. Nahita olona iray nifanila taminy izy ary niezaka nikopaka, fa nitodika tany an-kafa izy. Nikentrona i Kali. Nahoana no tsy nisy olona te ho namany?

Nojeren'i Kali ny sakafony. Tsy te hihinana intsony izy. Nofafany ny ranomasony, dia nakatony ny fitoeran-tsakafony, ary nivoaka izy.





Efa samy nilalao niaraka tamin'ny namany avokoa ny tsirairay. Nipetraka irery teo amin'ny seza iray i Kali ary nijery ireo ankizy hafa nifalifaly tsy niaraka taminy. Dia nahatsikaritra ankizilahy iray i Kali avy eo izay nitovitovy taona aminy nipetraka irery teo amin'ny bozaka. Nanao akanjo mavo maloto izy ary mitsangana ny volony aoriana.

Nijery any an-kafa i Kali. Nahita andian'ankizy vavy miray kilasy aminy izy milalao baolina quatre carrés. Naniry ny hanasan'izy ireo azy mba hilalao miaraka amin'izy ireo izy.

Nijery tany amin'ilay ankizilahy indray i Kali. Nihantona ny lohany, ary naka ny ahitra teo amin'ny tongony izy. Dia nahatsiaro zavatra izay nolazain'i Neny azy i Kali manao hoe: *Jereo ireo ankizy izay irery.*

Nikentrona i Kali. Irery ihany koa *izy*. Tsy misy olona mba niezaka ny ho nama*ny*!

Saingy avy eo i Kali dia nieritreritra ny fotoana nanaovana batisa azy tamin'ny taon-dasa. Nampanantena ny hihaino ny Fanahy Masina izy. Mety hoe nanampy azy ny Fanahy Masina mba hahatsiaro ny zavatra nolazain'i Neny. Mety hoe niezaka nilaza taminy ny Fanahy Masina mba hilalao niaraka tamin'ilay ankizilahy manao akanjo mavo.

Nisento i Kali dia nitsangana. Nahatsapa hafanana tao am-pony izy. Nandeha izy ary nipetraka teo akaikin'ilay ankizilahy teo amin'ny bozaka.

"Manahoana," hoy izy.

"Manahoana," hoy izy ningonogonona.

"Inona no loko tena tianao indrindra?"

"Mm . . . maitso."

"Tsara izany. Mavokely no tiako," hoy i Kali. "Misy biby tena tiana indrindra ve?"

Nipetraka somary niarina ilay ankizilahy sady nijery azy. "Ie. Tena tiako ny dinosaure."

"Ô, izaho koa. Ny tricératops no tena tiako indrindra."

Nitsiky ilay ankizilahy.

Dia naneno avy eo ny lakolosy. Nitsangana i Kali ary nikopa-tanana nanao veloma an'ilay ankizilahy. Nitsiky izy raha nandeha niverina irery tao an-dakilasy. Mety tsy nanana namana izy, saingy nahatsapa fifaliana izy nahafantatra fa nanao izay hahatsara ny fakan-drivotry ny olona iray hafa. ●

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*



SARY NATAON'I BARBARA BONGINI



Maika ery aho ho any an-tsekoly. Saingy avy eo nanana fahatsapana fa tokony haka kitapo misy chips any an-trano aloha. Rehefa avy nisakafo dia toa nalahelo i Drew namako. Nanontaniako azy izay nanahirana ny sainy. Nilaza izy fa hadinony ny sakafony. Tsaroako ilay chips nentiko, dia nomeko azy izany. Hoy i Drew: "Izany no zavatra nahafinaritra indrindra nataon'ny olona tamiko tany an-tsekoly."

**Durham M., 11 taona, Utah, Etazonia**

# Maneho fiarahabana avy aty Madagasikara!

Salama ô, izahay no Margo sy Paolo.

Mandeha manerana izao tontolo izao izahay mba hahafantatra ireo zanak' Andriamanitra. Andao hiaraka aminay mandritra ny fitsidihanay an'i Madagasikara!





**Madagasikara** dia nosy iray ao atsinanan'i Afrika. Misy zava-maniry sy biby maro izay tsy hita any an-toeran-kafa eto amin'izao tontolo izao any, toa an'ity maki misy soritra miodidina eo amin'ny rambony ity!



Ireo ankizilahy ireo dia manampy amin'ny fitaterana fasian-drano plastika ho an'ny fianakavian'izy ireo. Amin'ny fomba ahoana no hanampianao ny fianakavianao?





Kely ny Fiangonana ao Madagasikara, saingy eo an-dalam-pitomboana. Amin'izao dia misy paroasy miisa 14 ary sampana miisa 26 any.



Misy karazana tana betsaka noho ny hita any an-toeran-kafa manerana izao tontolo izao ao Madagasikara!

**Andao hamantatra ny sasany amin'ireo namantsika avy ao Madagasikara!**



Fantatro fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika.

**Nathan, 7 taona, Antananarivo, Madagasikara**



Mpaminanin' Andriamanitra i Russell M. Nelson.

**Nomena, 6 taona, Antananarivo, Madagasikara**




Ireo hazo baobab ngeza be ireo dia afaka mitahiry rano betsaka ao anatiny, mahatratra hatramin'ny 120.000 litatra!



Ny ankamaroan'ny olona ao Madagasikara dia mihinam-bary in-droa na in-telo isan'andro, matetika miaraka amin'ny anana, na tsaramaso, na hena.

**Avy any Madagasikara ve ianao? Manorata aminay! Mba tianay ny handre vaovao avy aminareo.**

# Namana!



Raha manana *namana* vaovao ianao any Madagasikara dia inona no holazainao aminy?




SARY NATAON'I KATIE MCDEE



# I Faneva ilay misiônera

**Nosoratan'i Marissa Widdison**
Gazetibokin'ny Fiangonana
(Niainga tamin'ny tantara marina)

Nijery avy teo am-baravarankeliny ny arabe hibok'olona teny ivelan'ny tranony i Faneva. Mahita olona manosika sarety kely misy legioma, vary, akanjo, ary entana hafa amidy izy. Maheno fiara mampaneno klaxon sy alika mivoavoa izy. Dia avy eo izy naheno feo hafa.

"Mama ô, misy mandondòna izany!" Hoy Faneva niteny mafy. Nosokafan'i Mama ny trano. Lehilahy tanora anankiroa manao palitao sy karavato no teo am-baravarana. Mbola tsy nahita olona niakanjo tahaka azy ireo tao amin'ny faritra nisy azy tao Madagasikara i Faneva hatramin'izay.

"Izahay dia misiônera avy amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany," hoy ny iray tamin'izy ireo. "Mampianatra ny olona momba an'i Jesoa izahay. Afaka mizara hafatra aminareo ve izahay?"

Nientanentana ery i Faneva rehefa hitany fa nanasa azy ireo hiditra i Mama. Ny fianakaviana manontolo dia nangonona hihaino momba an'i Jesoa Kristy sy ny maha eto ambonin'ny tany ny Fiangonany indray.

Taorian'io andro io dia nitsidika ny fianakavian'i Faneva imbetsaka ireo misiônera. Nitondra boky antsoina hoe *Tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna* izy ireo. Tian'i Faneva ny famakiana io boky io miaraka amin'ny fianakaviany!

*Indray andro any aho dia ho misiônera ary hizara ny Bokin'i Môrmôna amin'ny hafa,* hoy i Faneva anakampo.

Tamin'ny fotoana iray hafa nahatongavan'ny misiônera dia nampianatra ny fianakavian'i Faneva ny fomba ivavahana izy ireo. Nianatra i Faneva fa afaka miresaka amin'ny Ray any Andanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra izy.

*Indray andro any aho dia ho misiônera ary hampianatra ny olona mikasika ny vavaka,* hoy i Faneva nieritreritra.

Indray andro dia nampianatra lesona manan-danja ny misiônera.

"Hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy ve ianao ka hatao batisa? hoy ny iray tamin'izy ireo.


Nahatsiaro fahasambarana tao am-pony i Faneva. "Eny!" hoy izy.


"Eny!" hoy ny rahalahiny sy i Mama.

I Papa kosa dia nilaza fa mbola tsy vonona ny hatao batisa. Saingy tsy nampaninona azy ny hoe hatao batisa ny ambin'ny fianakaviana. Ary dia natao batisa izy ireo! Ny iray tamin'ireo misiônera nampianatra azy momba an'i Jesoa no nanao batisa an'i Faneva.

*Indray andro any aho dia ho misiônera ary hanampy ny olona ho atao batisa,* hoy i Faneva nieritreritra.








Isan'ny zavatra tsara indrindra amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana ny fankanesana ao amin'ny Kilonga. I Faneva dia tia an'ireo fiaraha-mientana ary tia manao namana vaovao. Saingy ny zavatra tiany indrindra dia ny mihira ireo hiran'ny Kilonga. Indray alahady tao amin'ny Kilonga dia nihira hira momba ny fizarana ny filazantsara izy ireo.

Nihira i Faneva hoe: "Mba te ho misiônera aho izao." "Fa tsy miandry ho lehibe kokoa."


Tonga saina i Faneva, nieritreritra hoe: *Afaka manomboka manao asa fitoriana aho dieny izao. Tsy voatery miandry ny hoe efa lehibe!*

Nanomboka tamin'izay dia nitady fomba hizarany ny filazantsara i Faneva. Niezaka ny ho ohatra tsara izy. Nanasa ny olona hankany am-piangonana izy. Nanampy ireo mpifanolobodirindrina taminy izy. Taona vitsivitsy taty aoriana dia nahafahany nanampy 'ireo misiônera ny taonany ka dia nampianatra ny olona tao amin'ny tanàna nisy azy izy ireo. Taona vitsy taty aoriana indray dia nandeha nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno izy—nihaona tamin'olona vaovao ary nizara ny filazantsara, tahaka ny nizaran'ireo misiônera taminy. ●



**"Aleoko mandany fotoana miaraka amin'ireo misiônera toy izay manao zavatra hafa," hoy i Faneva. Nantsoina ho misiônera tao Madagasikara firenena niaviany izy.**

SARY NATAON'I SHANA KEEGAN




SARY NATAON' I BROOKE SMART

# Asehoy sy lazao

Amin'ity volana ity ny fihaonamben'ny Fiangonana! Ireto ny zavatra ankafizin'ny ankizy sasantsasany mikasika ny fihaonambe.



**Isabella B., 5 taona, Guatemala, Guatemala**



**Ilse N., 5 taona, Nuevo León, Meksika**




**Gabriel F., 10 taona, Minas Gerais, Brésil**




Mankafy mijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ao an-trano **i Shelem, sy i Josué, sy i Mía, ary i Ruth C., 5, 8, 6 volana, ary 3 taona, Durango, Meksika,**. Fihaonambe tena niavaka iny!



Tiako ny hira ataon'ny amboarampeon'i Tabernakely. Mahatsapa fiadanana foana aho.

**Jared B., 7 taona, Normandie, France**



Rehefa nijery ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aho dia nianatra momba ny nandikan'i Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna mba hahazoantsika ny tenin' Andriamanitra. Mampianatra ahy momba an'i Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna.

**Shalom A., 6 taona, Région de Dakar, Sénégal**



Tia nijery ny fihaonambe miaraka amin'ny fianakaviany **i Annelle, sy i Ruth, sy i Sarah, ary i Samira K., 8, 2, 6, ary 6 taona, Littoral, Bénin,**.

SARY AO AMBADIKA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

# Milaza hoe tsia, maheno

Tia antsika ny Ray any An-danitra ary tiany ho voaro isika. Ny filazana hoe tsia rehefa ilaina izany sy ny fanajana ny hafa rehefa milaza amintsika hoe tsia dia fomba ahafahantsika mihazona antsika ho voaro.

**Indraindray ianao dia mila miteny hoe tsia amin'ny fomba tsara.**



"Tsia fa misaotra. Afaka mahazo rano ve anefa aho?"


Anjaranao indray izao! Eritrereto hoe mila miteny tsia amin'ny fomba tsara ianao. Inona no azonao lazaina?

**Indraindray ianao dia mila miteny hoe tsia amin'ny fomba hentitra kokoa.**



"Tsy te hahita an'io aho. Tsy tokony hijery an'io isika."

Anjaranao indray izac
Eritrereto hoe mila
miteny tsia amin'ny
fomba hentitra kokoc
ianao. Inona no azonc
lazaina?



SARY NATAON'I ALYSSA TALLENT

hoe tsia

**Indraindray ny olona dia miteny hoe tsia amintsika mba hanampiana antsika ho voaro sy salama.**



“Azafady, tsy afaka mandeha ianao. Tsy azo antoka izany.”

Anjaranao indray izao! Eritrereto hoe misy olon-dehibe iray milaza tsia aminao ka tsy tianao izany. Inona no tokony hataonao?

**Indraindray ny olona dia miteny hoe tsia amintsika rehefa tsy mahazo aina.**



“Ajanony! Tsy tia-ko io kilalao io.”

Anjaranao indray izao! Eritrereto hoe misy olona mangataka anao mba hijanona tsy hanao zavatra iray. Inona no tokony hataonao?

o!

a

ao

Ahoana raha toa ka tsy mihaino anao milaza hoe tsia ny olona? Ahoana raha toa ka mandratra anao izy na manao zavatra mahatezitra?

- ★ **Misintaha raha azonao atao.**
- ★ **Lazao amin’ny olon-dehibe azonao antoka ny zavatra nitranga.**
- ★ **Tsarovy fa tsy fahadisoanao izany.**
- ★ **Na inona na inona mitranga, dia fantaro fa tia anao foana ny Rainao any An-danitra sy i Jesoa Kristy.**

# Antsoy i Dada

*Raha mamoy mafy aho, hoy Yu tao an-tsainy, dia ho tody any an-trano mialoha ny hahadibo-drano ny arabe.*

**Nataon'i Julie Cornelius-Huang**
(Niainga tamin'ny tantara marina)
Ny mpanoratra dia monina ao Utah Etazonia.

*"Matokia fa hitari-dalana anareo Aho" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 78:18).*

Nivoaka ny sekoly fiomanana ho amin'ny oniversite i Yu ka nanjoy ny sisin-dalana feno olona. Feno zavatra mahakasika ny kajy ny ao an-dohany noho ny kilasy ataony aorian'ny fotoam-pianarana mahazatra. Nandeha haingana ny olona sady nitondra elo. Nilatsaka haingana ny ranon'orana matevitevina ary nanomboka kotsa ny arabe.

Nankeo akaikiny i Lin naman'i Yu. "Tokony hiantso ny dadanao ianao haka anao," hoy i Lin. "I Ramose Zhang dia nilaza fa dibo-drano ny faritra sasany ato amin'ny tanàna."

"Afaka mody irery aho ka."

"Fa jereo anie ireto rano be dia be ireto e!" Hoy i Lin sady nanondro ny rano mikoriana haingana ao amin'ny tatatra.

Nandritra ny fotoana fohy dia nisy eritreritra nampihomehy tonga tao amin'i Yu. Marina ve ny an'i



Lin? Mety hoe *tokony* hiantso an'i Dada izy hitondra azy hody amin'ny fiara mialoha ny hahadibo-drano ny arabe. Izy sy i Dada anefa dia nifanditra ny alina talohan'io, ary mbola tezitra i Yu. Tsy te hangataka fanampiana amin'i Dada izy.

Nesorin'i Yu ny rojo fiarovana bisikiletany ary nanao veloma an'i Lin izy. *Raha mamoy mafy aho,* hoy izy tao an-tsainy, *dia ho tody any an-trano mialoha ny hahadibo-drano ny arabe.*

Namoy mafy izy, saingy vetivety foana dia nangatsiaka ny tanany, kotsa ny akanjony, ary reraka izy. Teo indray dia tonga tao an-tsainy ny eritreritra hiantso ny Dadany. Avy amin'ny Fanahy Masina ve izany fahatsapana izany? Ireo misiônera nanao batisa azy dia nilaza fa ny Fanahy Masina dia afaka ny hitarika azy. Nijery indray mitopy maso ny lanitra izy. Nanjombona be izany hany ka tsy nahita ny tampon'ireo tranobe izy. Mbola tezitra tamin'i Dada foana izy anefa.

Nolavin'i Yu ilay fahatsapana ary nanohy ny famoizana ny bisikiletany izy. Lasa avo be ny rano hany ka tsy maintsy nanidy ny tranombarony ireo tompon'izany. Nafindran'ny olona tao amin'ireo efitra ambony ny entan'izy ireo. Mahita renimpianakaviana iray manosika ny zanany eo ambony sambo kely vita amin'ny plastika ao anatin'ny tondra-drano i Yu.

Efa mihoatra ny eo amin'ny kitrokeliny izao ny rano, tsy afaka mamoy ny bisikiletany intsony i Yu. Nidina izy ary nanosika izany. Efa tara loatra angamba raha izao no hiantso an'i Dada, ary mbola avy foana ny orana. Nirefodrefotra ny kotro-baratra sy ny tselatra teo amboniny. Natahotra i Yu. Ary tena vizana be izy! Nijery teo anoloany izy. Mbola lavitra ny trano. Tsy tokony nanao tsinontsinona ny Fanahy Masina noho ny fifandirana tsisy dikany izy.

Niato i Yu hanaovana vavaka fohy. Tsy afaka nahare ny feony izy noho ny orana amam-baratra, saingy fantany anefa fa afaka nahare azy ny Ray any An-danitra.

"Ry Ray any An-danitra ô," hoy i Yu nivavaka. "Mba ampio aho ho tafaverina soa aman-tsara any an-trano." Rehefa nahavita ilay vavaka izy dia nahatsapa fa ampy ny heriny hanohizana ny dia.

Afaka nahita ny tranony teo amin'ny havoana ihany i Yu ny farany. Niakatra tsimoramora ny havoana i Yu sady nangatsiaka no reraka no very ihany koa ny ila-kirarony. Hitany ny Dadany niandry azy teo ivelany. Nihazakazaka haingana nidina ny havoana ny Dadany hitsena azy, ka nipitipitika ny rano nitsahany.

Rehefa tonga teo amin'i Yu i Dada dia napetrany nanodidina an'i Yu ny sandriny. "Tena nitaintaina be mihitsy aho!" Hoy i Dada. "Tokony niantso ahy ianao!"

"Ka nataoko hoe niady anie isika e," hoy i Yu.

"Izaho anie tsy mba hoe tezitra loatra izany ka tsy afaka hanampy anao e," hoy i Dada. Dia nalainy ny bisikiletan'i Yu ka natosiny raha nanao ny dia sisa tavela hiakarana ny havoana izy ireo.

Na dia nanakoako teny ampovoan'ireo trano avo be sy ny orambe mipatrapatraka aza ny kotrobaratra dia fahatsapana mafana no nameno ny fon'i Yu. Nahatsapa fiadanana sy fiarovana izy teo am-panarahana an'i Dada handeha hody. ●



"Fantatry ny Raintsika any An-danitra fa hiatrika olana sy fahoriana [isika]. . . . Mba hanomezana tanjaka sy fitarihana avy any an-danitra ho antsika eto ambonin'ny tany dia nomeny ny Fanahy Masina isika."

**Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Avelao hitarika anao ny Fanahy Masina," *Liahona,* mey 2017, 93.**

SARY NATAON'I BILL YOUNG

# Ireo pesos atao fahafolonkarena

**Nataon'i Alan Iván Ruiz Ontiveros**
(Nalaina avy tamin'ny tantara marina)




Nifoha maraina i Sofía. Andro miavaka androany. Hivarotra ranomboankazo mandritra ny varotra miserana ao amin'ny garazy ho tontosan'ny nenitoany sy ny dadatony izy androany! Nanomana tavoara lehibe feno ranomboankazo ho azy i Mamá.



I Sofía dia nanomana ny soratra famantarana. Nosoratany hoe "Ranomboankazo!" miloko volomboasary sy mavo ilay izy. Napetany tamin'ny scotch teo amin'ny latabatra kely izany. Dia nipetraka izy ary niandry.

Vetivety ihany dia tonga ny lehilahy iray. "Afaka mahazo iray kaopy ve aho?" hoy izy nangataka. Nandrotsaka pesos tao amin'ilay tavoara izy.

"Mazava ho azy!" Hoy i Sofía. Nandrotsahany ranomboankazo iray kaopy izy

Nanomboka nitsidika tsikelikely ilay varotra miserana ao amin'ny garazy ny olona. Ary nividy ny ranomboankazo matsiro tsikelikely ihany koa izy ireo. Nizotra tamim-pifaliana ny maraina. Vetivety ihany dia lany daholo ny ranomboankazo.

Nahetsiketsik'i Sofía ny tavoarany. Nikorintsana ireo pesos. Nahazo betsaka izy!

"Niasa tsara ianao!" Hoy Papá taminy.

Mbola tsy nahazo vola betsaka tahak'izao i Sofía hatramin'izay. "Ndeha hividy yoyo aho!"

SARY NATAON'I CONSTANZA BASALUZZO



Nitsiky i Papá. "Fantatrao ve ny zavatra ataonay sy Mamá rehefa mahazo vola izahay?"

Nahetsiketsik'i Sofía ny lohany.

"Mandoa fahafolonkarena izahay," hoy Papá. "Nanome antsika ny zavadrehetra ny Ray any An-danitra. Mangataka antsika mba hamerina Aminy ny ampahany kely amin'izany Izy. Mandoa fahafolonkarena isika satria tia Azy."

Nitsiky i Sofía. Te hampiseho amin'ny Ray any An-danitra izy fa tia Azy ihany koa.

Nanampy an'i Sofía hanisa ireo pesos i Papá. Isaky ny manisa 10 izy dia mametraka iray peso ao anaty valopy. Manampy azy hanoratra ireo tarehimarika eo amin'ny taratasy kely fotsy i Papá. Hatsofok'izy ireo ao anatin'ilay valopy miaraka amin'ny pesos ilay taratasy. Dia hidin'izy ireo tsara ilay izy avy eo. I Sofía dia mikasa hanome ilay valopy amin'ny eveka rahampitso any am-piangonana.

"Inona no tsapanao?" Hoy i Papá nanontany an'i Sofia.


"Tena faly aho! Ary mbola manana vola aho hividianana yoyo." Nahatsapa izy fa faly tamin'ny safidy nataony ny Ray any An-danitra. ●


*Monina ao Chihuahua Meksika ny mpanoratra.*

# Fotoan'ny fahafolonkarena

Mangataka antsika mba handoa ny fahafolonkarena ny Ray any An-danitra. Midika izany fa manome ny iray ampahafolon'ny vola azontsika. Azonao ampiasaina ity pejy ity ho fampiharana.

Isao ireo vola. Isaky ny mahavita manisa folo ianao dia lokoy ny anankiray. Ireo vola voaloko no tokony haloanao ho fahafolonkarena.




Vonona hanao zavatra sarotsarotra kokoa ve? Ampio an'ireo vola etsy ambany. Dia lokoy ireo vola tokony haloanao ho fahafolonkarena. (Tsarovy fa isaky ny 10 dia manome iray.) ●




SARY NATAON'I TOM CHILD



# Mizara ny Filazantsara

**Nosoratan'ny Loholona Edward Dube**
Ao amin'ny Fitopololahy

*"Mianara amiko . . . dia hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo" (Matio 11:29).*

Nanome ahy tahadika iray an'ny Bokin'i Môrmôna ny lehilahy izay niasako. Saingy tsy novakiako izany efa ho roa taona. Indray alahady dia noraisiko ilay boky ary nandeha tamin'ny lalamby iray ivelan'ny tanàna nipetrahako tao Zimbabwe aho. Nipetraka aho ary nanomboka namaky.

Tamin'ny voalohany dia sarotra takarina izany. Saingy naveriko novakiana ombieny ombieny ny tenivavolombelon'i Joseph Smith. Nikasika ny folo ny teniny.

Taty aoriana dia nisy olona nanasa ahy ho any ampiangonana. Tamin'ny voalohany dia tsy nahazo aina aho ka nipetraka tany amin'ny seza tany aoriana. Saingy rehefa nanomboka nizara ny fijoroana ho vavolombelona nananany momba an'i Jesoa Kristy sy ny Bokin'i Môrmôna ny olona dia nahatsapa zavatra nahafinaritra aho tato anatiko.

Tsy ela taorian'izay dia tonga tao amin'ny manodidina ny nisy ahy ireo misiônera. Vetivety dia natao batisa aho. Taona maro taty aoriana dia nahazo voninahitra ny hanao asa fitoriana aho ary nizara ny filazantsara tamin'ny olona maro hafa.

Nitombo be ny Fiangonana tao Zimbabwe. Saingy mbola misy maro azontsika atao hizarana ny filazantsara, na aiza na aiza misy antsika. Amin'ny alalan'ny vavaka, sy ny fandalinana ny soratra masina, ary ny takarivam-pianakavy ianao dia afaka mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona ananananao sy hijanona akaikin'ny Ray any An-danitra. Ny fijoroana ho vavolombelona ataonao dia afaka mitahy ny fiainan'ny olona maro manerana izao tontolo izao. ■



SARY NATAON'I TIM ZELTNER

# Nanaraka an'i Jesoa ireo olona mahatoky



Rehefa nitsidika ny Nefita i Jesoa dia nampianatra azy ireo momba ny batisa sy ny fomba fandraisana ny fanasan'ny Tompo Izy. Nanangana ny Fiangonany Izy.



Nitsodrano ny zaza tsirairay i Jesoa. Nisy anjely tonga! Nanasitrana ny vahoaka i Jesoa ary nivavaka ho azy ireo. Dia niverina any an-danitra Izy avy eo.




Rehefa nandeha i Jesoa dia nanohy nanao ny zavatra nampianariny ny vahoaka. Niara-niasa ny rehetra ary nizara ny zavatra nananany mba tsy hisy olona mahantra na dia iray aza. Nitsodrano an'ireo izay marary ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana.



Tsy niady izy ireo fa nisafidy ny hifampinamana kosa. Samy nanaraka ny didin' Andriamanitra ny tsirairay. Ary sambatra izy ireo nandritra ny fotoana naharitra.


SARY NATAON'I APRYL STOTT



Ho falifaly kokoa ny fiainako rehefa manaraka ny didin' Andriamanitra aho. Afaka mizara izay ananako amin'ny hafa aho. Afaka manampy ny olona hinamana aho. ●

*Vakio ny momba an'ity ao amin'ny 3 Nefia 17 hatramin'ny 4 Nefia 1.*

# Niaina tao amin'ny fahasambarana ny olona



Inona no azonao atao mba hanampiana ny fianakavianao ho sambatra?

SARY NATAON'I APRYL STOTT

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

# Ry ray aman-dreny malala,

Ny ankizy tsirairay dia tokony harovana sy hokarakaraina. Nametraka ohatra momba izany i Jesoa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, nitsodrano sy nivavaka ho an'ny ankizy tsirairay (jereo ny pejy N20–23). Ahoana no fomba ahafahantsika mitahy sy miaro ireo ankizy fantatsika? Misy ohatra vitsivitsy ireto:

- Afaka miaro azy ireo ara-batana isika ary mampianatra azy ireo hanaja ny vatan'ny olona hafa (pejy N12–13).
- Afaka manampy amin'ny fiarovana azy ireo ara-panahy isika amin'ny famporisihana azy ireo handray ny fanasan'ny Tompo (pejy N2–3).
- Afaka mampianatra azy ireo mba hangataka fanampiana isika rehefa mila izany izy ireo (pejy N14–15).

Azonao atao ny maka ny iray amin'ireo hafatra ireo mba hovakian'ny fianakaviana miaraka. Alaivo antoka ny ahafantaran'ireo zanakao fa tena tiana izy ireo!

Tianay ianareo,
*Namana*

**ALEFASO AO AMIN'NY *LIAHONA* NY ASA TANAN'NY ZANAKAO NA NY ZAVATRA NIAINANY**

Midira ao amin'ny liahona.ChurchofJesusChrist.org ary tsindrio ny "Submit an Article or Feedback." Na mandefasa email amin'ny liahona@ChurchofJesusChrist.org miaraka amin'ny anaran'ny zanakao, ny taonany, ny tanàna ipetrahany ary ity fanambarana fanomezan-dalana ity: "Izaho, [ampidiro ny anarana], dia manome lalana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hampiasa ny zavatra nalefan'ny zanako any amin'ny gazetibokin'ny Fiangonana, sy any amin'ireo tranonkalan'ny Fiangonana ary any amin'ireo sehatry ny tambazotran-tserasera sy izay mety ho fitaovana hafa ampiasain'ny Fiangonana." Tsy andrinay ny handrenesana vaovao avy aminareo!

## VOTOATINY


**N2** Avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Izaho sy ny fanasan'ny Tompo

**N4** Misakafo irery

**N6** Maneho ny fiarahabana avy aty Madagasikara!

**N8** I Faneva ilay misiônera

**N10** Hevitra Tsara

**N11** Asehoy sy lazao

**N12** Milaza hoe tsia, maheno hoe tsia

**N14** Antsoy i Dada


**N16** Ireo pesos atao fahafolonkarena

**N18** Zavatra mahafinaritra: Fotoan'ny fahafolonkarena

**N19** Avy amin'ny namana ho an'ny namana: Mizara ny filazantsara

**N20** Tantara ao amin'ny soratra masina: Nanaraka an'i Jesoa ireo olona mahatoky

**N23** Pejy holokoina: Niaina tao amin'ny fahasambarana ny olona

**Tadiavo ilay Liahona miafina ato!**

**EO AMIN'NY FONON'NY *NAMANA***
Sary nataon'i Jim Madsen.

© 2020 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED

MALAGASY

4 02167 25654 0